

NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2013

# Liahona

**Jesoa Kristy: Mpanavotra  
sy Fakan-tahaka, p. 18, 26**

**Ny Namana dia ireo Olona Izay . . . , p. 52**

**Moa ve Ianao Niova Fo?  
Fomba 10 Ahafantarana Izany p. 56**

**Miresaka momba ny Tempoly  
miaraka amin'ny Zanakao p. 62, 64**





*“Ny hazava-  
n’i Kristy  
dia ilay hery  
masina na  
hery mitarika  
avy amin’An-  
driamanitra  
izay miely  
amin’ny alala-  
n’i Jesoa Kristy.  
Manome  
hazavana sy  
fiainana ny  
zava-drehetra  
izany.”*

Loholona Richard G. Scott  
ao amin’ny Kôlejin’ny  
Apôstôly Roambinifolo,  
“Peace of Conscience and  
Peace of Mind,” *Liahona*,  
Nôv. 2004, 15.



HAFATRA

- 4 **Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Nitsangana Tamin'ny Maty Izy**  
Nosoratan'ny Filoha  
Henry B. Eyring
- 7 **Hafatra ho an'ny Famangiana Isan-tokantrano: Ireo Fane-kempihavanan'ny Tempoly**

LAHATSORATRA  
MANOKANA

- 12 **Fahafatesana sy Fiainana: Fomba Fijerin'ireo Mpisava Lalana ny Fitsanganana amin'ny Maty**  
*Mijoro ho vavolombelona mikasika ny fahitana fanantenana ao amin'ny fitsanganana amin'ny maty ireo mpisava lalana sy mpaminany teo aloha.*

EO AMIN'NY FONONY

EO AMIN'NY FONONY: Sary nataon'i Tim Taggart © IRI. Ao ambadika: Sary nataon'i Matthew Reier. EO amin'ny fonony aloha ao anatin'ny: Sary nataon'i Kristine Sumska.

- 18 **Ny Asa Nanirahana an'i Jesoa Kristy sy ny Asa Fanompoana Nataony**  
Nosoratan'ny Loholona  
Russell M. Nelson  
*Afaka maka tahaka lafin-javatra dimy teo amin'ny Fiainan'ny Mpamonjy isika rehefa mikatsaka ny hanaraka Azy sy hahatakatra ny Sorompanavotany.*

- 26 **Herinandron'ny Paska**  
*Nanatanteraka ny fahagagana faran'izay lehibe nisy hatramin'izay ny Mpamonjy tao anatin'ilay herinandro farany teo amin'ny Fiainany.*


- 30 **Manampy ireo Ankizy Hiomana amin'ny Batisa**  
Nosoratan'i Jessica Larsen sy i Marissa Widdison  
*Inona no azon'ny ray amandreny atao mba hahatonga ny batisan'ny zanany hanan-danja kokoa?*

- 34 **Voasarika ho any amin'ny Tempoly**  
Nosoratan'ny Loholona  
Jairo Mazzagardi  
*Ianaro ny fomba ahafahan'ny tempoly manampy amin'ny fahazoana fiovam-po.*

DEPARTEMANTA

- 8 **Sora-pitadidiana mikasika ny Fihaonamben'ny Fiangonana Volana Aprily: Miaraka Mandalina Ireo Lahatenin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana**  
Nosoratan'i Greg Batty
- 9 **Mampianatra ny Jeunes Soyez Forts: Ny Maha Zava-dehibe ny Namana Tsara**
- 10 **Ny Zavatra Inoantsika: Mankahery sy Manentana ny Fanahy ary Mijoro ho Vavolombelona ny Fanahy Masina**
- 36 **Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**
- 74 **Vaovaom-piangonana**
- 80 **Mandrapihaonantsika Indray: Misotro avy amin'ilay Loharano**  
Nosoratan'i Aaron L. West





#### 40 Misafidy ilay Ampahany Tsara Kokoa

Nosoratan'i Matthew D. Flitton  
*Tsy maintsy nahafoy ireo zavatra tsara sasantsasany i Zoltán mba hanolorany tena tanteraka ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa.*

52



#### 42 Fanontaniana sy Valiny

*Ahoana no ahafahako manazava amin'ny namako fa zavatra ratsy ny fandikana ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena?*

#### 44 Ahoana no Fomba Hanompoana ao amin'ireo Antso ao amin'ny Fisoronana

Nosoratan'ny Filoha  
 Thomas S. Monson  
*Fantaro ny fanalahidy ahafahana manampy sy mampianatra ireo izay tompoinao sy mampisy fiantraikany eo amin'ny fiainany.*

#### 45 Sehatra ho Antsika

#### 46 Inona no Antony Ilantsika ny Bokin'i Môrmôna?

*Antony efatra mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho manan-danja.*

#### 48 Maniry eo amin'ny Tany Lonaka: Zatovo Mahatoky any Ouganda

Nosoratan'i Cindy Smith  
*Ampahatanjahan'ny fahafoizana ataon'izy ireo ho an'ny filazantsara ireo zatovolahy sy zatovovavy ireo.*

#### 52 Ry Tanora, Mahereza: Inona no atao hoe Tena Namana?

Nosoratan' i Elaine S. Dalton

#### 54 Ahoana no Ahafantarako: Ny Nanasana Ahy Handray Famojena

Nosoratan' i Emerson José da Silva  
*Rehefa nanaiky ilay fanasan'ny namako aho dia nahafantatra fa nahita zavatra manan-danja.*

#### 56 Fomba Folo Ahafantarana hoe Niova Fo Ianao

Nosoratan'i Tyler Orton  
*Nanampy ahy hahita ny lalako ao amin'ny filazantsara ny zavatra nianarako momba ny fiovam-po.*

#### 59 Peta-drindrina: Tsy Hanenenana Ny Miasa Mafy



*Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Fanorotroana: Ampiasao ilay fijerin'ny olona be herimpo anananao.*



#### 60 Ilay Misiônera Kelin'i Bebe Deny

Nosoratan'i Emília Maria Guimarães Correa  
*Ny fitiavan'i Vitor ny filazantsara dia niteraka fiovam-po tamin'ny renibeny.*

#### 61 Vavolombelona Manokana: Nahoana no Manana Anarana Lava Be Toy Izany ny Fiangonana?

Nosoratan'ny Loholona  
 M. Russell Ballard

#### 62 Mankalaza ireo Tempoly!

Nosoratan' i Darcie Jensen  
*Mankalaza ny fananana tempoly eo akaikin'izy ireo ny ankizy manerana an'izao tontolo izao.*

#### 64 Fanontaniana sy Valiny mikasika ny Tempoly

*Valin'ny fanontaniana toy ny hoe: Nahoana isika no manana tempoly? Inona no mitranga ao anatin'izy ireny?*

#### 65 Hira: Afaka Hiaraka Mandrakizay ny Fianakaviana

Nataon'i Ruth Muir Gardner sy i Vanja Y. Watkins

#### 66 Mitondra ny Kilonga Mody: Naverin' i Jesoa Kristy tamin'ny Laoniny tamin'ny Andro Farany ny Fiangonany

#### 68 Manaraka ny Dia: Ny Toerana Izay Nanorenana ny Fiangonana

Nosoratan'i Jan Pinborough

#### 70 Ho an'ny Ankizy Madinika

#### 81 Fampahafantarana ny Mpaminany Iray: Wilford Woodruff



Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonana'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejiny Apôstôly Roambinifolo:** Boyd K. Packer, L. Tom Perry, Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Richard G. Scott, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen

**Mpanomana ny fanontana:** Craig A. Cardon  
**Mpanorohevitra:** Shayne M. Bowen, Bradley D. Foster, Christoffel Golden Jr., Anthony D. Perkins

**Tale mpitantana:** David T. Warner  
**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn

**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg  
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson  
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr LaRene Porter Gaunt

**Mpanampy amin'ny Famoahana:** Melissa Zenteno  
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Susan Barrett, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flittot, Mindy Raye Friedman, Lori Fuller, Garry H. Garff, Jennifer Grace Jones, Hikari Loftus, Michael R. Morris, Richard M. Romney, Paul VanDenBerghe, Julia Woodbury

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen  
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson  
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, Kerry Lynn C. Herrin, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Scott M. Mooy, Brad Teare

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune  
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters  
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe Bridge, Howard G. Brown, Julie Burdett, Bryan W. Gygil, Kathleen Howard, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Ty Pilcher, Gayle Tate Rafferty

**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin  
**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick  
**Talen'ny Fanaparihana:** Evan Larsen

**Tompon' andraikitra ny fandikan-teny:** Rakotondraso Ziva Lalariwelo  
**Mpanidika teny:** Rabemalanto Lucia, Ifano Rasolondraibe, Ramamonjisoa Hanitra, Andriamaheninisoa Tatamo

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanada dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanaparihana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny parosy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny [liahona.lds.org](http://liahona.lds.org); amin'ny alalan'ity e-mail [liahona@ldschurch.org](mailto:liahona@ldschurch.org); na amin'ny alalan'ity adiresy *Liahona*, Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandy, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soailly, Soedoa, Tagalôgy, Tahisiana, Tailandy, Tongana, Tseky ary Vietnaminiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy).

© 2013 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natontata tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: [cor-intellectualproperty@ldschurch.org](mailto:cor-intellectualproperty@ldschurch.org).

**For Readers in the United States and Canada:**  
April 2013 Vol. 13 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is \$2.00 per year; Canada, \$2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address must be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send address changes to Salt Lake Distribution Center, Church Magazines, PO Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368.

# Fanovoazan-kevitra ho an'ny Takarivan'ny Mpianakavy

*Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ireto misy ohatra vitsivitsy.*



SARY NALAINI CODY BELL © IRI

## "Ny Asa Nanirahana an'i Jesoa Kristy sy ny Asa Fanompoana Nataony,"

pejy 18: Ny Loholona Russell M. Nelson dia mizara lafin-javatra dimy teo amin'ny fiainan'i Jesoa Kristy izay azontsika alain-tahaka. Ifanakalozy hevitra ireo lafin-javatra ireo sy ny fomba hampiharana azy ireo eo amin'ny fiainanao. Azonao atao ny mamaky tantara iray avy ao amin'ny fiainan'ny Mpamonjy ao anatin'ny soratra masina na mijery horonan-tsarin'ny Baiboly ([biblevideos.lds.org](http://biblevideos.lds.org)) izay mampiseho ny iray amin'ireo lafin-javatra ireo. Azonao atao ny mamarana amin'ny alalan'ny fijoroanao ho vavolombelona mikasika ny fiainany sy ny asa fanompoana nataony ary mihira ny "Ah, Donne-moi Père" (*Cantiques*, no. 70).

## "Inona no Atao hoe Tena Namana?"

pejy 52: Azonao atao ny manomboka amin'ny fametrahana fanontaniana

hoe: "Inona no atao hoe tena namana? Vakio ny famaritana nomen'ny Loholona Robert D. Hales ary ifanakalozy hevitra ny hoe tokony ho karazana namana toy ny ahoana isika. Mizarà zava-niseho tao anatin'ny fotoana iray izay nanehoan'ny olona iray taminao hoe tena namana izy ary lazao ireo toetra izay afaka manampy ireo olona ao amin'ny fianakaviana ho namana tsara kokoa ho an'ny hafa.

**"Mankalaza ireo Tempoly!"** pejy 62: laraho mijery amin'ny fianakavianao ireo fomba samihafa nentin'ny ankizy nankalaza ny tempoly. Asehoy ny sarin'ny tempoly akaiky indrindra ny toerana misy anao ary lazao ny maha zava-dehibe ny tempoly. Hamafiso fa any amin'ny tempoly ihany no azo hamehezana ny fianakaviana. Azonao atao ny mamarana izany amin'ny alalan'ny fihirana ny "Afaka hiaraka mandrakizay ny fianakaviana" (pejy 65).

## AMIN'NY FITENINAO

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny [www.languages.lds.org](http://www.languages.lds.org).

## LOHAHEVITRA AO AMIN' ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

**Asa atao any amin'ny tempoly,** 7, 64, 38, 65, 80  
**Asa Fanompoana,** 44, 70  
**Asa fitoriana,** 34, 39, 48, 52, 54, 60  
**Batisa,** 30  
**Bokin' i Môrmôna,** 46  
**Fahadiovam-pitondrantena,** 42  
**Fahafatesana,** 4, 12, 39  
**Fahafoizana,** 40  
**Faharetana,** 59  
**Famerenana amin'ny laoniny,** 66  
**Fanahy Masina,** 10, 36

**Fanambarana,** 10, 46  
**Fanantenana,** 12  
**Fanasan'ny Tompo,** 18  
**Fanekempihavana,** 7  
**Fankatoavana,** 40, 42, 56  
**Fenitra,** 42, 45  
**Fianakaviana,** 30, 65  
**Fifaliana,** 37  
**Fihaonamben'ny Fiangonana,** 8, 37  
**Finamanana,** 9, 52, 54  
**Finoana,** 48  
**Fiovam-po,** 34, 54, 56, 60  
**Firafitry ny Fiangonana,** 61

**Fisoronana,** 44  
**Fitaomam-panahy,** 36, 38  
**Fitsanganana amin'ny maty,** 4, 12, 26  
**Jesoa Kristy,** 4, 18, 26  
**Laharam-pahamehana,** 40  
**Mampianatra,** 8, 9, 30  
**Ohatra,** 48  
**Ôrdônansy,** 18  
**Smith, Joseph,** 66  
**Sorompanavotana,** 18, 26, 45  
**Tempoly,** 34, 62  
**Vavaka,** 18, 45  
**Woodruff, Wilford,** 81





**Nosoratan'ny Filoha  
Henry B. Eyring**

Mpanolotsaina Voalohany ao  
amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Nitsangana Tamin'ny Maty Izy

Loharanon'ny fanantenana sy fandraisana fanapahan-kevitra ny fijoroana ho vavolombelona mikasika ny tena fisian'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Ary afaka miseho amin'ny zanak'Andriamanitra rehetra izany. Loharanon'ny fanantenana sy fandraisana fanapahan-kevitra izany ho ahy indray andro fahavaratra iray tamin'ny Jona 1969 rehefa nodimandry ny reniko, ary toy izany foana nanomboka tamin'izay sy nandritra ireo taona rehetra hatramin'izay ary mbola ho toy izany mandra-pahitako azy indray.

Voasolo fifaliana teo no ho eo ihany ilay alahelo avy amin'ny fisarahana vetivety. Mihoatra noho ny fanantenana fihaonana ao anatin'ny fifaliana izany. Satria nanambara zavatra maro tamin'ny alalan'ny mpaminaniny ny Tompo ary satria namafisin'ny Fanahy Masina tamiko ny fahamarinan'ny Fitsanganana amin'ny maty, dia azoko alaina sary an-tsaina hoe hanao ahoana izany ho tafaraka indray amin'ireo olontantsika izay masina sy nitsangana tamin'ny maty izany:

“Ireny no ireo izay hivoaka amin'ny fitsanganan'ny marina amin'ny maty. . . .

“Ireny no ireo izay voasoratra any an-danitra ny anarany, izay Andriamanitra sy i Kristy no mpitsaran'ny rehetra.

“Ireny no ireo izay olona marina natao fanaperana tamin'ny alalan'i Jesoa, ilay mpanalalan'ny fanekempihavanana vaovao, izay nanantontosa ity sorompanavotana fanaperana ity tamin'ny alalan'ny fandatsahana ny rany ihany” (F&F 76:65, 68–69).

Hitsangana amin'ny maty miaraka amin'ny vatana izay tsy ho faty intsony ny zanaky ny Ray any an-danitra rehetra izay teraka teto amin'izao tontolo izao satria nandresy ny fahafahatesana i Jesoa Kristy. Noho izany ny fijoroako ho vavolombelona sy ny anao mikasika izany fahamarinana mendri-piderana izany dia afaka manala ilay alahelo avy amin'ny fahalasan'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana na namana iray izay tiana ary manolo izany amin'ny fanantenana ao anatin'ny fifaliana ary fanapahan-kevitra hentitra.

Nomen'ny Tompo ny fanomezan'ny fitsanganana amin'ny maty isika rehetra, noho izany dia apetraka ao

anatin'ny vatana tomombana ny fanahintsika (jereo ny Almà 11:42–44). Hiseho amin'ny endrika tanora sy miramirana ny reniko ary hoesorina aminy ny vokatry ny fahantehana sy ny fijaliana ara-batana nandritra ny taona maro. Ho tonga eo aminy sy eo amintsika toy ny fanomezana izany.

Saingy ireo ao aminay izay maniry ny hiaraka aminy mandrakizay dia tsy maintsy misafidy hanao zavatra mba hahatongavana amin'izany fiarahana izany ary hiaina any amin'ilay toerana izay hitoeran'ny Ray sy ilay Zanaka Malalany nitsangana tamin'ny maty amim-boninahitra. Any ihany no toerana ahafahan'ny fianakaviana mitohy mandrakizay. Ny fananana fijoroana ho vavolombelona mikasika izany fahamarinana izany dia nampitombo ny finiavako hanao izay hahatongavako sy ireo izay tiako any amin'ny ambaratonga ambony indrindran'ny fanjakana selestialy amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy izay miasa eo amin'ny fiainantsika (jereo ny F&F 76:70).

Ny Tompo dia manome fitarihana ho antsika ao anatin'izany fikatsahantsika ny fiainana mandrakizay izany ao amin'ireo vavaky ny Fanasan'ny Tompo izay manampy ahy ary afaka manampy anareo koa. Asaina isika mba hanavao ireo fanekempihavanana nataontsika tamin'ny batisa isaky ny fivoriana fanasan'ny Tompo.

Mampanantena isika fa hahatsiaro mandrakariva ny Mpamonjy. Ireo mari-pamantarana ny sorona nataony dia manampy antsika hankasitraka ny halehiben'ny fanaintainana nozakainy mba hama-hana ny fatotry ny fahafatesana sy mba hanolorana antsika ny famindram-po ary mba hanomezana ny famelana ny fahotantsika rehetra raha toa isika misafidy ny hibebaka.

Mampanantena isika fa hitandrana ny didiny. Ny famakiana ny soratra masina sy ireo tenin'ny mpaminany velona ary ny fihainoana ireo mpandahateny nentanim-panahy mandritra ny fivorian'ny Fanasan'ny Tompo dia mampahatsiahy antsika ny fanekempihavanana nataontsika dia ny hoe hanao izany. Mitondra ao an-tsaintsika sy ao ampontsika ireo didy izay tena tsy maintsy tandremantsika amin'izany andro izany ny Fanahy Masina.

Mampanantena Andriamanitra ao anatin'ny vavaky ny







## FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

**T**okony “[hampiharintsika amin’ny tenantsika] ny tenin’ ny soratra masina rehetra mba ho tombontsoan[tsika] sy ho fianarana ho an[tsika]” (1 Nefia 19:23). Vakio ny vavaky ny Fanasan’ny Tompo izay hita ao amin’ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:76–79. Aorian’ny famakiana ireo fampianaran’ny Filoha Eyring mikasika ny vavaky ny Fanasan’ny Tompo dia azonao atao ny manasa ireo izay ampianarinao mba hieritreritra fomba ahafahan’ireo vavaka ireo mitarika ny fiainany sy manampy azy ireo hiverina hiaraka hiaina indray amin’ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.

Fanasan’ny Tompo fa handefa ny Fanahy Masina mba hiaraka amintsika (jereo ny Môrônia 4:3; 5:2; F&F 20:77, 79. Hitako tao anatin’izany fotoana izany fa Andriamanitra dia afaka manome ahy fahatsapana hoe manao ahoana izany tafa sy dinika manokana izany. Nataony tato an-tsaiko ny zavatra nataoko izay mahafaly Azy, ny tokony hibebahako sy hahazoako

famelan-keloka ary ireo anarana sy endrik’olona izay asainy tompoiko.

Rehefa nandeha ny taona dia navadik’izany zavatra niainana niverimberina izany ho fahatsapana fiantrana ilay fanantenana ary nitondra fahatokiana fa nomena famindram-po aho tamin’ny alalan’ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy sy ny Fitsanganany tamin’ny maty.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa no ilay Kristy nitsangana tamin’ny maty sy Mpamonjy antsika ary ohatra tonga lafatra ho antsika sy mpitarika antsika any amin’ny fiainana mandrakizay. ■



## Tafa sy Dinika Manokana Ataonao miaraka amin'Andriamanitra

**N**ampianatra ny Filoha Eyring fa rehefa mihaino ny vavaky ny Fanasan'ny Tompo isika dia afaka mahatsapa ho toy ny hoe manao tafa sy dinika manokana amin'Andriamanitra. Mieritreritra mikasika ireto lafin-javatra telo ireto ny Filoha Eyring. Soraty ao amin'ny diarinao ireo fanontaniana ireo ary saintsaino izy ireo isaky ny Alahady mandritra ity volana ity. Rehefa misaintsaina ianao ary mahazo

fahatsapana avy amin'ny Fanahy Masina dia afaka manoratra mikasika izany ao amin'ny diarinao koa ianao.


- Inona no zavatra nataoko ka nahafaly an'Andriamanitra?
- Inona no zavatra tokony hibebahako na hangatahako famelan-keloka?
- Iza no tian'Andriamanitra ho tompoiko?

## HO AN'NY ANKIZY

### Tsarovy Foana i Jesoa

**M**iezaka ny "mahatsiaro mandrakariva" ny Mpamonjy i Jacob (F&F 20:77). Jereo ny ao

anatin'ny efitrano fatoriany. Inona no tsikaritrao fa mety manampy azy hahatsiaro mandrakariva an'i Jesoa?



Halalino amim-bavaka ity hafatra ity ary raha ilaina dia ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny rahavavy izay vangiana. Ampiasao ireo fanontaniana mba hanampy anao hampatanjaka ireo rahavavy sy hahatonga ny Fikambanana Ifanampiana hanana toerana lehibe eo amin'ny fiainanao. Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny [reliefsociety.lds.org](http://reliefsociety.lds.org).

## Ireo Fanekempihavanan'ny Tempoly

Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Ireo ôrdônansin'ny famonjena izay raisina any amin'ny tempoly izay hanome antsika fahafahana indray andro any hiverina any amin'ny Raintsika any an-danitra ao amin'ny fifandraisan'ny fianakaviana mandrakizay ary hotafiana amin'ireo fitahiana sy hery avy any ambony dia mendrika hanaovana ny fahafoizana sy ny ezaka rehetra.<sup>1</sup> Raha tsy mbola tany amin'ny tempoly ianao dia afaka miomana mba handray ireo ôrdônansin'ny tempoly amin'ny alalan'ny:

- Finoana ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy ary ny Fanahy Masina.
- Fambolena fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny.
- Fanohanana sy fanarahana ny mpaminany velona.
- Fanaovana izay hahamendrika ny hanana fahazoan-dalana mankany amin'ny tempoly amin'ny alalan'ny fandoavana fahafolon-karena, ny fananana fahadiovam-pitondrantena sy fahitsim-po aman-tsaina, ary ny fitandremana ny Tenin'ny Fahendrena sy ny fiainana mifanaraka amin'ny fampianaran'ny Fiangonana.
- Fanomezana fotoana sy talenta ary fitaovana enti-manorina ny fanjakan'ny Tompo.



- Fandraisana anjara amin'ny fanaovana asa mikasika ny tantaram-pianakaviana.<sup>2</sup>

Nampianatra ny Filoha Monson avy eo hoe: “Rehefa mahatsiaro ireo fanekempihavananana ataontsika ao anatin'ny [tempoly] isika, dia ho afaka ny hizaka kokoa ny fitsapana rehetra sy handresy ny fakam-panahy tsirairay.”<sup>3</sup>

### Avy amin'ny Soratra Masina

Fotopampianarana sy Fanekempihavananana 14:7; 25:13; 109:22

#### FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, “Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an' Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Mey 2011, 92.
2. Jereo ny *Filles dans mon royaume: L'histoire et l'oeuvre de la Société de Secours* (2011), 21.
3. Thomas S. Monson, *Liahona*, Mey 2011, 93.
4. *Daughters in My Kingdom*, (Filles dans mon royaume) 29–30.
5. Sarah Rich, ao amin'ny *Daughters in My Kingdom*, (Filles dans mon royaume) 30.

### Inona no Azoko Atao?

1. Moa ve aho manatrika fanompoam-pivavahana tsy tapaka any amin'ny tempoly?
2. Moa ve aho mamporisika ny rahavaviko handray ireo fitahian'ny tempoly?

Finoana,  
Fianakaviana,  
Fanampiana



### Avy amin'ny Tantarantsika

“Olomasina mihoatra ny 5.000 no nivory tao amin'ny Tempolin'i Nauvoo taorian'ny fanokanana azy. . . .

“Ny tanjaka sy ny hery ary ny fitahian'ny fanekempihavanan'ny tempoly dia [nanohana] ireo Olomasin'ny Andro Farany nandritra ny dian'izy ireo nankany [andrefana], rehefa nianjadian'ny hatsiaka, ny hafanana, ny fahantrana, ny aretina sy ny loza ary ny fahafatesana izy ireo.”<sup>4</sup>

I Sarah Rich dia mpiasa iray tao amin'ny tempoly toy ireo rahavavy maro tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Hoy izy raha niresaka ny zavatra niainany: “Raha toa ka tsy noho ny finoana sy ny fahalalana izay nomena anay tao amin'io tempoly io tamin'ny alalan'ny . . . Fanahin'ny Tompo, dia ho toy ny zavatra natao an-jambany ihany ilay dianay. . . . Saingy nanana finoana ny Rainay any an-danitra izahay, . . . ary nahatsapa fa vahoaka nofinidiny . . . , ka raha tokony hahatsapa alahelo izahay dia lasa nahatsapa fifaliana fa tonga ny andro hanavotana anay.”<sup>5</sup>

Tsy “natao an-jambany” ilay fifindra-monina ho an'ireo vehivavy Olomasin'ny Andro Farany mahatoky. Notohanan'ireo fanekempihavany tany amin'ny tempoly izy ireo.



# MIARAKA MANDALINA IREO LAHATENIN'NY FIHAONAMBE'NY FIANGONANA

*Nampivelatra tokoa ny fifanakalozan-kevitra nataonay mikasika ny filazantsara eo anivon'ny fianakaviana ny fanovana ny fomba fandalinanay ny fihaonambe.*

## Nosoratan'i Greg Batty

Nandritra ny taona maro izahay dia nifaly namaky amin'ny maha fianakaviana ny tao anatin'ny laharan'ny fihaonambe, ka natao lahasoratra iray isaky ny mandeha izany. Rehefa manomboka izany izahay dia mipetraka manodidina ny latabatra fotsiny ary mifandimby mamaky mafy andinin-tsoratra iray avy. Saingy hitanay fa namaky izany izahay mba hamitanay azy ary tsy nijanonjanona akory mba hieritretana an'ilay hafatra.

Mba hahazoana tombontsoa bebe kokoa avy amin'ny zavatra novakianay dia nividy laharan'ny fihaonambe ho an'ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana izahay ary nanao drafitra hoe firy ireo lahateny tokony ho halalini-ny isan-kerinandro mba hahafahanay mamaky azy rehetra alohan'ny fihaonamben'ny Fiangonana manaraka. Misy herinandro sasany izay hamakianay lahateny iray ary herinandro hafa hamakianay roa, saingy tsy maintsy mandalina ilay lahateny sy manisy marika ireo ampahany izay tiany ny tsirairay. Ary avy eo dia mifampianatra ireo ampahany izay nasianay marika izahay mandritra ny takarivan'ny mpianakavy.

Matetika ny zanakay no manana fanontaniana izay nampivelatra ny fifanakalozan-kevitrany, na izaho sy ny vadiko no mametraka fanontaniana avy amin'ny zavatra nohalalininay. Nankafizinay ny fihainoana ireo zavatonay manazava ny valintenin'izy ireo mikasika ireo fanontaniana

ireo sy mizara ny zavatra nianarany tany amin'ny seminera na tany ampiangonana na tao anatin'ny fandalinan'izy ireo manokana. Lasa fomba tsara iray hifampihainoana tsy tapaka ny fijoroana ho vavolombelona tsotso-tran'ny tsirairay ao anatin'ny tontolo iray tena ahazoana aina sy milamina izany.

Vetivety dia lasa nitovy tamin'izany koa ny fandalinanay soratra masina isa-maraina. Misy andro izay tsy hamakianay afa-tsy andinin'ny vitsivitsy alohan'ny hahatongavan'ilay fotoana haingana hifanakalozan-kevitra mikasika ireo andinin'ny ireo ary ny fiante-fan'izany eo amin'ny zavatra miseho manodidina anay.

Lasa feno fifampiresahana sy fihomehezana ary firaisan-kina ny marainanay ankehitriny alohan'ny hiatrehanay ny adidinay tsirairay avy. Manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka mikasika ny torohevitra ny mpaminanintsika mba hiaraka handalina sy hivavaka isan'andro izahay. Niova ho fianakaviana izay mifampianatra sy mifankahery ny fianakavianay. Izany rehetra izany dia vokatry ny faniriana ny hahazo tombontsoa bebe kokoa avy amin'ny fihaonamben'ny fiangonana. ■

*Mipetraka any Utah, Etazonia i Greg Batty.*



## HALALINO SY AMPIHARO IREO HAFATRY NY FIHAONAMBE

“Tsarovy fa ireo hafatra izay henontsika nandritra ity fihaonambe ity dia havoaka ao amin'ny laharan'ny gazetiboky *Ensign* sy *Liahona* volana Mey. Mamporisika anareo aho mba handalina ireo hafatra ireo sy hisaintsaina ireo zavatra ampiaraniny ary hampihatra azy ireo eo amin'ny fiainanareo avy eo.”

Filoha Thomas S. Monson, “A Word at Closing,” *Liahona*, Mey 2010, 113.



# NY MAHA ZAVA-DEHIBE NY NAMANA TSARA

Misy fiantraikany lehibe eo amin'ny zavatra ataontsika ny namana, indrindra ao anatin'ny fahatanorantsika. “Hisy fiantraikany eo amin'ny fisainanao sy ny zavatra ataonao izy ireo ary hanampy mihitsy aza amin'ny famaritana hoe lasa olona toy ny inona ianao.”<sup>1</sup> Ary rehefa misafidy namana tsara ianao dia, “ho hery lehibe sy fitahiana ho anao izy ireo. . . . Hanampy anao ho lasa olona tsara kokoa izy ireo ary hanamora kokoa ny fiainanao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.”<sup>2</sup>

I Elaine S. Dalton, filohan'ny Zatorovavy maneran-tany dia mampianatra ny maha zava-dehibe ny fitadiavana namana tsara sy ny maha namana tsara ny tena ao amin'ny pejy 52–53 ao amin'ity laharana ity. “Ny fitadiavana ny tena tsara indrindra ao amin'ny olona iray hafa no fototry ny finamanana marina,” hoy izy.

Ny fanorenana finamanana eo amin'ireo fitsipika ireo dia hanampy ny zatovo hanorina finamanana maharitra sy fahaizana mifandray ara-piaraha-monina izay hihoatra ilay hoe lasa “mpinamana” tsotra fotsiny ao anatin'ny tranonkalan'ny tambajotra ara-tsôsialy. Amin'ny maha ray aman-dreny anao dia afaka manampy ny zanakao ianao mba hahatakatra ny maha zava-dehibe ny maha namana tsara azy ireo ary ny maha zava-dehibe ny fisafidianana namana izay hamporisika azy ireo hiaina ny filazan-tsara. Mety hanampy ireto sosokevitra manaraka ireto.

## Sosokevitra Enti-mampianatra ny Zatovo

- Miaraha amin'ny fianakaviana mba hikaroka ohatra momba ny namana tsara ao amin'ny soratra masina. Ifanakalozy hevitra hoe

inona avy ireo toetra nahatonga ireo finamanana ireo ho mafy orina. Diniho ny mikasika an'i Davida sy i Jonatana (jereo ny 1 Samoela 18–23), i Rota sy i Naomy (jereo ny Rota 1–2), ary i Almà sy ireo zanakalahin'i Môsià (jereo ny Môsià 27–28; Almà 17–20).<sup>3</sup>

- Avereno jerena ny fizarana mikasika ny namana ao amin'ny *Jeunes Soyez Forts (Ry Tanora, Mahereza)*. Zarao amin'ireo zatovonao ny fiantraikan'ny fananana namana teo amin'ny fiainanao. Asao izy ireo mba hizara ny fomba nitaomany ny namany ary ny fomba nitaoman'ny namany azy ireo.
- Vakio ny lahatenin-drahavavy Dalton ao amin'ity laharana ity. Resaho ilay tanjona napetraky ny zanany vavy Emi mba hitady namana tsara. Ampio ny zanakao hametraka tanjona mikasika izay karaza-namana tiany hotadiavana sy tiany hahatongavana.
- Manaova takarivan'ny mpianakavy hizarana hevitra mikasika ny fanorenana finamanana toy ny hoe: “Mba hananana namana tsara dia aoka ianao ho namana tsara. Manehoa fahalianana marina amin'ny hafa; mitsikia ary avelao ho fantany fa tianao izy ireo. Ento amin-katsaram-panahy sy amim-panajana ny rehetra ary aza mitsara sy mitsikera ireo manodidina anao.”<sup>4</sup>

## Sosokevitra Enti-mampianatra ny Ankizy

- Tafiditra ao anatin'ny maha namana ny fanampiana ny hafa. Vakio ny “Standing Up



## SORATRA MASINA MIKASIKA NY FINAMANANA

Ohabolana 17:17; 18:24

Mpitoriteny 4:9–10

Matio 25:34–40

Lioka 22:32

Môsià 18: 8–9

for Caleb” (Mijoro ho an'i Caleb) ao amin'ny *Liahona* Martsa 2009 ary resaho amin'ny ankizy ireo fomba ahafahan'izy ireo ho tsara fanahy amin'ny olona tsirairay izay mifanena aminy.

- Tokony hanapa-kevitra isika ao anatin'ny toe-javatra rehetra miseho hoe ho karaza-namana toy ny inona isika. Iaraho mihira ny “Jésus Christ est mon modèle”<sup>5</sup> ary aorian'izay dia resaho amin'ny zanakao ny fomba ahafahany misafidy ny ho namana tsara toy ny Mpamonjy ao anatin'ny toejavatra samihafa. ■

## FANAMARIHANA

1. *Jeunes, Soyez Forts* (Bokikely, 2011), 16.
2. *Jeunes, Soyez Forts*, 16.
3. Jereo ny Jeffrey R. Holland, “Real Friendship,” *New Era*, Jona 1998, 62–66.
4. *Jeunes, Soyez Forts* 16.
5. “Jésus Christ est mon modèle,” *Chants pour les enfants*, 40.



# MANKAHERY SY MANENTANA NY FANAHY ARY MIJORO HO VAVOLOMBELONA NY FANAHY MASINA

Ny fanomezana ny Fanahy Masina dia iray amin'ireo fitahiana lehibe indrindra azontsika raisina eto amin'ity fiainana ity satria mankahery, mitaona fanahy, mampitandrina sy manadio ary mitarika antsika ny Fanahy Masina. Afaka mameno antsika “amin'ny fanantenana sy fitiavana tanteraka” Izy (Môrônia 8:26). Mampianatra ny “fahamarinan'ny zava-drehetra” Izy (Môrônia 10:5). Mandray fanambarana sy fanomezana ara-panahy avy amin'Andriamanitra isika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Fa ny zava-dehibe indrindra dia azontsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina ny fijoroantsika ho vavolombelona momba ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.

Afaka nahatsapa ny Fanahy Masina ianao indraindray talohan'ny nanaovana batisa anao. Saingy amin'ny alalan'ny fandraisan'ny fanomezan'ny Fanahy Masina ihany aorian'ny batisanao no ahafahanao manana ny Fanahy Masina ho namana lalandava, ary omena

anao izany rehefa mendrika ianao. Io fanomezana io dia nomena tamin'ny alalan'ny mpihazona ny Fisoronana Melkizedeka iray tamin'ny alalan'ny fametraham-tanana (jereo ny Asan'ny Apôstôly 19:6; F&F 33:15). Isaky ny Alahady aorian'izay, dia afaka manavao ny fanekempihavanan'ny batisanao ianao rehefa mandray ny Fanasan'ny Tompo ary mahazo noho izany ny tso-dranon'ny Tompo mba “[hanana] mandrakariva ny Fanahiny” miaraka aminao (F&F 20:77).

Ny Fanahy Masina izay antsoina matetika hoe ny Fanahy dia mpi-kambana fahatelo ao amin'Ny Andriamanitra. Nampianatra ny Mpaninany Joseph Smith hoe: “Ny Ray dia manana vatana nofo sy taolana azo tsapaina toy ny an'ny olona; ny Zanaka koa; fa ny Fanahy Masina dia tsy manana vatana nofo sy taolana fa vatana Fanahy. Fa raha tsy izany dia tsy afaka mitoetra ao anatintsika ny Fanahy Masina” (F&F 130:22).


“Satria tsy mitoetra ao amin'ny tempoly izay tsy masina ny Fanahin'ny Tompo” (Helamàna 4:24), dia tsy maintsy mendrika ny fananana azy ho namana isika. Mendrika ny fananana azy ho namana isika amin'ny alalan'ny fananana eritreritra madio, fiainana amim-pahamasinana ary fikatsahana ny hitandrina ny didy. ■

Ho fampahalalana bebe kokoa dia jereo ny 2 Nefia 31:13, 17; 32:5; 3 Nefia 27:20; Môrônia 10:5–8; Joseph Smith—Tantara 1:70.

## TSY TOKONY HIANTEHITRA FOTSINY AMIN'IZANY FANOMEZANA IZANY ISIKA


“Toy ny fanomezana rehetra dia tsy maintsy raisina sy ekena io fanomezana io mba hananana azy. Rehefa napetraka teo ambonin'ny lohanao ny tanan'ireo mpihazona fisoronana mba handraisana anao ho mpikamban'ny Fiangonana dia nandre ireto teny ireto ianao: “Raiso ny Fanahy Masina.” Tsy midika izany fa ho lasa namanao lalandava tsy misy fepetra ny Fanahy Masina. Mampitandrina antsika ny soratra masina fa ny Fanahin'ny Tompo dia ‘tsy mba hanapaka mandrakariva ao amin'ny olona’ (Genesisy 6:3). Rehefa raisina ho mpikambana isika dia omena zo hanana ny Fanahy Masina ho namana, saingy tsy maintsy manohy ny fanaovana izay ahazoana izany zo izany isika amin'ny alalan'ny fankatoavana sy fahamendrehana.”

Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008) ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, “The Unspeakable Gift,” *Liahona*, Mey 2003, 28.



**Rehefa avy nandray ny fanomezana ny Fanahy Masina isika dia afaka manao zavatra maro mba hanasana ny fitarihany ho ao amin'ny fiainantsika:**

*Mivavaha.*



*Halalino ny soratra masina.*



*Raiso amim-pahamendrehana ny Fanasan'ny Tompo.*



SARY NALAINI, CHRISTINA SMITH, EVE TUFT, CODY BELL, ARY MATTHEW REIER



*Mivavaha any amin'ny tempoly.*



*Mijere na mamakia na mihainoa fampitam-baovao mahasoa, mampiasà fiteny madio ary manàna eritreritra madio.*



# Fahafatesana SY Fiainana

## FOMBA FIJERIN'IREO MPISAVA LALANA NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY

*Rehefa nanao dia nankany amin'ny faritra andrefan'i Etazonia ireo olona niova fo tao amin'ny Fiangonana tany am-piandohana mba hiaraka hivondrona amin'ireo Olomasina, dia nahita fahafatesan'olona saingy nahazo hery tamin'ny alalan'ilay finoany vaovao ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny izy ireo. Ireto manaraka ireto misy sombiny amin'ny tantaran'ireo mpisava lalana izay mampiseho ny fanantenan'ireo Olomasina ny Fitsanganana amin'ny maty miaraka amin'ireo fampianarana mampahery avy amin'ireo Filohan'ny Fiangonana dimy voalohany.*

*I Robert Aveson, Tantaran'ny raim-pianakaviana Olomasin'ny Andro Farany iray tsy fantatra anarana izay namoy ny zanany lahy tao anatin'ilay dia niala tany New York nankany Utah tamin'ny 1866:*

“Nohadiana niaraka tamin'ny fanampian'ny namana iray ilay fasana kely ary napetraka tao anatin'izany ny vata-mangatsiakan'ilay maty. Raha matin'ny areti-mifindra ilay zaza dia tsy nisy tompom-pahoriana mba tafavory, na fotoam-pivavahana araka ny tokony ho izy, na voninkazo, na hira ara-panahy na kabary ampandevenana ilazana ny mombamomba ilay olona. Saingy alohan'ny nandehanan'ilay ray nidonam-pahoriana dia nanao izao vavaka fanokanana fohy manaraka izao tamin'ny fitenin-drazany izy (Danois): . . .

“Ry Ray any an-danitra: Nomenao ity harena sarobidy kely ity aho—ity zazalahy kely mahatehotia ity, ary dia nantsoinao izy izao. Mangataka Anao aho mba hanao izay ahafahan'ny

nofony mandry eto tsy hisy mpanelingelina mandra-pahatongan'ny marainan'ny fitsanganana amin'ny maty. Hatao anie ny sitraponao. Amena.’

“Ary rehefa nitsangana avy teo amin'ny tany izy dia izao no teny fanaovam-belomany hoe:

“Veloma, Hans kely malalako—ilay zanako lahy mahafatifaty.’ Dia nanohy tamin'ny herim-po ny lalany nankany amin'ny toerana nilasiany izy niaraka tamin'ny loha nitanondrika sy fo malahelo.”<sup>1</sup>

*Filoha Joseph Smith (1805–44):*

“Tena fampiononana ho an'ireo nidonam-pahoriana, rehefa tsy maintsy misaraka amin'ny vadiny na ny rainy na ny reniny na ny zanany na havana malalany izy ireo, ny fahafantarana fa na dia alevina sy levona aza ilay vatana teto an-tany dia mbola hitsangana indray izy ireo mba hitoetra ao amin'ny lelafo mandrakizay ao amin'ny voninahitra tsy mety maty, ka tsy halahelo na hijaly na ho faty intsony fa ho







mpandova an'Andriamanitra no mpiray lova amin'i Jesoa Kristy.”<sup>2</sup>

*I Joseph Watson Young (1828–73), zanaky ny iray tampo tamin'i Brigham Young izay nanao dia niala tany Angletera nankany Etazonia tamin'ny 1853:*

“Toe-javatra mampalahelo ny fandevanana namana iray an-dranomasina amin'ny alim-be miaraka amin'ny vavolombelona vitsy kely izay manirery. . . . Tsy nanana havana tao an-tsambo izy na olona iray manokana nitomany azy afa-tsy namana mpanompo iray. Izany no fanantenana tena irian'ny fon'olombelona izay rava tao anatin'ny fotoana fohy. Namoy ny zava-drehetra io tovolahy io mba handehanana any Ziona ary feno fanantenana mivaivay ny amin'ny hoavy izy ka tsy nieritreritra kely akory hoe halevina ao anatin'ilay onja mahery ny vatany. Kanefa tsy maty toy ireo izay tsy nanana fanantenana izy satria ao amin'Andriamanitra ny fiadanany ary nanana fahatokiana feno hitsangana



**Ankavia: Filoha Brigham Young. Eo ambony: Joseph Watson Young.**

amin'ny maty amim-boninahitra ao anatin'ilay marainan'ny olo-marina izy.”<sup>3</sup>

*Filoha Brigham Young (1801–77):*

“Tena lohasaha maizina sy aloka ilay antsointsika hoe fahafatesana! Tena hafahafa ilay hoe mandao izao fiainana izao raha ny vatana no resahana, dia mankany amin'ny tsy misy! Tena maizina izany lohasaha izany! Tena tsy takatry ny saina izany lalana izany ary tsy maintsy diavintsika irery. Te hilaza aminareo aho ry namako sy rahalahiko fa raha afaka mijery ny zavatra araka ny fisehony isika ary rehefa ho hitantsika sy ho takatsika izy ireo, dia tena tsinontsinona ity aloka sy lohasaha maizina ity ka hiverina kely ary handinika sy hieritreritra isika rehefa mandia izany hoe inona no maha tombontsoa lehibe teo amin'ny fiainako iray manontolo an'izany, satria nandao ilay toe-piainana iray ahitana fahoriana, fitomaniana, fahamavomavoana, fanaintainana, tebiteby ary fahadisoampantenana aho ka nankany amin'ny toe-piainana iray







izay ahafahako mihanoka tanteraka araka ny tokony ho izy fiainana iray izay azo iainana tsy misy vatana.”<sup>4</sup>

*I Dan Jones (1811–62), Gallois niova fo, izay nandeha sambo niaraka tamin-dramatoa Williams sy mpikambana hafa tao amin’ny Fiangonana nankany Etazonia tamin’ny 1849:*

“Nihombo haingana ny aretin-dramatoa Williams avy any Ynysybont akaikin’i Tregaron [Pays de Galles], ary niseho ny mari-pamantarana fa tsy haharitra ela intsony izy. . . . Nilaza izy fa ny mari-boninahitra lehibe indrindra azony hatramin’izay dia ny fahafahany ho lasa mpikamban’ily fiangonana marin’ny Zanak’Andriamanitra ka tsy nisy tahotra mikasika ilay fiainana iray hafa tany an-tsainy ary nanaporofa bebe kokoa ny heriny mihoatra noho ny hatramin’izay ny finoany tamin’izay. . . . Nanoro hevitra mafy ireo zanakalahiny izy mba ho mahatoky foana

mandra-pahatongan’ny fahafatesana ka hahazo fitsangana amin’ny maty tsara kokoa miaraka aminy izy ireo. . . .

Mbola nahira-tsaina izy nandritra ny alina ary ny ampitson’izany tamin’ny efatra sy fahefany maraina dia lasa tamim-piadanana ny fanahiny ary namela tsiky teo amin’ny molony.”<sup>5</sup>

*Filoha John Taylor (1808–87):*

“Tena mitondra fampiononana tokoa ho an’ireo izay mitomany noho ny fahafatesan’ireo namana malala ny fahafantarana fa mbola hiaraka amin’izy ireo indray isika! Tena mitondra fandrisihana ho an’ireo izay miaina araka ireo fitsipiky ny fahamarinana nambara, indrindra indrindra angamba ho an’ireo izay efa hadiva hifarana ny fiainany ka nijaly nandritra ny fotoana ela sy naharitra hatramin’ny farany, ny fahafantarana fa afaka fotoana fohy dia hitsangana avy ao am-pasana isika ary ho lasa fanahy velona sy tsy mety maty mba hiaina ao amin’ily



**Ankavanana:**  
**Filoha John Taylor. Eo ambony:**  
**Dan Jones.**





fivondronan'ireo namany nozahan-toetra sy nitokiana, ka tsy handalo fahafatesana intsony ary hamita ilay asa izay nasain'ny Ray nataontsika!"<sup>6</sup>

*I Andrew Jenson (1850–1941), mpifindra monina Danao izay nanao dia tao anatin'ny vondron-tsaretin'i Andrew H. Scott, niala tany Nebraska, Etazonia nankany Utah tamin'ny 1866:*

“Rehefa nanatrika ny fametrahana ny vata-mangatsiakan'izy ireo [nofon'ireo namana niaraka nanao dia taminay] tao anaty tany, tany amin'ny tany efitra izahay dia nitomany daholo na nahatsapa toy ny te hitomany satria tena nampalahelo sy mafy ny fieritreretana ny fandevenana olon-tiana tamin'ny fomba toy izany, ary tsy maintsy tonga dia mandeha ireo namana sy havana avy eo ka tsy mba manana fanantenana hamangy indray ny fasan'ireo olony maty akory. . . . Saingy ho hita ny fasan'izy ireo rehefa hitsoka ny trompetrany i Gabriela ny marainan'ny fitsanganana amin'ny maty. Nalavina nandritra ny diany nankany Ziona izany ny vatan'ireo olona maty ireo. Nantsoin'ny Tompo hody any aminy mialohan'ny hahatongavany tany amin'ilay toerana tokony

halehany izy ireo. Tsy navela hahita an'i Ziona ao amin'ny nofo izy ireo saingy hahazo voninahitra sy hifaly any aoriana. Maty teo am-piezahana nankato an'Andriamanitra sy nitandrina ny didiny izy ireo ary sambatra ireo izay maty ao amin'ny [Tompo].”<sup>7</sup>

*Filoha Wilford Woodruff (1807–98):*

“Raha tsy miaraka amin'ny filazantsaran'i Kristy dia iray amin'ireo lohahevitra tena mampalahelo indrindra azo eritreretina ny fahafatesana, saingy raha vao mandray ny filazantsara isika ary mianatra mikasika ny fitsipiky ny fitsanganana amin'ny maty dia tena miala ilay alahelo sy fijaliana nateraky ny fahafatesana. . . . Ny fitsanganan'ny maty dia mampahafantatra ny tenany eo anoloan'ny sain'ny olona nomena fahalalana ary manana fototra ianteheran'ny fanahiny izy. Izany no fihevitra ny Olomasin'ny Andro Farany ankehitriny. Fantatsika tsara fa tsy ao anatin'ny haizin'ny tsy fahalalana isika raha mikasika izany zavatra izany. Nambaran'Andriamanitra tamintsika ny momba izany ary mahatakatra tsara ny fitsipiky ny fitsanganana amin'ny maty isika, ary mitondra fampahalalana mikasika ny fiainana sy ny fitsanganana amin'ny maty ny filazantsara.”<sup>8</sup>



**Ankavia:**  
**Filoha Wilford Woodruff.**  
**Ambony:**  
**Andrew Jenson.**



*Nampiana fanononana, mari-isoratra ary renin-isoratra manara-penitra ity mba ho hay vakiana.*

#### FANAMARIHANA

1. Robert Aveson, “Leaves from the Journal of a Boy Emigrant,” *Deseret News*, Mar. 12, 1921, 4:7; hita ao amin'ny [lds.org/churchhistory/library/pioneercompanysearch](https://www.lds.org/churchhistory/library/pioneercompanysearch).

2. *Enseignements des Présidents de l'Eglise: Joseph Smith* (2007), 52.

3. Joseph W. Young, *Journal*, Mar. 6, 1853, Church History Library, Salt Lake City, Utah; hita ao amin'ny [mormonmigration.lib.byu.edu](https://www.mormonmigration.lib.byu.edu).





*I William Driver (1837–1920), mpisava lalana izay nanao dia niala tany Angletera nankany New York, Etazonia tamin’ny 1866:*

“Narary mafy nandritra ny alina iray manontolo ka hatramin’ny 7:30 maraina i Willie zanako malalako ary tamin’izay no nesorina taminy ny fanaintainany. Andriamanitra anie hitahy ilay fanahiny sarobidy. Tena nijaly izy. Maty tao anatin’ny fahasimban’ny saretin’Andriamatoa Poulter tany St. Ann’s Hill, Wandsworth, Surrey, Angleterre izy. Akory ny alaheloko noho izany fahoriana lehibe izany. Tompo ô! ampio aho amin’ny alalan’ny herinao mba hanaiky izao ary omeo hery mba hanompo bebe kokoa Anao amim-pahamendrehana sy amim-pahatokiana. Enga anie aho hiaina ao anatin’ny



**Ankavanana:  
Filoha Lorenzo  
Snow. Ambony:  
William Driver.**

fiomanana mba hihaona aminy any amin’ny toerana iray misy fifaliana sy tsara kokoa miaraka amin’ily anabavy malalany Elizabeth Maryann ary eng a nie ho tafiditra amin’ny fitsanganan’ny marina amin’ny maty aho mba hihaona amin’izy ireo.<sup>9</sup>

*Filoha Lorenzo Snow (1814–1901):*

“Ho be voninanitra sy tsy hianjadian’ny aretina sy fahafatesana intsony ny vatantsika any amin’ily fiainana ho avy. Tsy misy zavatra tena tsara toy ny olona iray izay manana vatana nitsangana tamin’ny maty sy be voninahitra. Tsy misy zavatra hafa mahafinaritra kokoa noho ny hoe ao anatin’izany toe-javatra izany isika sy manana ny vadintsika sy zanatsika ary ny namantsika miaraka amintsika.”<sup>10</sup> ■

4. *Enseignements des Présidents de l’Église: Brigham Young* (1997), 273.

5. “Taratasy avy amin’i Kapiteny. D. Jones ho an’ny Mpanonta ny *Udgorn Seion*,” ao amin’ny Ronald D. Dennis, *The Call of Zion: The Story of the First Welsh Mormon Emigration*, boky 2 (1987), 164–65; hita ao amin’ny [mormonmigration.lib.byu.edu](http://mormonmigration.lib.byu.edu).

6. *Teachings of Presidents of the Church: John Taylor* (2001), 50–51.

7. Diarin’i Andrew Jenson, 20 Aog. 1866, ao amin’ny *Journal History of The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints*, 8 Ôkt. 1866, Church History Library, Salt Lake City, Utah, 6; hita ao amin’ny [lds.org/churchhistory/library/pioneercompanysearch](http://lds.org/churchhistory/library/pioneercompanysearch).

8. *Teachings of Presidents of the Church: Wilford Woodruff* (2004), 82–83.

9. Frank Driver Reeve, ed., *London to Salt Lake City in 1866: The Diary of William Driver* (1942), 42; hita ao amin’ny [mormonmigration.lib.byu.edu](http://mormonmigration.lib.byu.edu).

10. Lorenzo Snow, ao amin’ny Conference Report, Ôkt. 1900, 63.





**Nosoratan'ny Loholona  
Russell M. Nelson**

Ao amin'ny Kôlejin'ny  
Apôstôly Roambinifolo

# Ny Asa Nanirahana an'i **JESOA KRISTY** sy ny Asa Fanompoana Nataony

*Ny porofo tsara indrindran'ny fitsaohantsika an'i  
Jesoa dia ny fakantsika tahaka Azy.*

**A**min'ny maha iray amin'ireo “vavolombelona manokan'ny anaran'i Kristy” ahy (F&F 107:23), dia mino aho fa manompo tsara kokoa rehefa mampianatra sy mijoro ho vavolombelona momba Azy. Voalohany, mety hametraka ireo fanontaniana izay napetrak'ireo Fariseo koa aho: “Ahoana no hevitrareo ny amin'i Kristy? Zanak'iza moa Izy?” (Matio 22:42).

Tonga ao an-tsaiko matetika ireo fanontaniana ireo rehefa mihaona amin'ireo mpitondra fanjakana sy antokom-pivavahana samihafa aho. Misy olona miaiky fa “mpampianatra lehibe i Jesoa.” Ny sasany milaza hoe “mpaminany izy.” Ny sasany tsy mahalala Azy tsotra izao. Tsy tokony ho gaga tanteraka amin'izany isika. Raha ny marina dia tena vitsy ny olona manana ireo fahamarinan'ny filazan-tsara naverina tamin'ny laoniny izay ananantsika. Ny mpikamban'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia vitsy an'isa eo anivon'ireo izay milaza ho Kristianina.

Efa hitan'i Nefia mialoha taonjato maro lasa izay ireo toe-javatra iainantsika ankehitriny:

“Ary ny zava-nitranga dia nahatazana ny fiangonan'ny Zanak'ondrin'Andriamanitra aho, ary ny mpikambana tao dia vitsy . . . ; kanefa nahatazana aho fa niely patrana tambonin'ny tany rehetra koa ny fiangonan'ny Zanakondry dia ny olomasin'Andriamanitra; ary kely ny fanapahany tambonin'ny tany noho ny faharatsian'ny vehivavy janga lehibe izay efa hitako. . . .

“Ary ny zava-nitranga, izaho Nefia dia nahatazana ny herin'ny Zanakondrin'Andriamanitra fa izany dia nidina tamin'ny olomasin'ny fiangonan'ny Zanakondry sy tamin'ny vahoakan'ny fanekempihavanan'ny Tompo izay naely patrana tamin'ny lafiny rehetra tamin'ny tany; ary nampirongoana azy ho fiadiany ny fahamarinana sy ny herin'Andriamanitra tamim-boninahitra lehibe” (1 Nefia 14:12, 14).

Izany fahamarinana sy hery ary voninahitra izany—ireo fitahiana rehetra azon-tsika mihitsy—dia avy amin'ny fahalalantsika an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny fanka-toavantsika Azy ary ny fanehoantsika fankasitrahana sy fitiavana azy.







Nahatanteraka tanjona roa lehibe izay ifotoran'ireo tanjona hafa ny Mpamonjy nandritra ny fiainany izay tena fohy teto an-tany. Ny iray dia ilay “asa[ny] sy vonihani[ny] —mba hana-tanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona” (Mosesy 1:39). Ilay iray hafa dia nolazainy tsotra fotsiny hoe: “Fianarana no nomeko anareo mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo” (Jaona 13:15).

Ny tanjony voalohany dia ny Sorompanavotana araka ny fantatsika. Izany no asa lehibe indrindra nataony teto amin'ny fiainana an-tany. Nambaran'ny Tompo tamin'ny vahoakan'i Amerika fahiny ny votoatin'ny asa nanirahana Azy:

“Tonga teo amin' izao tontolo izao Aho mba hanao ny sitrapon' ny Raiko, satria ny Raiko no naniraka Ahy.

“Ary naniraka ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin'ny hazo fijaliana; ary taorian'ny efa nanandratana Ahy teo amin'ny hazo fijaliana, dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra aty Amiko” (3 Nefia 27:13–14).

Tao anatin'ny tohin'ny lahateniny dia nambara ilay tanjony faharoa Izy—ho ohatra alaintsika tahaka: “Fantatrareo ny zavatra izay tsy maintsy ataonareo . . . ; fa ny asa izay efa hitanareo nataoko dia izany no hataonareo” (3 Nefia 27:21).

Ny tanjony voalohany dia nofaritako hoe ny *asa nanirahana Azy*. Ny tanjony faharoa dia tiako hofaritana hoe ny *asa fanompoana nataony*. Ndeha isika hamerina hijery ireo singa roa teo amin'ny fiainany ireo—ny asa nanirahana Azy sy ny asa fanompoana nataony.

### **Ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy—ny Sorompanavotana**


Ny Sorompanavotana no asa nanirahana Azy. Izy irery ihany no nirahina nanao io asa io. Izy izay nateraky ny reny mety maty sy Ray tsy mety maty no hany afaka nanolotra ny ainy an-tsitrabo ary naka izany indray (jereo ny Jaona 10:14–18). Tsy misy fetra ary maharitra mandrakizay ny vokany tena lehibe nentin'ny Sorompanavotana nataony. Nesoriny ny fanaintainan'ny fahafatesana ary nataony ho zavatra mandalo vetivety

ilay alahelo avy amin'ny fahafatesana (jereo ny 1 Korintiana 15:54–55). Efa fantatra talohan'ny Fahariana sy ny Fahalavoana mihitsy ny andraikiny mikasika ny Sorompanavotana. Tsy hoe mba hanolorana fitsanganana amin'ny maty sy tsy fahafatesana ho an'ny olombelona rehetra fotsiny izany fa mba hanomezana antsika koa fahafahana hahazo famelana ny fahotantsika—araka ireo fepetra izay napetrany. Noho izany ny Sorompanavotana dia nanokatra lalana izay ahafahantsika hiaraka Aminy sy ny fianakaviansika mandrakizay. Izany tanjona izany dia ilay fiainana mandrakizay—ilay fanomezana lehibe indrindra nomen'Andriamanitra ny olona (jereo ny F&F 14:7).

Tsy nisy olona hafa afaka nanatanteraka ny Sorompanavotana. Tsy misy olona hafa na dia manana harena be sy manana hery lehibe aza afaka mamonjy na dia hoe fanahy iray—na ny an'ny tenany aza (jereo ny Matio 19:24–26). Ary tsy misy olona hafa hangatahina na homena alalana mba handatsaka ny rany ho an'ny famonjena mandrakizain'ny olona iray hafa. Nataon'i Jesoa “indray mandeha tsy miverina” izany (Hebreo 10:10).

Na dia tanteraka tao anatin'ny fotoan'ny Testamenta Vaovao aza ny Sorompanavotana dia zava-niseho maro tao anatin'ny fotoan'ny Testamenta Taloha no nilaza matetika mialoha ny maha zava-dehibe izany. I Adama sy Eva dia nodidiana mba hanao sorona izay “tandindon'ny fanaovan'ny Lahitokan'ny Ray sorona” (Mosesy 5:7). Amin'ny fomba ahoana? Amin'ny alalan'ny fandatsahan-dra. Namafisin'izy ireo avy amin'ny zavatra niainany ilay soratra masina hoe “ny ain'ny nofo dia amin'ny ra” (Levitikosa 17:11).

Fantatry ny dokotera fa raha vao mijanona tsy mikoriana ao amin'ny taova iray ny ra dia manomboka ny olana. Raha mitsahatra tsy mikoriana ny ra amin'ny ranjo dia mety hisy fahalovam-pery. Raha mijanona tsy mikoriana ny ra any amin'ny loha dia mety hiteraka fahatapahan'ny lalan-dra izany. Raha tsy mikoriana araka ny tokony ho izy ny ra mankany amin'ny lalan-dran'ny mpamerindra ao amin'ny fo dia mety hampisy aretim-po izany. Ary raha tsy voafehy ny tosadrà dia hiteraka fahafatesana izany.



RAVEHIVAY, INDRIO NY ZANAKAO (STABAT MATER), NATAON'I JAMES TISSOT © BROOKLYN MUSEUM, BRACKLYN, NEW YORK; SARY NAMDIRINA, SOMBINY AVY AMIN'NY TAO AMIN'NY SAHANY GETSEMANE, NATAON'I CARL HEINRICH BLOCH

**T**sy teo amin'ny hazo-fijaliana, izay toerana nahatanteraka ny fijalijaliana tao anatin'ny Sorompanavotana no nanombohan'ny fandatsahan'ny Mpamonjy ny rany fa tao amin'ny Sahany Getsemane.



Nianatra i Adama sy Eva ary ireo taranaka nifandimby fa isaky ny mandatsa-drà biby iray izy ireo dia tapitra ny ain'ily biby. Tsy *izay* biby rehetra akory dia mety hanaovan'izy ireo sorona. Tsy maintsy voalohan-terak'ondry izany ary tsy misy kilema (jereo ohatra ny Eksodosy 12:5). Ireo zavatra notakiana ireo koa dia tandindon'ny fanaovana sorona taty aoriana an'ily Zanak'ondrin'Andriamanitra tsy misy pentina.

Nomena didy i Adama sy Eva hoe: “Koa hataonao amin'ny Zanaka izay rehetra ataonao, dia hibebaka ianao ary hiantso an'Andriamanitra amin'ny anaran'ny Zanaka hatrizao” (Mosesy 5:8). Nanomboka tamin'ny mitataovovonan'ny fotoana dia nitohy ho fambara sy tandindona mikasika ny Sorompanavotan'ny Zanakalahin'Andriamanitra niseho taty aoriana ny fanaovana sorona biby.

Rehefa tanteraka ny Sorompanavotana dia nahatanteraka ilay lalàn'i Mosesy ilay sorona lehibe sy farany (jereo ny Almà 34:13–14) ary nanapitra ny fanaovana sorona biby izay nampianatra fa “ny ain'ny nofo dia amin'ny ra” (Levitikosa 17:11). Nanazava i Jesoa fa tsy ilaina intsony ireo singa tao anatin'ny sorona fahiny noho ny Sorompanavotana ary tsaroana amin'ny alalan'ireo tandindona ampiasaina mandritra ny fanasan'ny Tompo. Jereo indray ireo filazana mikasika ny fiainana, ny nofo ary ny rà:

“Fa hoy i Jesoa taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo.

“Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany” (Jaona 6:53–54).

Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia havotana ny olombelona rehetra—dia izay rehetra maniry izany. Tsy teo amin'ny hazofijaliana no nanomboka nandatsaka ny rany ho an'ny olombelona rehetra ny Mpamonjy fa tao amin'ny Sahan'i Getsemane. Teo no nitondrany ny vesatry ny fahotan'ny olona rehetra izay niaina sy hiaina. Nivoa-dra izy tao ambanin'izany enta-mavesatra izany (jereo ny F&F 19:18). Tanteraka teo amin'ny hazofijaliana tany Kalvary ny fijalijaliana tao anatin'ny Sorompanavotana.

Nofintinin'ny Mpaminany Joseph Smith ny maha zavadehibe ny Sorompanavotana. Hoy izy hoe: “Ny fitsipika fototry ny finoantsika dia ny fijoroana ho vavolombelon'ny Apôstôly sy ny Mpaminany mikasika an'i Kristy, izay milaza fa maty sy nalevina Izy ary nitsangana tamin'ny maty ny andro fahatelo ary niakatra any an-danitra, ary ireo zavatra hafa mikasika ny finoantsika dia fanampin'izany fotsiny ihany.”<sup>1</sup>

Miaraka amin'izany fahefana sy fankasitrahana lalina izany no ampianarako sy ijoroako ho vavolombelona momba Azy.



## Ny Asa Fanompoana nataon'i Jesoa Kristy—Ilay Fakan-tahaka

Ny tanjona mandrakizay faharoan'ny Tompo teto an-tany dia ny ho ohatra ho antsika. Ny fiainany izay fakan-tahaka no votoatin'ny asa fanompoany teto an-tany. Tafiditra tao anatin'izany ireo fampianarany, ireo fanoharany ary ireo toriteniny. Tao anatin'izany ireo fahagagana nataony, ny lemim-panahiny ary ny fahari-pony amin'ny zanak'olombelona (jereo ny 1 Nefia 19:9). Tao anatin'izany ny fampiasany tamim-pangorahana ny fahefan'ny fisoronana. Tafiditra tao anatin'izany ny fahatezerany ara-drariny rehefa nanameloka ny ota Izy (jereo ny Romana 8:3) ary rehefa nanjera ny latabaty ny mpanakalo vola (jereo ny Matio 21:12). Tafiditra tao anatin'izany koa ireo ratram-pony. Notevatevaina, nokaravasiana ary nolavin'ny olona Izy (jereo ny Môsià 15:5)—ary nisy mpianatra namadika Azy aza ary mpianatra iray nandà Azy (jereo ny Jaona 18:2–3, 25–27).

Na dia tena nahatalanjona aza ny asa fanompoana nataony dia tsy nijanona ary mbola tsy nijanona hoe zavatra Azy manokana fotsiny izany. Tsy misy fetrany ny isan'ny olona afaka manaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa. Nanao zavatra nitovy tamin'ny nataony ireo mpaminaniny sy apôstôliny ary ireo hafa teo anivon'ireo mpanompony nahazo alalana. Maro ireo nianjadian'ny fanenjehana noho ny Aminy (jereo ny Matio 5:10; 3 Nefia 12:10). Amin'izao androntsika izao dia mahafantatra rahalahy sy rahavavy isika izay mifofotra mafy—na amin'ny sarany tena henjana aza—mba hanaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy.

Izany no tokony ho izy. Izany no fanantenana ho antsika. Nangataka antsika ny Tompo mba hanaraka ny ohatra nasehony. Nampianatra mazava tsara an'izao Izy:

- “Koa, tokony ho karazana olona toa inona moa ianareo? . . . Ho toa Ahy” (3 Nefia 27:27; jereo koa ny 3 Nefia 12:48).
- “Andeha hanaraka Ahy fa hataoko mpanarato olona ianareo” (Matio 4:19).
- “Fianarana no nomeko anareo, mba hanaovanareo araka izay nataoko taminareo” (Jaona 13:15; jereo koa ny Jaona 14:6).

Tsy nosoratana mba ho sosokevitra ireo soratra masina ireo sy izay hafa mitovy aminy. Didy masina ireo! Tokony hanaraka ny ohatra nasehony isika!

Mba hanamorana ny fanarahantsika Azy dia angamba tokony handinika lafin-javatra dimy teo amin'ny fiainany isika izay azontsika arahana.


### Fitiavana

Raha anontaniako ianao hoe inona no toetra niavaka voalohany hitanao teo amin'ny fiainany, dia mihevitra aho fa hiteny ianao hoe ilay fitiavany. Tafiditra ao anatin'izany ny fangorahany, ny hatsaram-panahiny, ny fahavitrihany, ny famelan-kelony, ny famindrampony, ny fahamarinany ary ireo maro hafa. Nitia ny rainy sy ny reniny i Jesoa (jereo ny Jaona 19:25–27). Nitia ny fianakaviany sy ireo Olomasina Izy (jereo ny Jaona 13:1; 2 Tesaloniana 2:16). Nitia an'ireo mpanota Izy fa tsy manala tsiny ny fahotana (jereo ny Matio 9:2; F&F 24:2). Ary nampianariny antsika ny fomba ahafahantsika mampiseho ny fitiavantsika Azy. Hoy Izy hoe: “Raha tia Ahy hianareo, dia hitandrina ny didiko” (Jaona 14:15). Ary mba hanamafisana fa ny fitiavany dia *tanteraka*, dia nanampy Izy hoe: “Raha mitandrina ny didiko hianareo, dia hitoetra amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ny didin'ny Raiko sy ny itoerako ao amin'ny fitiavany” (Jaona 15:10; jereo koa ny F&F 95:12; 124:87).

Ny fomba iray hafa nanehoan'ny Mpanompony ny fitiavany dia ny asa fanompoany. Nanompo ny Rainy Izy ary nanompo ny olona izay niara-nipetraka sy niara-niasa taminy. Tokony hanaraka ny ohatra nasehony amin'ny alalan'ireo fomba roa ireo isika. Tokony hanompo an'Andriamanitra isika mba “handeha amin'ny lalany rehetra ary ho tia Azy” (Deoteronomia 10:12; jereo koa ny 11:13; Josoa 22:5; F&F 20:31; 59:5). Ary tokony hitia ny mpifanolobodirindrina amin-tsika isika amin'ny alalan'ny fanompoana azy ireo (jereo ny Galatiana 5:13; Môsià 4:15–16). Atombontsika amin'ny fianakavian-tsika izany. Miforona ilay fitiavana lalina mamehy ny ray aman-dreny amin'ny zanany amin'ny alalan'ny fanompoana azy ireo mandritra ilay fotoana izay mbola hiankinan'izy ireo loha



**N**y lafiny nampianavana ny fampianaran'ny Mpanompony ho ambony noho ny an'ireo mpampianatra rehetra hafa dia ny nampianarany fahamarinana izay manan-danja mandrakizay. Izy irery ihany no afaka nanambara ny tanjontsika eo amin'ny fiainana.







tanteraka. Aty aoriana ny zanaka mpankato dia manana fahafahana ny hamaly izany fitiavana izany rehefa manompo ireo ray aman-dreniny efa nahazo taona.

### **Ôrdônansy**

Ny lafin-javatra faharoa teo amin'ny fiainan'ny Mpanonjy izay tsara alain-tahaka dia ny fanantitranterany an'ireo ôrdônansy masina. Nandritra ny asa fanompoany teto an-tany dia nampiseho ny maha zava-dehibe an'ireo ôrdônansin'ny famonjena Izy. Nanao batisa an'i Jaona tany amin'ny Renirano Jordana Izy. Na i Jaona aza dia nanontany hoe: “Nahoana?”

Nanazava i Jesoa hoe: “Fa izao no mety *amintsika* hahatanteraka ny fahamarinana rehetra” (Matio 3:15; nampiana fanamafisana). Tsy hoe ilay ôrdônansy fotsiny no manandanja fa ny ohatra nasehon'i Jesoa sy i Jaona koa dia manan-danja.

Nampiditra ny ôrdônansin'ny Fanasan'ny Tompo ny Tompo taty aoriana. Nazavainy ny tandindon'ny fanasan'ny Tompo ary nozarainy tamin'ny mpianany ireo mari-pamantarany masina (jereo ny Matio 26:26–28; Marka 14:22–24; Lioka 24:30).

Nanome torolalana koa ny Raintsika any an-danitra mikasika ireo ôrdônansy. Hoy izy hoe: “Dia toy izany koa ny tsy maintsy ahaterahanareo indray ao amin'ny fanjakan'ny lanitra, amin'ny rano sy ny amin'ny Fanahy ary hanadiovana anareo amin'ny ra, dia ny ran'ny Lahitokako mba ho azo hamasinina hiala amin'ny fahotana rehetra ianareo ka hankamamy ny tenin'ny fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy, dia voninahitra tsy mety maty” (Mosesy 6:59).

Nandritra ny fotoana taorian'ny asa fanompoan'ny Tompo teto an-tany dia nambara ireo ôrdônansin'ny fisandratana ambony kokoa (F&F 124:40–42). Napetrany any amin'ireo tempoliny masina ireo ôrdônansy ireo. Amin'izao androntsika izao dia omena ny olona izay niomana araka ny tokony ho izy ny fanasana sy ny fanosorana ary ny fanafiana masina (jereo ny F&F 105:12, 18, 33; 110:9; 124:39). Ny olona iray dia azo fehezina amin'ny vady sy ny zanaka ary ny taranaka any amin'ny tempoly (jereo ny F&F 132:19). Ilay Mpampianatra antsika dia Andriamanitry ny lalàna sy ny filaminana (jereo ny F&F 132:18). Ny fifantohany amin'ireo ôrdônansy dia lafiny iray mahery vaika ao anatin'ny maha ohatra Azy ho antsika.

### **Vavaka**

Ny lafiny iray fahatelo tao amin'ny asa fanompoana tsara alain-tahaka izay nataon'ny Tompo dia ny vavaka. Nivavaka tamin'ny Rainy tany an-danitra i Jesoa ary nampianatra antsika koa ny fomba fivavaka. Tokony hivavaka amin'ny Ray any an-danitra isika amin'ny anaran'i Jesoa Kritsy Zanany, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina (jereo ny Matio



6:9–13; 3 Nefia 13:9–13; Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 6:9–15). Tiako ny vavaka nataon'i Jesoa ho an'ny mpianany izay voarakitra ao amin'ny Jaona toko 17. Mifandray malalaka tsara amin'ny Rainy ny Zanaka ao anatin'izany mba hisolo tena ireo mpianany izay tiany. Ohatry ny vavaka mahomby sy feno fangorahana izany.

### **Fahalalana**

Ny lafiny fahefatra ao amin'ny ohatra nasehon'ny Tompo dia ny fampiasany ny fahalalany masina. Araka ny efa nambara tany aloha dia raisin'ireo tsy Kristianina maro ho mpampianatra lehibe i Jesoa. Tena izany tokoa Izy. Saingy inona no tena nampivavaka ny fampianarany? Moa ve mpampianatra tena mahay mikasika ny ingénierie na ny matematika na siansa Izy? Mety ho tena mpampianatra lehibe tokoa Izy amin'ny maha Mpahary Azy an'ity tontolo ity sy ireo tontolo hafa (jereo ny Mosesy 1:33). Na mety afaka nampianatra tsara ny fomba fanoratana Izy amin'ny maha mpanoratra ny soratra masina Azy.

Ny lafiny nampivavaka ny fampianarany ho ambony noho ny an'ireo mpampianatra rehetra hafa dia ny nampianarany fahamarinana izay manan-danja *mandrakizay*. Izy irery ihany no afaka nanambara ny tanjontsika eo amin'ny fiainana. Tamin'ny alalany irery no nahafahantsika nianatra mikasika ny *fiainantsika* talohan'ny nahaterahana sy ireo zavatra hiseho amintsika *aorian'ny fiainana eto an-tany*.

In-drainy mandeha ilay Mpampianatra Lehibe dia nilaza tamin'ireo olona miroahan-tsaina nihaino Azy fa nanana vavolombelona telo naneho ny momba Azy izy ireo:

- Jaona Mpanao Batisa:
- Ireo zava-bitan'i Jesoa.
- Ny tenin'Andriamanitra Ray Mandrakizay (jereo ny Jaona 5:33–37).

Dia nanolotra vavolombelona fahefatra izy: “Dinihinareo ny Soratra Masina, satria ataonareo fa ao aminy no ananareo fiainana mandrakizay ary ireny no manambara Ahy.” (Jaona 5:39).

Ilay teny hoe *ataonareo* ao amin'io fehezan-teny io dia mety toa diso toerana ihany amin'ny voalohany. Saingy zava-dehibe izany ao anatin'ilay zavatra tian'i Jesoa hampitaina. Fantany fa *nataon'ny* maro tamin'ireo mpihaino azy ho ao anatin'ny soratra masina ny fiainana mandrakizay raha ny marina. Saingy diso izy ireo. *Tsy afaka* manome fiainana mandrakizay raha ny soratra masina irery. Mazava ho azy fa misy hery ao anatin'ny soratra masina, saingy avy amin'i Jesoa Izy tenany mihitsy izany hery izany. Izy *no Teny: Logos*. Ao anatin'ny herin'ny fiainana mandrakizay, Izy izay “tamin'ny voalohany [dia] Teny ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra”

(Jaona 1:1; jereo koa ny 2 Nefia 31:20; 32:3). Ary noho ny toetra be di-doha nananan'ireo olony miroahan-tsaina saina dia nanohy nanome tsiny azy ireo Izy: “Kanefa tsy mety manatona Ahy ianareo hanananareo fiainana [mandrakizay]” (Jaona 5:40).

Afaka nanototra antsika tamin'ilay fahalalany masina ny Mpamonjy saingy tsy nanao izany Izy. Hajainy ny fahafahantsika misafidy. Avelany hiaina an'ilay fifaliana amin'ny fahitan-java-baovao isika. Mamporisika antsika mba hibe-baka amin'ny fahotantsika manokana Izy. Omeny alalana mba hiaina ilay fahafahana avy amin'ny fankatoavantsika amim-pahavononana ny lalàny masina isika. Eny, ilay fomba fampiasany ny fahalalany dia manome ohatra lehibe iray ho antsika.

### **Faharetana**

Ny lafin-javatra fahadimy tao amin'ny asa fanompoana nataon'ny Tompo dia ny faharetana hatramin'ny farany. Tsy mba nitsoaka velively ny andraikiny Izy. Na dia niaina fijaliana tsy takatry ny saina aza Izy dia tsy mba olona mpi-tsoaka. Tao anatin'ireo fitsapana izay nihamafy dia naharitatra hatramin'ny farany Izy tao amin'ilay andraikiny: hanao sorona ho an'ny fahotan'ny olombelona rehetra. Ny teniny farany rehefa nihantona teo amin'ny hazofijaliana Izy dia hoe: “Vita” (Jaona 19:30).

### **Fampiharana eo amin'ny Fiainantsika**

Azo ampiharana eo amin'ny fiainantsika manokana ireo lafin-javatra dimy tao anatin'ny asa fanompoany ireo. Azo antoka fa ny porofo tsara indrindran'ny fitsaohantsika an'i Jesoa dia ny fakantsika tahaka Azy.

Rehefa manomboka mahafantatra isika hoe iza moa i Jesoa ary inona no nataony ho antsika dia afaka mahatakatra kely ny rafikevitry ny didy lehibe sy voalohany isika: “Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra” (Marka 12:30). Amin'ny teny hafa dia izay zavatra rehetra eritreretintsika sy ataontsika ary lazaintsika dia tokony ho vokatry ny fitiavantsika Azy sy ny Rainy.

Anontanio ny tenanao hoe: “Moa ve misy olona tiako bebe kokoa noho ny Tompo?” Dia ampitahao amin'ireto fitsipika napetraky ny Tompo ireto ny valinteninao:

- “Izay tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy mendrika ho Ahy.”
- “Izay tia ny zanany lahy na ny zanany vavy mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy mendrika ho Ahy” (Matio 10:37).

Ny *fitiavana* ny fianakaviana sy ny namana na manao ahoana na manao ahoana ny halehibeny dia lasa lalina kokoa rehefa mifototra amin'ny fitiavan'i Jesoa Kristy. Ny

**N**y fiainany tsara alain-tahaka no votoatin'ny asa fanompoany teto an-tany. Tafiditra tao anatin'izany ireo fampianarany, ireo fanoharany ary ireo toriteniny. Tao anatin'izany ny fampiasany tamimpangorahana ny fahafan'ny fisoronana.



fitiavan'ny ray aman-dreny ny zanaka dia misy lanjany bebe kokoa eto sy aorian'izao fiainan'izao noho Izy. Mivoatra ny fifandraisana feno fitiavana ao Aminy. Ny fitiavan'ny Raintsika any an-danitra sy i Jesoa Kristy dia mitondra fahazavana sy fanentanam-panahy ary fandrilihana mba hitia ny hafa amin'ny fomba tsara kokoa.

Ireo *ôrdônansy* dia mitondra fifantohana amin'ny asa fanompoana izay manana lanja mandrakizay. Tokony hieritritra ny ray aman-dreny hoe inona no *ôrdônansy* manaraka ilain'ny zanaka tsirairay. Tokony hieritritra an'izay *ôrdônansy* ilaina manaraka mifanaraka amin'ny tokony ho izy ao anatin'ny fianakaviana tsirairay izay tompoiny ireo mpampianatra isan-tokantrano.

Ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy mikasika ny *vavaka* dia mampahatsiahy antsika fa tokony ho ampahan-javatra ao anatin'ny fiainantsika ny vavaky ny tena manokana, ny vavaky ny mpianakavy ary ny fanatanterahana ombambavaka ireo andraikitsika ao amin'ny Fiangonana. Ny fahafantarana sy ny fanaovana ny sitrapon'ny Ray dia manome hery ara-panahy sy fahatokiana lehibe (jereo ny F&F 121:45). Tiantsika ny ho eo anilan'ny Tompo.

Ny *fahalalana* “[ny] zavatra araka ny tena toetrany sy [ny] zavatra araka ny ho tena toetrany” (Jakôba 4:13) dia manome fahafahana antsika hanao asa mifanaraka amin'ny fitsipika sy fotopampianarana marina. Hampivoatra ny fitondran-tenantsika izany fahalalana izany. Ny fanaovan-javatra mifanohitra amin'izany izay mety vokatry ny fanirian-javatra mifono fitiavan-tena sy fiontanam-po dia hosoloin'ny zavatra tanterahana amin'ny alalan'ny fahendrena sy ny fahamarinana.

Ny fanoloran-tena *haharitra hatramin'ny farany* dia midika fa tsy hangataka mba hisaorana amin'ilay antso mba hanompo isika. Midika izany fa haharitra ao anatin'ny fanatrarana tanjona mendrika isika. Midika izany fa tsy hilavo lefona velively isika eo amin'ny fanampiana olon-tiana iray nivily lalana. Ary midika izany fa hankamamy foana ilay fifandraisan'ny fianakaviansika mandrakizay isika na dia ao anatin'ny fotoana sarotra isehoan'ny aretina na tsy fahafahana manao zavatra na fahafatesana aza.

Mivavaka amin'ny foko manontolo aho mba hitondra fiovana lalina eo amin'ny fiainanao ilay fitarihan'ny Tompo izay mampanova. Afaka mitahy antsika amin'izao fotoana izao sy mandrakizay ny asa nanirahana Azy sy ny asa fanompoana nataony. ■

*Avy amin'ny lahateny iray natao nandritra ny fivoriana fampaherezampanahy tamin'ny 18 Aogôstira 1998, tany amin'ny Oniversiten'i Brigham Young. Mba hahitana ny lahatsoratra iray manontolo amin'ny teny anglisy dia midira ao amin'ny speeches.byu.edu.*

#### FANAMARIHANA

1. *Enseignements des Présidents de l'Église: Joseph Smith* (2007), 49.



# Herinandron'ny Paska

Nanatanteraka ny Sorompanavotana i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika—izay nahitana ny fijaliany tao Getsemane, ny Fanomboana Azy teo Golgota, ary ny Fitsanganany tamin'ny maty avy tao am-pasana—nandritra ilay herinandro farany teo amin'ny fiainany.

Nandritra ny Filankevitra tany an-danitra talohan'ny nahariana ny tany dia namelabelatra ny drafiny ho antsika zanany ny Ray any an-danitra. Nihoby tamim-pifaliana isika rehefa nisafidy ny hanatanteraka ny drafitry ny famonjena i Jesoa Kristy (jereo ny Joba 38:7 sy Abrahama 3:27). Niaina tao anatin'ny fiainana tsy nisy fahotana i Jesoa izay naterak'i Maria tany Betlehema. Noho ny Sorompavotany dia afaka mive-rina miara-miaina amin'ny Raintsika any an-danitra isika ary mahazo ny fiainana mandrakizay. Hiverina amin-kery sy amim-boninahitra mba hipetraka eto an-tany mandritra ny Arivotaona i Jesoa Kristy ary hijoro ho Mpitsara ny olona rehetra Izy amin'ny andro farany.

Ireto misy sary avy amin'ireo horonan-tsary momba ny Baiboly izay mampiseho ny herinandro farany teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy. Vakio ireo andinin-tsoratra masina tanisaina eo amin'ny sary tsirairay. Mba hahitana ny fifanesen-java-miseho feno dia jereo ny fampisehoana ny filaharan'ireo soratra masina efatra ao anatin'ny Bible Dictionary (Rakibolan'ny Baiboly) na Torolalana ho an'ny Soratra Masina. Ireo horonan-tsary mikasika ny Baiboly dia hita ao amin'ny biblevideos.lds.org.

SARY © IRI





*Ny andro fahadimy talohan'ny Paska dia niakatra tany Jerosalema nitaingina boriky i Jesoa araka ny faminiana. Noraisin'ny olona ho toy ny Mpanjakany Izy ka nihiaka hoe "Hosana" izy ireo ary namelatra ny lambany sy nampihahaka rantsan-kazo tamin'ny tany teo anoloan'ilay boriky. (Jereo ny Matio 21:1-11; Marka 11:1-11; Zakaria 9:9.)*



*Nanadio fanindroany ny kianjan'ny tempoly i Jesoa, nandritra ny asa fanompoany teto an-tany. "Ny tranoko hatao hoe trano fivavahana; fa hianareo kosa manao azy ho zohy fieren'ny jiolahy," hoy Izy tamin'ny mpivarotra (Matio 21:13). Taorian'izay dia maro ireo jamba sy malemy no tonga nanatona Azy tao amin'ny tempoly ary nositrany izy ireo. Saingy rehefa nahita ny fahagagana nataony ireo mpisorona sy mpanora-dalàna dia tezitra izy ireo ary nikatsaka ny hamotika Azy. (Jereo ny Matio 21:12-17; Marka 11:15-19.)*

*Nanaiky ny ho tonga tety an-tany mba hanavotra ny olona rehetra amin'ny Fahalavoana i Jesoa Kristy. (Jereo ny 1 Nefia 11:16-22, 26-33; Almà 7:10-13.)*






*Nandritra ny herinandro iray dia nizara ny sasany tamin'ireo toriteny tena mendrika ho tsaroana ny Mpamonjy, ka tafiditra tao anatin'izany ny fam-pianarany mikasika ny farantsakelin'ny mpiton-dratena. (Jereo ny Marka 12:41–44; Lioka 21:1–4.)*

*Nandohalika sy nivavaka ny Mpamonjy tao amin'ny Sahan'i Getsemane ary ny fijalijaliany noho ny fahotan'izao tontolo izao dia nahatonga Azy "hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoandra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy" (F&F 19:18). Fotoana fohy taorian'izany dia nisambotra an'i Jesoa i Jodasy Iskariota sy lehilahy maro nirongo fiadiana, dia nandao ny Tompo ny mpianatra rehetra ary nitsoaka. (Jereo ny Matio 26:36–56; Marka 14:32–50; Lioka 22:39–53.)*



*Nandritra ny fiarahany misakafo farany dia nampanantena ny apôstôliny i Jesoa fa handray ilay Mpampionona na ny Fanahy Masina izy ireo rehefa lasa Izy. Nampianariny izy ireo mba hahatsiaro Azy amin'ny alalan'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo. Rehefa nanakaiky ny alina dia nanao vavaka ho an'ny mpianany i Jesoa ka nivavaka izy mba hiray hina ny mpianany. (Jereo ny Matio 26:17–30; Marka 14:12–26; Lioka 22:14–32; Jaona 13–17.)*







*Taorian'ily fitsarana tsy ara-dalàna sy fikapohana tsy misy antra dia namela ny tenany mba hohomboana i Kristy ka nanatanteraka ilay "sorona lehibe sady farany" izay nanome fahafahana ny hahazoan'ny zanak'Andriamanitra rehetra famonjena (jereo ny Almà 34:14-15). Talohan'ny naha alina ny andro dia nesorin'ireo mpanara-dia an'i Jesoa teny amin'ny hazofijaliana ny vatany, dia nofonosiny hariry madinika madio sy nasiany zava-manitra ary naleviny tao amin'ny fasana. (Jereo ny Matio 27; Lioka 23; Marka 15; Jaona 19.)*



*Raha vao nazava ratsy ny Alahady maraina dia tonga teo am-pasana i Maria Magdalena sy ireo vehivavy mahatoky hafa mba hanosotra zava-manitra bebe kokoa ny vatan'i Jesoa. Nahita izy ireo fa nisy nanakodia ny vato ary nisy anjely roa nanambara tamim-pifaliana hoe: "Tsy ato izy fa efa nitsangana araka izay nolazaina" (Matio 28:6). Nandresy ny fahafatesan'ny vatana ilay Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty ary nanome antsika tsirairay avy fahafahana ho velona indray: "Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no aha-veloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy" (1 Korintiana 15:22). (Jereo ny Matio 28; Marka 16; Lioka 24; Jaona 20). ■*



# Manampy ireo ankizy

## HIOMANA AMIN'NY BATISA

Nataon'i Jessica Larsen sy Marissa Widdison

Gazetibokin' ny Fiangonana

Ny fahazazana dia fotoanan'ireo zavatra mahafinaritra izay vao voalohany no atao eo amin'ny fiainana. Ny fotoana voalohany hitaingenana bisikileta, na hidirana any an-tsekoly, na hanandramana sakafo iray vaovao mbola tsy fihinana no ohatra vitsivitsy amin'ireo tranga mampiantanentana izay miantraika eo amin'ny fiainan'ny ankizy iray. Amin'ny maha olon-dehibe antsika dia manana fahafahana isika hanampy ankizy eo amin'io lalana izay ahitana zava-baovao io. Amin'ny maha olon-dehibe antsika ato amin'ny Fiangonana, dia manana fahafahana ihany koa isika hanampy azy ireny hivoatra ao amin'ny filazantsara (jereo ny F&F 68:25). Inona no azontsika atao mba hahazoana antoka fa ho fotoana iray mahafinaritra sy manan-danja ny batisan'ny ankizy iray—ilay fanekempihavanana voalohany izay ataon'ny olona iray amin'ny Raintsika any an-danitra be fitiavana?

“Tanjona fototr'ity Fiangonana ity ny hampianatra ny tanora: ao an-tokantrano aloha ary avy eo ao ampianonana,” hoy ny nampianarin'ny Filoha Boyd K. Packer.<sup>1</sup>

Ao amin'ireto ohatra manaraka ireto dia ahitana ray aman-dreny mizara ny fomba izay nanomanan'izy ireo ny zanany amin'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana masin'ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.

### Manomboka Aloha Be Izahay

“Ny taona izay maha feno fito taona ny ankizy tsirairay dia fotoana iray tokony hankalazaina,” hoy i Lori, renim-pianakaviana manan-janaka efatra. Mampianatra ny zanak'izy ireo mikasika ny batisa izy mivady manomboka amin' ny andro ahaterahan'izy ireo. Saingy rehefa feno fito taona ny ankizy tsirairay dia manomboka manao fiomanana manokana kokoa ny fianakavian'izy ireo. Manao lesona iray momba ny lohahevitra samihafa izay mifandray amin'ny batisa izy ireo isam-bolana mandritra ny takarivan'ny mpianakavy, toy ny fanekempihavanana sy ny ohatra nasehon'i Jesoa.

Milaza i Lori fa ireo lesona mandritra ny volana izay hitsingerenan'ny fahavalo taona nahaterahan'ilay ankizy dia tena mampihetsi-po manokana. Asehony an'ireo ankizy ireo akanjo izay nanaovan'izy ireo tamin'ny fotoana nandraisan'izy ireo anarana sy tsodrano ary miresaka mikasika ilay andro izay nanatanterahana io ôrdônansy io izy.



Nasongadin'i Lori hoe: “Io no fotoana tsara indrindra hifantohana amin'ireo fitahiana entin'ny fanekempihavanan'ny tempoly.” “Ampianarinay foana amin'io fotoana io hoe ny fisafidianana ny ho atao batisa no dingana voalohany eo amin'ny fiomanana amin'ireo fitahiana entin'ny tempoly.”

### Ataonay Raharahan'ny Mpianakavy ilay Izy

Manoro hevitra i Monica, renim-pianakaviana manan-janaka efatra, ny hampandraisana anjara ireo zanaka izay efa lehibebe eo amin'ny fanampiana ireo zandriny hiomana isaky ny misy fotoana ahafahana manao izany. “Tena manampy hery tokoa ny fahenoan'ny zaza iray ny zokiny lahy



na ny zokiny vavy, izay efa zatovo, mijoro ho vavolombelona sy mizara ny zavatra efa niainany,” hoy izy. Manampy i Lori hoe indrindray dia asain’izy ireo ilay ankizy mio-mana amin’ny batisa hampianatra ireo zandriny izay zavatra nianarany.

### Ataonay Fitaovana Hitoriana ny Filazantsara ilay Izy

Rehefa feno valo taona ny zanakavavin’i Daniel, dia fantatr’i Daniel fa ho tian’ny zanany vavy ny hizara ny andron’ny batisany amin’ireo namany izay tsy mpikamban’ny Fiangonana. Koa dia nanapa-kevitra ny fianakavian’izy ireo hizara fanasana amin’ireo namana any an-tsekoly sy eo amin’ny mpiara-monina hanatrika ny batisan’i Allison.

Nasaina ireo namana ireo hitondra andinin-tsoratra masina izay tian’izy ireo indrindra ao amin’ny Baiboly rehefa hanatrika ilay batisa. Taorian’ilay batisa dia notsipihan’i Allison tao anatin’ilay boky soratra masina vaovao azony ireo andinin-tsoratra masina ireo ary nosoratany teo amin’ny sisiny ny anaran’ireo namany.

“Mazava ho azy fa amin’ny maha fianakaviany anay, dia nandray anjara be izahay tamin’io andro io. Fa navelanay koa izy hiaraka tamin’ireo namany fotsiny nandritra ny fotoana kely taorian’ilay batisa sy hiresaka amin’izy ireo mikasika izay zavatra tsapan’ny,” hoy i Daniel. “Tena fotoana mamy tokoa ny nahita ny zanakay naneho ohatra.”

### Nataonay Famerenana Ilay Dinidinika amin’ny Eveka

Tsaroan’i Kimberly, izay renim-pianakaviana mananjaka manakaiky ny taona hanaovana batisa, ny fotoana nandrosoany tao amin’ny biraon’ny eveka hanao dinidinika ho an’ny batisa tamin’izy valo taona. “Tena nitaintaina be mihitsy aho!” hoy i Kimberly.

Amin’izao fotoana izao izy dia miezaka manao izay tsy hahatsapan’ny zanany fitaintainana be. Miresaka amin’ireo zanany izy mivady mikasika ny dinidinika ataon’ny eveka ary mametraka fanontaniana amin’izy ireo mikasika ny batisa toy ireny hoe manao tafa sy dinika ireny. Ireo dinidinika ireo dia mihoatra noho ny fanazarana ireo ankizy amin’ny fizotran’ilay dinidinika—mamporisika ireo ankizy koa izany handinika lalina ny dikan’ny fanekempihavanan’ny batisa ho azy ireo.

### Fotoana Mahafinaritra Ahafahana Manao Zavatra izany ho Anay

Ireo ray aman-dreny ireo dia manamarika faingana fa tsy nanao zavatra diso tafahoatra mihitsy izy ireo teo amin’ny fanomanan’izy ireo ny zanany amin’ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana, fa maro tamin’izy ireo no nampiasa teny toy ny hoe “lalina” sy “tsy miovaova” hamaritana ireo lesona izay nampianarin’izy ireo nandritra ny taona maro. “Nataonay azo antoka fa takat’ireo zanakay hoe dingana manan-danja teo amin’ny fiainany izany, ary tena nanan-danja be izany,” hoy i Kimberly. “Nataonay azo antoka foana fa izahay no nanomana azy ireo, fa tsy nantena fotsiny hoe ny mpampianatra azy ireo ao amin’ny Kilonga no hampianatra azy ireo.”

Fotoana tena mahafinaritra no nomena antsika ahafahana manao zavatra hanampiana ireo zanaka izay tiantsika hiomana amin’ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana! Raha manao izany amim-bavaka isika dia hiaraka amintsika ny Tompo mba hanao io fotoana voalohany hanaovana fanekempihavanana io ho tonga fototra mafy orina ho an’ny fivoarana ara-panahy amin’ny hoavy. ■

*Ireo pejy roa manaraka dia mamaly ireo fanontaniana sasanisasany apetraky ny ankizy mikasika ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana.*


### FANAMARIHANA

1. Boyd K. Packer, “Teach the Children,” *Liahona*, Mey 2000, 16.



## Mahatakatra ny atao hoe Batisa

Nataon'i Marissa Widdison  
Gazetibokin' ny Fiangonana



### *Iza no hanao batisa ahy?*

Na iza na iza manao batisa anao dia tsy maintsy mi-hazona ny fisoronana—ilay fahefana hanao zavatra amin'ny anaran'Andriamanitra. Tamin'i Jesoa naniry ny hatao batisa dia nankany amin'i Jaona Mpanao Batisa Izy, Jaona Mpanao Batisa izay nanana fisoronana (jereo ny Matio 3:13).

Mila mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny evekanao na ny filohan'ny sampana misy anao ilay olona izay manao batisa anao.



### *Voatery misitrika ao anatin'ny rano ve aho raha te-hatao batisa?*

Natao batisa asitrika i Jesoa, izay midika fa nisitrika tanteraka tao anaty rano izy ary dia niarina faingana indray avy teo (jereo ny Matio 3:16). Toy izany no fomba hanaovana batisa anao. Ny hoe atao batisa amin'izany fomba izany dia mampahatsiahy antsika fa avelantsika any aoriana any ny fiainantsika taloha ary manomboka fiainam-baovao izay natokana amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ireo zanany.

### *Inona no fampanantenana ataoko rehefa atao batisa aho?*

Rehefa atao batisa ianao dia manao fanekempihavanana, na fifanomezan-toky amin'ny Ray any An-danitra. Mampanantena Azy ianao fa hanao zavatra sasantsasany, ary mampanantena Izy fa hitahy anao. Io fanekempihavanana io dia voafaritry ao amin'ireo vavaky ny fanasan'ny Tompo izay atao isan'Alahady (jereo ny F&F 20:77–79). Mampanantena ianao fa:

- Hahatsiaro an'i Jesoa Kristy.
- Hitandrina ny didiny.
- Hitondra ny anaran'i Kristy, izay midika hoe hametraka ny asany ho lohalaharana eo amin'ny fiainanao ary hanao izay Sitrapony fa tsy izay tian'izao tontolo izao.

Rehefa mitandrina izany fampanantenana izany ianao dia manome toky anao ny Ray any An-danitra fa hiaraka aminao ny Fanahy Masina ary ho voavela ny fahotanao.



### ***Iza ny Fanahy Masina?***

Ny fanomezana ny Fanahy Masina no iray amin'ireo fanomezana sarobidy indrindra avy amin'ny Ray any An-danitra. Tsy feno ny batisa amin'ny rano izay atao aminao raha tsy misy lehilahy mihazona ny fisoronana Melkizedeka manome tsodrano anao mba handraisa-nao ny Fanahy Masina (jereo ny Jaona 3:5).

Ny Fanahy Masina dia mpikambana iray ao amin'ny atao hoe Ny Andriamanitra. Mijoro ho vavolombelona momba ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Izy ary manampy antsika hahafantatra izay marina. Manampy antsika hatanjaka ara-panahy Izy. Mampitandrina antsika amin'ny loza Izy. Manampy antsika hianatra Izy. Afaka manampy antsika hahatsapa ny fitiavan'Andriamanitra ny Fanahy Masina.

Rehefa raisina ho mpikamban'ny Fiangonana ianao dia afaka miaraka aminao mandrakariva ny Fanahy Masina raha misafidy ny tsara ianao.



### ***Nahoana no tsy maintsy valo taona aho farafahakeliny izay vao azo atao batisa?***

Mampianatra ny Tompo hoe tsy tokony hatao batisa ny zaza raha tsy efa vory taona tsara ka afaka mahatakatra ny maha samy hafa ny tsara sy ny ratsy, taona izay lazain'ny soratra masina hoe valo taona (jereo ny Môrônia 8:11–12; F&F 29:46–47; 68:27).





Nataon'ny Loholona  
Jairo Mazzagardi  
Ao amin' ny Fitopololahy

# Voasarika ho any amin'ny Tempoly

*Ho an'ny ankamaroan'ny olona tsara, ny tempoly dia mitondra fahatsapana izay afaka milentika avy hatrany any am-po.*

Talohan'ny niantsoana ahy ho mpikambana tao amin'ny Kôlejy Faharoa ao amin'ny Fitopololahy dia nandany taona maromaro izahay mivady nanompoana tao amin'ireo Tempolin'i Campinas sy Sao Paulo, tany Brésil. Tao amin'ireo tempoly roa ireo dia matetika aho no talanjona fa voasarika loatra tamin'ireo tempoly ny olona izay mandalo ka dia mijanona sy miditra ary manontany momba izany.

Rehefa miditra izy ireo dia ampahafantarina fa tsy afaka mandroso lalindalina kokoa izy ireo raha tsy nanaraka ny fiomanana sahaza an'izany. Avy eo dia hazavainay amin'izy ireo ny tanjon'ny tempoly, zarainay aminy ny fotopampianarana fototra sasantsasany ao amin'ny filazantsara ary dia asainay izy ireo hihaona amin'ireo misiônera. Ho an'ny ankamaroan'ny olona tsara, ny tempoly mihitsy dia efa misiônera iray mahatalanjona noho izy mitondra fahatsapana izay afaka milentika avy hatrany any am-po.

Fantatray sy Elizabeth vadiko avy amin'ny zavatra niaiana manokana ny herin'izany fahatsapana izany. Efa ho 40 taona lasa izay dia nisy namana tsara sy mpiara-miasa iray, izay mpikamban'ny Fiangonana, nanomboka niresaka mikasika ny filazantsara taminay nandritra ny fifampiresahana tsotsotra. Natetika izy no nandefa misiônera hamangy anay. Nahafinaritra anay ireo misiônera ary nanaiky



nandray ireo lesona izahay, saingy tsy dia tena liana tamin'izay zavatra nampianarin'izy ireo izahay.

Niova izany tamin'ny volana Ôktôbra 1978, raha nanasa namana maromaro io mpiaramiasa tamiko io, ary an'isan'izay izahay mivady, hanatrika ny varavarana misokatra tao amin'ny Tempolin'i Sao Paulo, Brésil. Nanofa fiara fitateram-bahoaka maromaro izy nialany vola am-paosy mba hahafahan'ireo namany hiaraka aminy ho any amin'ilay tempoly, izay tany amin'ny 80 kilaometatra tany ho any.

Rehefa niditra ny fitoeran-drano fanaovana batisa i Elizabeth dia nahatsapa zavatra izay mbola tsy tsapany hatrizay, zavatra iray izay taty aoriana vao fantany fa ny Fanahy Masina. Fifaliana lehibe tao am-pony ilay fahatsapana. Fantany tamin'io fotoana io fa marina ny Fiangonana ary io ilay Fiangonana izay niriany hidirana.

Fahatsapana nitovitovy tamin'izany no tsapako tany amin'ny faran'ilay varavarana misokatra, raha notarihina ho ao amin'ny efitrano famehezana izahay ary nampianarina ny fotopampianaran'ny fianakaviana mandrakizay. Tena nanohina ny foko io fotopampianarana io. Nahita fahombiazana aho teo amin'ny lafin'ny asa, saingy efa ela aho no nahatsapa toy ny zavatra banga tao anatin'ny fanahiko. Tsy nahafantatra aho hoe inona no azo namenoana io banga io saingy nahatsapa aho hoe nisy hifandraisany tamin'ny fianakaviana izany. Ary teo, tao anatin'ny efitrano famehezana, no nanomboka nisy dikany tato an-tsaiko sy tato am-poko daholo ny zava-drehetra.

Tao anatin'ny andro vitsivitsy dia nifandray taminay indray ireo misiônera. Tamin'ity indray mitoraka ity dia tena liana mihitsy izahay hihaino ny hafatr'izy ireo.

Namporisika anay ireo elder hivavaka mafy mikasika ny fahamarinana. Resy lahatra aho fa izany ihany no fomba *nahafahako* nivavaka. Nahafantatra aho fa tsy afaka nanao fanoloran-tena hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana raha tsy tena nahazo fijoroana ho vavolombelona marina. Nitebiteby aho raha nieritreritra izany hoe hanatona ny Ray any An-danitra izany hangataka fanamafisana avy Aminy, fa sady nahazo antoka koa aho fa hamaly ahy Izy. Nozaraiko taminy ny faniriana lalina tao am-poko ary nangatahiko Izy hanome valiny ho ahy, izay hanome antoka ahy fa ny fidirana ho mpikamban'ny Fiangonana no lalana mety indrindra.

Ny herinandro nanaraka an'io tao amin'ny Sekoly Alahady, dia nipetraka tao aoriako ilay namanay izay nanasa anay ho any amin'ilay varavarana misokatra ho an'ny tempoly. Nanondrika ny lohany taty amiko izy ary nanomboka niresaka tamiko. Tena namaly ara-bakiteny ny zavatra izay nangatahako tamim-bavaka mba ho fantatra ireo teny nambarany. Tena tsy nanana ahiahy aho fa ny Ray an An-danitra no niresaka tamiko tamin'ny alalany. Tamin'izany fotoana izany aho dia olona mafy fo sy hentitra dia hentitra saingy nihanalefaka ny foko ary dia nanomboka nitomany aho. Rehefa vita ny tenin'ilay namako dia nasainy izahay mivady ho atao batisa. Nanaiky izahay.

Tamin'ny 31 Ôktôbra 1978, iray volana latsaka taorian'ny zavatra niainanay tao amin'ny Tempolin'i Sao Paulo, dia natao batisa sy noraisina ho mpikambana izahay. Ny ampitson'iny izahay dia nandray anjara tamin'ny fivoriana faharoa nanokanana ny Tempolin'i Sao Paulo, Brésil. Herintaona taty aoriana dia niverina tany amin'ny tempoly izahay niaraka tamin'ireo zanakay lahy anankiroa mba hofehezina amin'ny maha fianakaviana anay. Samy traikefa nahafinaritra sy mendrika ho tsaroana daholo ireo fotoana telo ireo. Nanohy nanao izay hampaharitra ireo fahatsapana ireo izahay tamin'ny alalan'ny fandehanana matetika tany amin'ny tempoly nandritra ny taona maro.

Valo amby roapolo taona taorian'ny andron'ny batisanay dia nijoro tao amin'ny Tempolin'i Sao Paulo Brésil indray izahay mivady. Vao avy nantsoina ho filohan'ny tempoly aho. Traikefa mamy ho anay tokoa ny nandeha indray tao anatin'ny efitrano fidirana ao amin'ny tranon'ny Tompo sy ny namerina nahatsapa indray ireo fihetseham-po izay nahatonga ny fiovam-ponay.

Mbola mitondra fifaliana lehibe ho anay mivady hatrany ny tempoly. Rehefa mahita mpivady vao herotreron'ny izahay miditra ny tempoly mba hofehezina ho lasa fianakaviana mandrakizay dia mahatsapa fanantennana lehibe.

Olona maro maneran-tany no vonona handre ny hafatry ny filazantsara. Mahatsapa hetaheta izy ireo, mitovitovy amin'izay tsapako 30 taona mahery lasa izay. Manana hery ampy ny tempoly sy ireo ôrdônansiny hanome fahafahampo an'io hetaheta io ary hameno ny fahabangana tsapan'izy ireo. ■



# NISY ZAVATRA TSY NETY TEO AMIN'NY FIARAMANIDINA NENTIKO

I ndray hariva raha nampanandroso ny fiaramanidiko feno mpandeha aho ho eny amin'ny lalana fiangana, dia nanana fahatsapana hoe nisy zavatra tsy nety tsara teo amin'ny fitaovana familiana an'ilay fiaramanidina. Mba hanamarinana ilay fahatsapana ara-panahy nananako dia novitaiko ilay lalana mitondra hatreny amin'ny lalana fiangana ary nanao faribolana vitsivitsy aho. Toa tsy nisy olana teo amin'ny zavatra rehetra.

Nanontany tena aho hoe "Moa ve aho tokony hiainga ary hitondra ireo mpandeha mba hahatongavany arapotoana any amin'ny toerana halehan'izy ireo, sa ve aho tokony hiverina any amin'ny varavarana fiondranana?" Nahafantatra aho fa hiteraka fahatarana lava be ny fiverenana. Tsy azo ifanenana ny lalana mankeny amin'ny lalana fiangana. Ho voatery hiandry ny tour de contrôle aho handrindra ny fifamoivoizana mba hahafahako miverina mifanohitra amin'ny fizotry ny fifamoivoizana. Avy eo dia ho voatery hiandry ireo ekipa mpanamboatra

izay hijery tsara ilay fiaramanidina izahay. Mety hiteraka olana maro ho an'ilay fiaramanidina ny fahatarana sy ho an'ireo mpandeha izay nila nihaona tamin'olona sy nila nanatratra fiaramanidina iray hafa rehefa ho tonga any amin'ilay toerana halehanay. Nanontany tena ihany koa aho hoe ahoana no ho fihetsiky ny departemanta misahana ny fikojakojana eo anatrehan'ny tatitra ataoko hoe nisy olana ilay fiaramanidina kanefa tsy nanana porofo aho ankoatra ny fahatsapana iray nahery vaika.

Amin'ny maha kapitenin'ilay fiaramanidina ahy dia tompon'andraikitra amin'ny fiarovana anay aho, koa dia nanapa-kevitra aho hanaraka ilay fahatsapana nananako ary dia niverina.

Rehefa tonga teo amin'ny varavarana fiondranana aho dia nilaza tamin'ny mpanamboatra ny simba amin'ny fiaramanidina fa nahatsapa fa nisy zavatra tsy nety tamin'ilay fiaramanidina saingy tsy nahafantatra

hoe inona ilay olana. Tsy nino izy hoe nisy olana.

"Mety hoe ilay lalana somary mando fotsiny angamba," hoy izy. "Mety nisolifatra teo ambonin'ny tara angamba ianao." Na izany aza anefa dia nanaiky ihany izy hijery ny milina mampivily ny kodiarana aloha. Rehefa avy nanamarina izany izy dia nangatahiny aho hampidina ireo mpandeha mba hahafahany mitondra ilay fiaramanidina hihodina hanao fanandramana.

Rehefa niverina izy 30 minitra taty aoriana dia tena sahiran-tsaina mafy. Naheno feo nikasokasoka tsitapata-paka izy nandritra ilay dia fanandramana. Rehefa nanitsaka ny frein izy raha hihodina hiverina ho any amin'ny varavarana fiondranana iny dia tsy voafehiny intsony ilay fiaramanidina ary saika namantana nivoaka ny lalana.

Hita tamin'ny fizahana tsara kokoa fa tsy nandalo fanamarinana araka ny tokony ho izy ny frein ny omalin'io. Raha toa aho ka nampipetraka ilay fiaramanidina aorian'ny sidina saika hataonay, dia ho namotsotra ireo freins, ary tsy ho nahafehy ilay fiaramanidina intsony aho.

Nomena fiaramanidina hafa hoenina aho ary dia voatitra soa aman-tsara tany amin'ny toerana halehany ireo mpandeha, fa nisy fahatarana adiny telo.

Faly aho fa nihaino ny bitsiky ny Fanahy. Fantatro fa hitari-dalana antsika ny Fanahy raha toa isika ka mikatsaka ny fitarihan'ny Tompo ary mihaino ireo bitsika izay tonga. ■ Craig Willie, Utah, Etazonia

Nanontany tena aho hoe ahoana no ho fihetsiky ny departemanta misahana ny fikojakojana eo anatrehan'ny tatitra ataoko hoe nisy olana ilay fiaramanidina kanefa tsy nanana porofo aho ankoatra ny fahatsapana iray nahery vaika.



# MAHITA FIFALIANA EO AMIN'NY FIAINANA

Indray maka aho namaky lahateny iray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay nataon'ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Na dia efa naheno sy namaky io lahateny io aza aho tany aloha, dia nisy fehezanteny iray nisarika ny saiko ary nitoetra tao anaty eritreritro.

Ora vitsivitsy taty aoriana dia tonga namangy anay ny zanako lahy, izay niara-nipetraka tamin'ny namany maromaro tany amin'ny trano hofaina iray. Efa nanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno izy ary nahavita taona vitsivitsy tany amin'ny oniversite. Tsy dia natoky tena loatra izy ny amin'izay lalam-piofanana tokony harahiny sy izay anton'asa tokony ho katsahany. Noho izy diso fanantenana ary nahatsapa fa hatreo aloha dia fandaniam-potoana sy fandaniam-bola ny fianarana, dia natsahany aloha ny fianarany ary dia nanomboka niasa tamin'ny fotoana feno izy.

Nilaza tamiko izy fa nandroso hevitra ny iray tamin'ireo namany ny handehanan'izy ireo ho any amin'ny nosy iray any Bahamas na any Caraïbe, dia hitady asa ary hiala voly mandritra ny volana vitsivitsy. Feno fientanam-po ilay zanako lahy tamin'izany hevitra izany. Mora tamiko ny nahatakatra hoe tena mahasarika tokoa izany zavatra hiainana tsy dia mampamaky loha izany ho an'ny zatovolahy iray.

Tamin'izay fotoana izay indrindra no tonga tato an-tsaiko ilay hafatra tena miavaka nataon'ny Loholona Scott. Nalaiko ilay *Ensign* ary izao no novakiako tamin'ilay zanako lahy: "Tanjona masina no nahatongavanao eto ambonin'ny tany. Tsy ny hoe hiala voly tsy misy farany izany tanjona izany, na koa hoe hikatsaka fahafinaretana tsy tapaka. Tonga eto ianao mba hozahana toetra, mba hanaporofo fa afaka mandray ireo fitahiana fanampiny izay natokan'Andriamanitra

ho anao. Takiana ny asa fampitoniana entin'ny faharetana" ("Finding Joy in Life," *Ensign*, Mey 1996, 25).

Tsy niteny na inona na inona ny zanako lahy fa noraisiny ilay gazetiboky, dia nandeha izy ary namaky ilay lahateny manontolo. Ny hany nolazainy taty aoriana dia hoe tsy hiroboka amin'izany dia mankany amin'izany nosy izany izy.

Taty aoriana izy dia tafiditra tao amin'ny sekoly fianarana ho mpi-tandro filaminana, lalana iray izay nitondra azy tamin'ny fifankahitana tamin'ilay ho vadiny rahatrizay. Nivady tany amin'ny Tempolin'i Mesa, Arizona izy ireo ary ankehitriny dia mitaiza zanaka telo mahafinaritra. Nahavita licence ny zanako lahy tamin'ny taona 2010 ary tena "mahita fifaliana [marina] eo amin'ny fiainana."

Mety ho traikefa nahafinaritra ilay dia nankany amin'ny toerana tsy mbola fahita naroson'ilay zanako lahy; saingy tetsy ankilany mety ho nampidi-doza ara-panahy ihany koa. Isaky ny mandinika io zavatra niainana io aho dia manohina ny foko ny Fanahy.

Feno fankasitrahana aho noho ny tenin'ireo mpaminany sy noho ny fitaomana ahy hahatsiaro lahateny iray izay nanampy ahy hanolotra fitarihana. Feno fankasitrahana ihany koa aho hoe nihaino ny mpitondra hafatry ny Tompo ny zanako lahy ary namela ny Fanahy hitaona azy. Fantatro fa fitahiana maro sy famindram-po lehibe no azontsika rehefa mihaino sy manaraka ireo fampianaran'ny Mpamonjy sy ireo Mpanompony. ■

Karen Rockwood, Idaho, Etazonia



Raha nilaza tamiko ny zanako lahy fa nandroso hevitra ny iray tamin'ireo namany ny handehanan'izy ireo ho any Bahamas na any Caraïbe mba hiala voly mandritra ny volana vitsivitsy, dia tonga tato an-tsaiko ny hafatry ny Loholona Scott.



# MATY HO AZY ILAY TELEFAONINA

Tamin'ny volana marsa 1997, fony izahay nonina tany amin'ny tanànan'i Rostov-amoron'i-Don, any Rosia, dia natao batisa ho lasa mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany izahay mivady.

Rehefa nandalina ireo fotopampianaran'ny Fiangonana aho dia maro tamin'ireo fanontaniana izay nana-nako no voavaly. Nahaliana ny nianatra mikasika ny drafitry ny famonjena, an'isan'izany ny fanaovana ny batisa ho an'ny maty. Tena nanaitra ahy ny nianarako fa azo atao batisa ho an'ireo razambenay izahay.

Herintaona taorian'ny batisanay dia nasain'ny filohan'ny misiona

izahay hiomana ho any amin'ny tempoly. Tafiditra tao anatin'ny fiomananay ny nanombohanay nanao fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana. Indray andro raha teo am-pieritreretana ny hanatanterahana izany asa izany aho dia naneno ny telefaonina. Ny rafozam-baviko no niantso. Nanontaniako izy raha toa ka afaka mandefa aty amiko ny lisitr'ireo razambe avy amin'ny fianakavian'ny vadiko. Taitra tokoa izy ary nilaza tamiko fa ny batisa ho an'ny maty dia tsy fotopampianaran'i Kristy fa zavatra izay noforonin'ireo Môrmôna. Tsy dia haiko loatra ny fomba hamaliana azy noho izaho mbola tsy zatra loatra an'ireo

andinin-tsoratra masina izay manohana ilay fotopampianarana.

Raha teo am-pieritreretana ny fomba hamaliana izany aho dia maty ho azy ilay telefaonina. Tsy fantatro loatra izay zavatra nitranga nandritra ny fotoana fohy, fa dia napetrako ny telefaonina ary dia nandeha nankany amin'ny efitrano fandriana aho. Noraisiko teny antanako ny Testamenta Vaovao, ary nandohalika aho hivavaka, ary nantony ny Ray any An-danitra mba hampiseho ahy hoe aiza no ahafahako mahita ilay valiny.

Rehefa tapitra ny vavaka nataoko dia nosokafako ny Baiboly. Tsapako toy ny hoe nisy olona niteny tamiko mba hamaky ny andinin'ny faha 29 amin'io pejy izay nosokafako io. Tao amin'ny toko faha 15 ao amin'ny 1 Korintiana no nisy ahy, izay mire-saka momba ny fotopampianaran'ny batisa ho an'ny maty.

Tena tohina ny foko ary taitra aho hoe novalian'ny Ray any An-danitra ny vavaka nataoko tamin'io fotoana io mihitsy. Fahatsapana tena nahafnairitra izany.

Teo am-pandinihana lalina izany zavatra niainako izany aho raha naneno nampoka indray ny telefaonina. Ny rafozam-baviko no niantso, ary nantony hoe fa nahoana no tapaka ilay antso teo. Nolazaiko izy hoe tsy fantatro, fa avy eo dia nasaiko nanokatra ny Baiboliny izy ary hamaky ny 1 Korintiana 15:29.

Andro vitsivitsy taorian'izany dia tonga teo ambonny latabatro ny lisitra iray nahitana ireo fianakavianay izay efa nodimandry. Namaky ilay andinin-tsoratra masina ny rafozambaviko ary nino amin'izay fa nampianatra ny fotopampianaran'ny batisa ho an'ny maty ny Mpamonjy, tamin'ny alalan'i Paoly.

Nampanantena fitahiana lehibe ho an'ireo izay manao ity asa fanavotana ity Andriamanitra. Fantatro fa marina izany. ■  
Seda Meliksetyan, Arménie



Nilaza tamiko ny rafozam-baviko fa ny batisa ho an'ny maty dia tsy fotopampianaran'i Kristy fa zavatra noforonin'ireo Môrmôna.

# AIZA NO AHAFAHAKO MAHAZO GAZETIBOKY MITOVY AMIN'ITY?

Raha sendra nanao dia niaraka tamin'ny fianakaviako aho niainga avy any Nevada, Etazonia, ho any Alaska, Etazonia, dia nanomboka niresaka tamin'ny ramatoa iray izay lava sy nanintona ary sariaka izay nifanila tamiko teo ampitan'ny lalantsara tao anaty fiaramanidina.

Nanontaniny aho hoe handeha ho aiza, ary dia nolazaiko taminy fa ho any Juneau, Alaska izahay, hamangy ny zanakay lahy sy ny fianakaviany. Nolazainy tamiko fa avy any Las Vegas izy. Avy teo dia lasa feno ny fony ary nilaza izy fa ho any Juneau izy hamangy ireo fianakaviam-badiny ary hamonjy fanompoam-pivavahana hahatsiarovana ny vadiny, izay vadiny nandritra ny 20 taona. Vao haingana izy no nodimandry noho ny aretina homamiadana.

Nijery tetsy ankilan'ny lalantsara aho ary nieritreritra anakam-po hoe tena sambatra aho fa mahafantatra ny drafitry ny famonjena ary mpiasa ao amin'ny Tempolin'i Las Vegas, Nevada. Nanontany tena aho hoe inona no azoko atao ho an'ity vehivavy ity mba hankaherezana azy ara-panahy.

Tsaroako tampoka teo, ary nazava tsara mihitsy, ny teny iray nataon'i Joseph Smith Mpaminany izay nampiasaiko tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Tamin'izy nanorina ny Fikambanana Ifanampiana dia nanamarika izy fa ireo rahavavy dia "Handeha faingana mba hitondra fanamaivanana ho an'ireo mpivahiny; handrotsaka menaka sy divay izy ireo eo amin'ny fo maratran'ireo ory; hamafa ny ranomason'ny kamboty izy ireo ary hampifaly ny fon'ny mananotena" (*Enseignements des Pr sident de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 452).



Nanontany tena aho hoe, inona no zavatra azoko atao mba hampaherezana ny fanahin'ity ramatoa ity, izay vao nodimandry vao tsy ela ny vadiny.

Nijery tetsy ampitan'ny lalantsara indray mandeha indray aho. Mpivahiny ao anaty fahoriana no tazako, mananotena izay maratra ny fony. Tsaroako fa namaky ny *Ensign* volana Jolay 2011 aho ny maraina tamin'izay andro izay. Nisy lahatsoratra mankahery tao izay heveriko fa afaka manome fankaherezana sy fiadanana ho azy.

Nangoniko ny herim-poko ka nosokafako ho ao amin'ny lahatsoratra iray ilay gazetiboky, ary nasaiko novakiany izany. Nodinihako akaiky tsara izy ary nanaitra ahy fa novakiany tsara—tamin-kitsim-po ny andalana tsirairay. Rehefa nahavita izany izy dia namaky lahatsoratra iray hafa.

Nazava be fa nisy zavatra voavakiny izay nanohina ny fony. Nofihiny

mafy teo an-tratran'ny ilay gazetiboky ary avy teo izy dia namafa ranomaso nirotsaka avy tamin'ny masony.

"Aiza no ahafahako mahazo gazetiboly mitovy amin'ity?" hoy izy nanontany ahy. Nolazaiko azy hoe azony tazomina iny. Ary dia namaky bebe kokoa izy avy teo.

Nony tonga tany Juneau izahay dia nofihiny ny tanako, ary nibanjina ny masoko izy ka niteny hoe: "Misaotra."

Lesona lehibe no nianarako avy tamin'izany zavatra niainako izany. Voahodidiny mpivahiny manana fo maratra isika, mpivahiny izay mila teny mamy mankahery ary mila mahafantatra izay zavatra fantatsika amin'ny maha Olomasin'ny Andro Farany antsika. ■ Sharon Rather, Nevada, Etazonia



*Indraindray ianao dia voatery  
mamoy zavatra tsara iray hahazoana zavatra iray tsara kokoa.*

# MISAFIDY ILAY AMPAHANY **Tsara Kokoa**

**Nosoratan'i Matthew D. Flitton**

Gazetibokin' ny Fiangonana

Indray andro dia nanaitra ny mpanazatra azy tamin'ny taranja kayak i Zoltán Szücs avy any Szeged, Hongrie, raha nilaza taminy fa tsy ho any Alemàna hanao fifaninanana iray.

“Nifanitsaka tamin'ny andro hanaovana batisa ahy ilay izy, koa dia nolaviko,” hoy i Zoltán.

Fito ambin'ny folo taona i Zoltán dia efa nahazo fandresena tamin'ny fifaninanana maro tamin'ny taranja kayak. Fanatanjahantena tena malaza izany any Hongrie, ary dia namiratra tamin'izany i Zoltán—namiratra mihi-tsy ka tena mety azo ho heverina ny hahatongavany ho matihanina. Ankoatra ny fanapahan-kevitra ny tsy hanao fifaninanana anankiray monja, dia atsy ho atsy dia hafoin'i Zoltán tanteraka ny fanaovana kayak. Nanana zavatra hafa tsaratsara kokoa hatao izy.

Nitondra soa an'i Zoltán ny fanaovana kayak. Nandritra ireo taona niarahana niasa tamin'ny mpanazatra azy dia nianatra fifehezan-tena sy fankatoavana ary asa mafy izy. Nianaran'i Zoltán ihany koa ny fisorohana ny fampiasana zavatra sy fahazaran-dratsy izay mety hisy voka-dratsy eo amin'ny hatsaran'ny zava-bitany. Tsy fiainana mora izany; mampanirery izany ary raha lasa matihanina dia vao mainka handany fotoana misimisy kokoa. Manao fanazarana adiny 12 isan'andro ireo matihanina ary voatery manao fifaninanana amin'ny andro Alahady.

“Nandany ny ankamaroan'ny fotoanako ny fanaovana kayak,” hoy i Zoltán. “Tena tia be loatra izany mihitsy

aho. Noho izy io dia zavatra maro no tsy nataoko teo amin'ny fiainako.”

Izany no antony nahatonga an'i Zoltán nanapa-kevitra fa tsy afaka ny sady hanokana ny tenany amin'ny filazantsara no hanokana ny tenany amin'ny fanaovana kayak izy. Tamin'ny taona 2004 dia nolazainy ny mpanazatra azy fa tsy hanao kayak intsony izy.

Tany am-piandohan'izany taona izany dia nanomboka nampianatra ny renin'i Zoltán ireo misiõnera. Tsy nandray anjara tamin'ireo lesona izy. Tamim-pimonomononana no nankeny ny fanasan-dreniny hanatrika ny batisany. Saingy nanohina ny fony ny zavatra tsapany raha vao niditra ny trano fiangonana izy. Nanaiky ny hihaona tamin'ireo misiõnera i Zoltán. Anisan'ny anton'izany ny fahitany hoe nitovitovy taminy izy ireo.

“Nahaliana ahy ireo misiõnera satria olona tsotra toy ny olon-drehetra izy ireo saingy nanaraka fitsipi-piainana avo kokoa,” hoy izy.

Noho ireo fenitra avo kokoa izay efa iainan'i Zoltán tamin'ny maha mpanao kayak azy, dia mora taminy ny nanaiky fa manan-danja ireo fampianaran'ny filazantsara. Natao batisa izy roa volana taty aoriana.

Tamin'ny voalohany dia nieritritra izy hoe afaka manohy manao kayak ihany fa tsy manao fifaninanana amin'ny andro Alahady. Saingy noho izy karazan'olona izay raha vao nanolotena amin'ny zavatra atao na fianarana iray dia te-hanao izany araka izay tsara indrindra vitany, dia

nisafidy izy ny hamoy tanteraka ny fanaovana kayak.

Nanandrana izy indray mandeha hanao kayak ho toy ny fialamboly taorian'ny batisany. Rehefa nanao izany izy dia nangatahan'ny mpanazatra azy hanampy eo amin'ny fampianarana ireo hafa sy handrindra ireo dia atao noho izy tsy mandray anjara amin'ny fifaninanana. Saingy tsy te-hanao fanoloran-tena hanao kayak izy—na zavatra hafa—izay mety hanelingelina ny maha mpanara-dia azy.

Koa dia nampirimin'i Zoltán ny fivohiny ary nanokan-tena izy ho amin'ny asa fanompoana ato ampianonana tao anatin'ny fanapahan-kevitra iray izay mitovitovy tamin'ilay noraisin'ny Filoha Howard W. Hunter (1907–95) tamin'izy nanambady. Ny Filoha Hunter dia mpiangaly mozika nikohizana izay nahay nitendry zava-maneno am-polony. Ny hariva izy dia nilalao tao anatin'ny ôrkesitra iray, saingy nifanipaka tamin'ny fenitry ny filazantsara ny fomba fiainan'ireo izay niaraka taminy. Koa dia nampirimin'ny Filoha Hunter ireo zava-manenony ary tsy namoaka izany izy raha tsy indraindray ihany rehefa manao fiaraha-mientan'ny mpianakavy izay iarahan'izy ireo mihira.<sup>1</sup>

Manimanina ny fanaovana kayak i Zoltán, saingy takany fa mahery loatra ny fitiavany manao kayak ka afaka hifaninana amin'ny fitiavany ny Tompo, ary mety handresy, raha toa izy ka mijanona ho akaikin'io taranjampatanjahantena io.



*Zoltán Szücs, avy ao Szeged, Hongrie, dia namoy ny fanaovana kayak mba hananana fotoana bebe kokoa ho an'ny filazantsara.*



Azo ampiharina amin'ny zavatra atao rehetra izay mampanalavitra antsika amin'izay tian'Andriamanitra hahatongavantsika io fitsipika io. Ho antsika tsirairay dia mety ho tsara kokoa ny mandia ny fiainana tsy miaraka amin'ny zavatra sasantsasany—na dia zavatra tsara aza izy ireny—toy izay hampidi-doza ny fiainantsika mandrakizay noho ny fananana azy ireny.

“Lasa fiainako ny Fiangonana,” hoy i Zoltán. “Noho ny fahafantarako fa tsy azoko atao fivelomana ny fanaovana kayak raha te ho mazoto ato mpiangonana, ary ho fialamboly fotsiny ihany izany, dia lasa mora foana ny namoy izany. Ho solon'izany dia tiako ho ny Ray any An-danitra no nifantohako.”

Nanomboka nandalina ny filazantsara tamin'ny fahazotoana izay fanehony rehefa misy tanjona iray tiany ho tratarina i Zoltán. Nametraka tanjona izy hanao asa fitoriana. Nanampianiriana izy hijanona ao amin'ny fireneny ary hampianatra ny hafa.

Nanombo tany Hongrie izy ary ankehitriny dia mpampianatra teny Anglisy any amin'ny sekoly ambaratonga famaranana. Mbola manohy mametraka ny laharam-pahamehany amin'ny filazantsara hatrany izy. “Misy zavatra izay ilaintsika hafoy satria manelingelina ny fanarahana an'Andriamanitra,” hoy izy. “Mora ny mamoy ny ratsy raha vao fantatsika hoe tokony hamoy izany isika. Matetika dia tsy tsapantsika hoe tonga ny fotoana tokony hanajanonana zavatra tsara iray hahazoana zavatra iray tsaratsara kokoa. Mihevitra isika fa hoe satria tsy ratsy ilay izy, dia afaka mifikitra amin'izany isika sady manaraka ihany ny drafitr'Andriamanitra.” Saingy mahafantatra i Zoltán fa tsy maintsy mamoy ny tsara isika raha toa ka manakana antsika amin'ny fanarahana ny drafitr'Andriamanitra ho antsika izany. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Eleanor Knowles, *Howard W. Hunter* (1994), 81.



# “Ahoana no ahafahako manazava amin’ ny namako fa zavatra ratsy ny fandikana ny lalàn’ ny fahadiovam-pitondrantena?”

**T**ian’ny Ray any An-danitra ho sambatra sy ho mendrika ny Fanahiny isika, ka nomeny didy hanampiana antsika hitandrina ny eritreritsika sy ny tenintsika ary ny fihetsika asehontsika ho ao anatin’ny faritra iray mazava tsara. Ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena dia manampy amin’ny famehezana ny fahefan’ny fananahana ho ao anatin’ny fifamatoran’ny fanambadiana. Ny antony iray handidiany ny tsy hanehoana ny fahefan’ny fananahana raha tsy eo amin’ny mpivady ihany dia satria “natao ho teraka ao anatin’ny fanambadiana ny ankizy.”<sup>1</sup>

Azonao hizarana *Jeunes*, *soyez forts* ny namanao. Manome antony maro mahatsara ny fitandremana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena izany: “Rehefa madio fitondrantena ianao dia miomana hanao fanekempihavanana masina any amin’ny tempoly sy hitandrina izany. Miomana hanorina fanambadiana matanjaka ianao sy hitondra zanaka ho eto amin’izao tontolo izao ho isan’ny fianakaviana iray mandrakizay sy feno fitiavana. Miaro ny tenanao tsy ho azon’ny fahasimbana ara-panahy sy ara-pihetseham-po izay ateraky ny fanovanana firaisana ara-nofo ivelan’ny fanambadiana ianao. Miaro ny tenanao tsy ho azon’ny aretina manimba ihany koa ianao. Ny fijanonana ho madio ara-pitondrantena dia manampy anao hahatoky tena sy ho sambatra marina ary hampitombo ny fahaizanao mandray fanapahan-kevitra tsara amin’izao fotoana izao sy amin’ny ho avy.”<sup>2</sup>

## Fanontaniana Manan-danja

Valio amin’ny alalan’ny fametrhana fanontaniana sasantsasany ireo fanontanian’ny namanao: “Manao ahaona re raha mijery anao izao ilay ho vadinao rahatrizay?” Ny olona rehetra izay fantatro fa nandika ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena dia nanenina tamin’izany. “Manao ahoana re raha manontany anao ireo ho zanakao rahatrizay hoe nandika ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena ve ianao?” Mila mahafantatra ny maha zava-dehibe ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena dieny izao ilay namanao, alohan’ny hametrahany zanany io fanontaniana io. Mila mitandrina ny tenanao ho madio ianao mba

hahafahana manana fiainana sambatra sy salama, tsy misy ilay fahatsapana ho meloka ateraky ny fandikana an’ily lalàna masina.

*Robyn K., 13 taona, Utah, Etazonia*

## Ny Tempoly



Manana tanjona masina ho antsika rehetra ny Raintsika any An-danitra, ary ao amin’ny tempoly no ahazoana manatantetraka izany tanjona izany.

Tokony ho mendrika ny hiditra ny tempoly isika mba hahafahan’ny fianakaviansika ho fehezina mandrakizay. Hiverina hiara-hiaina amin’ny Raintsika any An-danitra isika, ary ny zava-dehibe indrindra dia hanana fahasambarana tsy misy fiafarana isika, izay tsy ho azon’ireo izay tsy mendrika.

*Alofa M., 18 taona, Samoa*

## Fanambadiana sy Fianakaviana



Amporisihana isika ho madio ara-pitondrantena mba hahafahantsika ho mendrika ny hiditra ny tempoly sy hitandrina ireo fanekempihavanana masina. Raha manaraka ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena isika dia afaka manorina fanambadiana sy fianakaviana mafy orina any amin’ny ho avy. Eo foana i Satana haka fanahy antsika, saingy afaka mandresy izany isika amin’ny alalan’ny vavaka sy ny soratra masina ary ireo namana tsara.

*Resty M., 16 taona, Philippines*

## Vokatra Ratsy

Misy voka-dratsy maro ny fandikana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena, saingy tsy any amin’ny fianarana mikasika ny fahasalamana any an-tsekoly akory no hianaranao azy rehetra. Ny fandikana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena dia afaka manery ny Fanahy hiala tsy ho eo amin’ny fiainanao sy mandratra ireo izay akaiky anao ary mahatonga anao hahatsiaro ho meloka. Manoro hevitra aho ny hijerena

*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran’ ny Fiangonana.*

horonan-tsary iray mifono Hafatra Môrmôna antsoina hoe: “Fahadiovam-pitondrantena: hatraiza no fetra?” [ao amin’ny youth.lds.org amin’ny teny Anglisy sy Pôrtogey ary Espaniôla].  
*Matthew T., 17 taona, Utah, Etazonia*

**Fahadiovana sy Fanajana**

Rehefa manaraka ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena isika dia mitoeetra ho madio eo imason’Andriamanitra, sy manome haja ny tenantsika ary manampy ny hafa hanaja ny tenantsika ihany koa. Raha mankatò ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena isika dia mampiseho fa zanak’Andriamanitra ary manohana fenitra avo dia avo. Hisoroka ny mety ho nenina isika. Rehefa mankatò ny Raintsika any An-danitra isika, indrindra fa mikasika io lalàna io, dia ho sambatra kokoa ny fiainantsika eto an-tany sy any amin’ny tontolo ho avy.

*Alyana G., 19 taona, Philippines*

**Fanomezam-pahasoavana Masina**

Raha tsinontsinoavina ny fanomezam-pahasoavan’ny fananahana dia ho lasa raisina toy ny zavatra tsotsotra mahazatra io fanomezana sarobidy avy amin’Andriamanitra io. Tsy ho tsapa ho mahasoana ny fanolorana fanomezana iray raha toa ka tsy mandray izany ho zava-dehibe ilay olona izay nanomezanao azy. Tsy maintsy mandray ny fananahana ho masina hatrany isika; satria tempolin’Andriamanitra avokoa isika rehetra ary tokony hijanona ho madio toy ny tempoly.

*Jaron Z., 15 taona, Idaho, Etazonia*

**Hiaraka amintsika ny Fanahy**



Rehefa mijanona ho madio tsy azon’ny fahotana ianao dia ho sambatra lavitra kokoa ary ho voatahy. Toy ny tempoly ny vatantsika, ary ny Ray any An-danitra “tsy mitoeetra ao amin’ny tempoly izay tsy masina” (Almà 7:21). Ka rehefa mijanona

ho madio tsy azon’ny fahotana isika dia afaka mitoeetra miaraka amintsika ny Fanahy.

*Maryann P., 14 taona, Arkansas, Etazonia*

**Hatsaran-toetra sy Fahadiovana**



Mahafaly ny Tompo ny hatsaran-toetra sy ny fahadiovana, ary ny zava-drehetra dia tokony hitranga amin’ny fotoany avy. Didy avy amin’Andriamanitra ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena. Ny vavaka sy ny fiarahan’ny Fanahy no fiombonana tonga lafatra hahafantarana fa fitahiana izany hoe madio fitondrantena izany.

*Selene R., 18 taona, Nicaragua*

**Ao anatin’ny Fanambadiana**

Hazavaiko amin’ilay namako hoe hevitra ratsy ny fandikana ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena satria ny fahefan’ny fananahana dia tsy natao afa-tsy ho an’ireo mpivady ara-dalàna ihany. Rehefa mandika ny lalàn’ny fahadiovam-pitondrantena isika dia very ilay Fanahy Masina eo amin’ny fiainantsika.

*Augustina A., 15 taona, Ghana*

**FANAMARIHANA**

1. “Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an’ Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Nôv. 2010, 129.
2. *Jeunes, Soyez Forts* (bokikely, 2011), 35.



**MITERAKA FANIMBANA LEHIBE NY FANDIKANA NY LALÀN’NY FAHADIOVAM-PITONDRANTENA**

“Ao anatin’ny fanekempihavanana maharitra ny fanambadiana no hanomezan’Andriamanitra alalana ny mpivady hampiasa ny fahefana masin’ny fananahana amin’ny toetoeatry mahatehotia sy kanto tanteraka, ao anatin’ny fetra izay napetrany. . . .

“Saingy raràn’ny Tompo ireo fihetsika ireo raha any ivelan’ny fifanoloran-tena maharitra ny fanambadiana satria mandrava ireo Tanjony. Raha ao anatin’ny fanekempihavanana masin’ny fanambadiana ireo fifandraisana ireo dia mifanaraka tsara amin’ny Drafiny. Raha atao amin’ny fomba hafa na manao ahoana na manao ahoana izany dia mifanohitra amin’ny Sitrapony. Miteraka ratra lalina ara-pihetseham-po sy ara-panahy izany. Na dia tsy mahatsapa izany aza ireo izay mandray anjara amin’izany ankehitriny, dia hahatsapa izany izy ireo any aoriana any. Ny fahalotoana ara-pitondrantena dia miteraka sakana ho an’ny fitaoman’ny Fanahy Masina.”

**Loholona Richard G. Scott ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo, “Making the Right Choices,” *Ensign*, Nôv. 1994, 38.**

**FANONTANIANA HO AVY**

“Inona no tokony ha-taoko rehefa resahana any an-tsekoly ny lohahevitra iray izay mifanipaka amin’ny fampianaran’ny filazantsara, toy ny fanalan-jaza?”

Alefaso alohan’ny 15 mey ny valinteninao, any amin’ny [liahona@ldschurch.org](mailto:liahona@ldschurch.org) na amin’ny alalan’ny paositra amin’ny adiresy hoe:

*Liahona*, Questions & Answers 5/13  
50 E. North Temple St., Rm. 2420  
Salt Lake City, UT 84150-0024, USA

Mety ho asam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

Tsy maintsy hita ao amin’ny e-mail na taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezanao lalana natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan’ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin’ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao amin’ny kalitao tsara.





Nataon'ny Filoha  
Thomas S. Monson

# AHOANA NO FOMBA HANOMPOANA AO AMIN'IREO ANTSO AO AMIN'NY FISORONANA

Moa ve ianao efa mba nihevitra ny hasarobidin'ny fanahin'olombelona iray? Moa ve ianao efa nantony tena mikasika ny **hery anaty** izay mitoetra ao anatintsika tsirairay?

Indray mandeha izay aho nanatrika fihonamben'ny tsatoka iray ka tamin'izay dia nanokatra ny tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18 ny filohan'ny tsatokako teo aloha Paul C. Child ary nanomboka namaky hoe: “Tadidio fa lehibe **ny hasarobidin'ny olona** eo imason'Andriamanitra” (andiniy faha 10).

Avy teo ny Filoha Child dia nantony hoe: “Manao ahoana ny hasarobidin'ny fanahin'olombelona?” Nataony izay tsy hangatahana valiny avy amin'ny eveka iray, na ny filohan'ny tsatoka iray na ny mpi-kambana iray ao amin'ny filankevitra avo. Fa nisafidy filohan'ny kôlejin'ny loholona iray kosa izy.

Nitoetra nangina teo nandritra ny fotoana toa naharitra mandrakizay ilay olona voatendry tampoka, ary avy teo dia nanambara hoe: “Ny maha sarobidy ny fanahin'olona iray dia ny **fahafahany ho tonga tahaka an'Andriamanitra.**”

Samy nandinika io valinteny io avokoa ireo rehetra izay nanatrika teo. Nanohy ny hafatra tiany nampitaina ny Filoha Child, saingy nanohy nandinika io valinteny nentanim-panahy io aho.

Asa goavana izany hoe **manolo-tanana, sy mpianatra, ary mikasika** ireo fanahy sarobidy izay

nomanin'ny Raintsika handray ny hafany. Mahalana ny hoe tsotra ny fahitana fahombiazana. Matetika izany dia ialohavan'ny **ranomaso, fitsapana, fitokisana ary fijoroana ho vavolombelona.**

Mahazo fampaherezana ireo Mpampon'Andriamanitra ao amin'ilay fanomezan-toky avy any amin'ilay Mpampianatra manao hoe: “Izaho momba anareo mandrakariva” (Matio 28:20). Manohana anareo rahalahy ao amin'ny Fisoronana Aharôna io fampanantenana lehibe io, ianareo izay voantso amin'ny toeran'ny mpitarika ao amin'ireo kôlejin'ny dia-kona sy mpampianatra ary mpisorona. Mankahery anareo izany eo amin'ny fiomananareo hanompo ao amin'ny sahan'ny misiona. Mankahery anareo izany mandritra ireo fotoana mahakivvy, izay tonga amin'ny rehetra.

“Koa, **aza ketraha amin'ny fanaovan-tsoa,**” hoy ny Tompo, “fa mandatsaka ny fanorenan'ny asa lehibe ianareo. Ary avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe.

Indro, mitaky ny fo sy ny saina marisika ny Tompo” (F&F 64:33–34).

**Finoana maharitra, sy fahatokiana tsy miovaova, ary faniriana mivavay** no mampiavaka hatrany ireo izay manompo ny Tompo amin'ny fony manontolo.


Raha misy rahalahy maheno ny feoko ka mahatsiaro tena ho tsy vonona, na koa aza tsy mahavita mihitsy, hamaly ny antso mba hanompo sy hahafoy tena ary hitahy ny fiainan'ny hafa, dia tsarovy ilay fahamarinana hoe: “**Izay antsoin'Andriamanitra, dia Andriamanitra no mahatonga azy ho mendrika.**” ■

*Avy amin'ny lahateny iray tamin'ny fihonamben'ny Fiangonana Aprily 1987.*

## AHOANA NO FOMBA NAMPIHARANA AN'IZANY?

“Ny fahafantarako hoe momba ahy ny Tompo dia manampy ahy hahatsiaro ny antony handehanako hanao asa fitoriana: ny hanompo ny Tompo sy ny hitondra ny hafa ho any amin'i Jesoa Kristy Tompontsika. Fantatro fa tsy hametraka ahy ao amin'ny toe-javatra izay tsy ho azoko taterahina Izy mandritra ny asa fitoriana ataoko.”

**Dilan M., Utah, Etazonia**



SARY NENTINA HANAINGOANA, NALAINI CODY BELL © IRI

## MILÀ HEVITRA AMIN'NY TOMPO

**F**ony aho 15 taona dia nisy ankizy vavy iray nahafinaritra ahy izay niray kilasy tamiko tany an-tsekoly ary naniry hampiaraka taminy aho. Nanintona be izy saingy nanontany tena aho raha toa ka tokony hangataka azy hiaraka amiko alohan'ny hafafeno 16 taona ahy. Tsaroako ny Almà 37:37, izay milaza hoe: "Milà hevitra amin'ny Tompo amin'ny ataonao rehetra dia hotarihiny ho amin'ny tsara ianao." Ka dia izay no nataoko. Nivavaka aho ary niandry ny valintenin'ny Tompo tao anatin'ny andro maromaro alohan'ny handraisana fanapaha-kevitra.

Indray andro tany ampiangonana dia nampandroso ahy ho ao amin'ny efitra iray ny evekako ary nanasa ahy hitondra lahateny ny Alahady taorian'io. Inona ary no lohahevitra? Aza mampiaraka raha tsy efa feno 16 taona ianao farafahakeliny. Nahatsapa aho fa izany no valintenin'ny Tompo ho ahy, ary tsia no valiny. Ahoana no ahafahako mampianatra zavatra iray tsy nampihariko?

Satria aho nila hevitra tamin'ny Tompo, dia nahavita nianatra ny sitrapon'ny Tompo mikasika ny fiainako ary nahavita ihany koa nandositra ny fakam-panahy. Fantatro fa raha mila hevitra amin'ny Tompo isika dia hampahafantatra amintsika ny sitrapony

Izy, ary dia ho voatahy tokoa isika.

Eduardo Oliveira,  
Ceará, Brésil

## NY SORATRA MASINA TIAKO INDRINDRA FOTOPAMPIANARANA SY FANEKEMPIHAVANANA 24:8

Mahatonga ahy hahazo aina io soratra masina io rehefa mandalo fitsapana aho satria voalaza ao hoe: "Izaho momba anao hatrany amin'ny faran'ny andronao." Amiko izany dia midika fa raha mikatsaka ny Ray any An-danitra aho, dia hiaraka amiko eo foana lzy mandra-pahafatiko.

Alex Ortiz, Nuevo Casas Grandes, Mexique



## NY HERIN'NY SOROMPANAVOTANA

**T**amin'izaho nampianarin'ireo misiônera dia i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany hatrany no hevi-dehiben'ny leson'izy ireo. Nazavain'izy ireo fa ny Sorompanavotana dia fanomezana avy any amin'i Jesoa Kristy ho antsika tsirairay. Fanomezana izany azontsika ampiasaina izany eo amin'ny fiainantsika andavanandro rehefa misedra fitsapana isika na rehefa manota. Ny herin'ny Sorompanavotana dia mampiorina sy manasitrana ary manampy antsika hiverina amin'ilay lalana ety sy tery izay mitondra any



amin'ny fiainana mandrakizay.

Rehefa nizara izany ireo misiônera dia nahazo fahatsapana mahery vaika aho izay nijoro ho vavolombelona tamiko fa marina izany, ary dia nanapa-kevitra aho ny hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana.

Taty aoriana dia nanapakevitra aho hanao asa fitoriana satria nanam-paniriana hanampy ny hafa hahafantatra mikasika io fanomezana mahatalanjona io. Nahita ny hafa niova nanana fiainana vaovao aho tamin'ny alalan'ny fampianarana sy ny firesahana momba ny Sorompanavotana. Nisy fiovana tanteraka nitranga, tsy tamin'ny alalan'ny fahe-noana mikasika ny Sorompanavotana fotsiny fa tamin'ny alalan'ny fampiharana izany teo amin'ny fiainako ihany koa.

Fantatro fa tena misy marina ny Sorompanavotana. Rehefa manasa ny fitaomany isika hiditra eo amin'ny fiainantsika, na inona na inona toe-javatra iainantsika, dia ho azo hatsaraina ny zava-dehetra, ary dia hahatsapa fifaliana isika.

loriti Taburuea, Kiribati


SARY NAHAZOANA LALANA AVY AMIN'I ALEX ORTIZ, SOMBINY AVY AMIN'ILAY HOSODOKO KRISTY SY ILAY IJELIAHY MPANANKARENA, NATAON'I HENRICH HOFMANN, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'I C. HARRISON CONROY CO., SARY NATAON'I SCOTT GREER







Ny Baiboly Masina



Ny Bokin'i Môrmôna

INONA NO ANTONY ILANTSIKA NY

# BOKIN'I MÔRMÔNA

**M**ety hanontany anao ny olona sasantsasany hoe inona no antony ilantsika ny Bokin'i Môrmôna nefa efa ananantsika ny Baiboly. Raha ny marina dia nijoro ho vavolombelona i Jesoa Kristy fa hitranga izany (jereo ny 2 Nefia 29:3). Misy antony maro mahatonga ny Bokin'i Môrmôna ho manan-danja amin'izao androntsika izao (jereo ohatra ny 2 Nefia 29:7–11). Ireto misy antony vitsivitsy fotsiny mahatonga azy io ho zava-dehibe.

## Testamenta Iray Hafa momba an'i Jesoa Kristy

Asehony ny soratra masina amintsika ny fomba iray fampiasana vavolombelona maro hanorenana fahamarinana ato amin'ny Fiangonanan'i Kristy. Ny Bokin'i Môrmôna dia manampy vavolombelona iray hafa ankoatra ny Baiboly amin'ny maha vavolombelona'i Kristy azy. Ny Loholona Mark E.



### VAVOLOMBELONA ROA

"Ny Baiboly dia vavolombelona iray momba an' i Jesoa Kristy ary ny Bokin' i Môrmôna dia anankiray hafa koa. Nahoana no tena ilaina toy izany ilay vavolombelona faharoa? Mety hanampy ity ohatra manaraka ity: Firy ny isan' ny tsipika mahitsy azonao atao miala avy amin' ny teboka iray eo amin' ny taratasy iray? Ny valiny dia isa tsy manam-petra. Eritrereto mandritra ny fotoana fohy hoe izany teboka iray monja izany dia maneho ny Baiboly ary ireo tsipika mahitsy an-jatony maro avy eo amin' ilay teboka dia maneho ny fandikana samihafa ny Baiboly ary ireo dikanteny samihafa ireo dia samy maneho fiangonana iray hafa.

"Inona no mitranga anefa raha toa ka misy teboka faharoa eo amin' izany taratasy izany izay maneho ny Bokin' i Môrmôna? Firy ny isan' ny tsipika mahitsy azonao farihana eo anelanelan' ireo teboka ifantohana ireo: ny Baiboly sy ny Bokin' i Môrmôna? Iray ihany. Dikanteny iray ihany momba ireo fotopampianaran' i Kristy no afaka hisy noho ny fijoroana ho vavolombelon' ireo vavolombelona roa ireo.


"Mbola mitana ny toerany hatrany hatrany ihany ny Bokin'i Môrmôna amin'ny maha vavolombelona mpanamarina sy mpanazava ary mpampiray azy mikasika ireo fotopampianarana ampianarina ao amin'ny Baiboly."

Loholona Tad R. Callister ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, "Ny Bokin'i Môrmôna—Boky iray avy amin'Andriamanitra" *Liahona*, Nôv. 2011, 75.





## MANDRAISA ANJARA AMIN'NY FIFANAKALAZAN-KEVITRA



Mandritra ny volana Aprily dia hianatra mikasika ny Apôstazia sy ny Famerenana amin'ny laoniny ianareo ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana misy anao sy ao amin'ireo kilasin'ny Zatovovavy sy ny Sekoly Alahady (raha manana ireo lesona vaovao ny paroasy na sampana misy anao). Ny fahatongavan'ny Bokin'i Môrmôna dia ampahany manan-danja tamin'ny Famerenana tamin'ny laoniny. Rehefa avy mamaky ity lahatsoratra ity ianao dia diniho izay niova teo amin'ny fiainanao noho ny fanananao ny Bokin'i Môrmôna. Azonao raketina an-tsoratra ao amin'ny diarinao ny zavatra tsapanao ary diniho ny hizarana izany amin'ny hafa amin'ny alalan'ny fijoroana ho vavolombelona ao an-trano sy any am-piangonana na amin'ireny tambajotra fifaneraserana amin'ny Internet ireny.

Petersen (1900–84) avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia niteny indray mandeha hoe: “Ny antony voalohany ananantsika ny Bokin'i Môrmôna dia ny hoe amin'ny tenin'ny vavolombelona roa na telo no hanorenana mafy ny teny rehetra. (Jereo ny 2 Kor. 13:1.) Ananantsika ny Baiboly; ananantsika ihany koa ny Bokin'i Môrmôna. Mandrafitra raki-tsoratra roa izy ireo—boky soratra masina roa—avy amin'ny vahoaka roa fahiny izay nifanalavitra be, izay samy mijoro ho vavolombelona ny amin'ny maha Andriamanitra an'i Jesoa Kristy Tompo.”<sup>1</sup> Ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) dia nanampy hoe: “Tsy tokony ho adinointsika fa ny Tompo mihitsy no nanolotra ny Bokin'i Môrmôna ho vavolombelona lehibe indrindra momba Azy.”<sup>2</sup>

### Ny Fahafenoan'ny Filazantsara

Fantatsika fa “zavatra tsotra sy sarobidy . . . [no] nesorina tanatin[ny]” Baiboly tao anatin'ny vanim-potoana iray (1 Nefia 13:40). Manazava ny fotopampianaran'i Kristy ny Bokin'i Môrmôna ary mamerina ny fahafenoan'ny filazantsara ho ety ambony tany indray (jereo ny 1 Nefia 13:38–41). Ny Bokin'i Môrmôna ohatra dia manampy antsika hahafantatra fa ny batisa dia tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny fanitrihana (jereo ny 3 Nefia 11:26) ary ny zaza madinika dia tsy ilaina atao batisa (jereo ny Môrônia 8:4–26).

### Ivon'ny Fiangonana naverina tamin'ny Laoniny

Nijoro ho vavolombelona i Joseph Smith fa ny Bokin'i Môrmôna no “vato ifaharan'ny fivavahantsika.”<sup>3</sup> Noho ny fahafantarantsika izany dia toa tsy fifanojoan-javatra raha toa ka tamin'ny 6 Aprily 1830 no nanorenana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, 11 andro monja taorian'ny namoahana ny

Bokin'i Môrmôna ho azon'ny tsirairay ho vidiana, tamin'ny 26 Marsa 1830. Tsy naorina ny Fiangonana raha tsy teo am-pelatanan'ireo mpikambana ho ao aminy ny vato ifaharany.

### Fitahiana eo amin'ny Fiainantsika

Raha ny mikasika ny Bokin'i Môrmôna dia nampianatra i Joseph Smith hoe: “hanatona bebe kokoa an'Andriamanitra ny olona amin'ny fanarahana ny fepetra ao anatin'ny izay ny ao anatin'ny boky hafa.”<sup>4</sup> Manana hery izy io hanova fiainana— an'isan'izany ny anao sy ny an'ireo izay izaranao ny Bokin'i Môrmôna. Nanamarina ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, fa “Tena azo antoka fa misy fiantraikany eo amin'ny toetran'ny sy ny herinao ary ny herim-ponao ho vavolombelona an'Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna. Hankahery sy hitarika ary hanome fahatokiana ho anareo ny fotopampianarana sy ireo ohatra feno herim-po ao amin' io boky io. . . . Ny fandalinana amim-bavaka ny Bokin' i Môrmôna dia hanorina finoana an' Andriamanitra Ray, sy ny Zanaka Malalany ary ny Filazantsarany. Hanorina ny finoanareo an'ireo mpaminanin' Andriamanitra fahiny sy ankehitriny izany. . . . Afaka mampanatona anareo akaikikaiky kokoa an' Andriamanitra izany boky izany mihoatra noho ireo boky hafa. Afaka manova ny fiainana ho amin' ny tsaratsara kokoa izany.”<sup>5</sup> ■

#### FANAMARIHANA

1. Mark E. Petersen, “Evidence of Things Not Seen,” *Ensign*, Mey 1978, 63.
2. (*The Teachings of Ezra Taft Benson*, (1988), 204.
3. Joseph Smith, ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.
4. Joseph Smith, ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna.
5. Henry B. Eyring, “Vavolombelona iray,” *Liahona*, Nôv. 2011, 69–70.






**MANIRY EO  
AMIN'NY TANY  
LONAKA:  
ZATOVO MAHATOKY ANY**

Nataon'i Cindy Smith

# UGANDA





Rehefa manaiky sy miaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo zatovo any Ouganda dia mahita finoana sy fanantenana mitombo manodidina azy ireo.

**E**o afovoan'i Afrika Atsinanana no ahitana ny firenena Ouganda izay nomen'Andriamanitra vohitra midongona izay hanirian'ny fary sy foton'akondro—ary tanora izay vonona handray sy hiaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Naorina tamin'ny taona 2010 ny tsatòka voalohany tany Ouganda. Mitombo haingana ny Fiangonana, ary ahitana zatovolahy sy zatovovavy maro dia maro ao amin'ny paroasy sy sampana tsirairay.

### Manangana Faneva, Maneho Ohatra Fakan-tahaka

Nahazo fitaomam-panahy noho ireo fampianaran-dRahavavy Elaine S.

Dalton, filohan'ny Zatovovavy Maneran-tany mikasika ny fahadiovana ireo zatovovavy tao amin'ny paroasy iray: “Izao no fotoana tokony hijoroantsika sy hanofahofantsika faneva iray ho an'izao tontolo izao, miantso ny olona hiverina ho any amin'ny fahadiovana.”<sup>1</sup> Nihanika tendrombohitra iray ireo zatovovavy, izay ahatazanana ny tanàna, ary nanangana faneva miloko ranombolamena izay maneho ny fampianantenana ataon'izy ireo ny ho ohatra eo amin'ny fahadiovana. Niara-nihira ny “An-tendrombohitra” (*Fihirana sy Hiran'ny Ankizy*, pejy 59) izy ireo.

Nampiakatra ny fenitra narahiny manokana mikasika ny fahamarinantoetra ireto zatovovavy ireto. Nankahery ny fijoroana ho vavolombelona nananan'izy ireo ny fankatoavan'izy ireo ary nisy fiantraikany tamin'ny hafa. Nilaza Rahavavy Dalton hoe: “Aza tsinontsinoavina na oviana na oviana ny herin'ny fitaomana ho amin'ny marina izay anananao.”<sup>2</sup> Ary toy ny faneva dia mihofahofa ho an'izao tontolo izao ny ohatr'ireto zatovovavy ireto.

Toy ny zatovovavy maro any Ouganda, dia mandeha an-tongotra iray kilaometatra sy sasany mahery

hankanesana any am-piangonana i Sandra, manampy hanadio ny trano fiangonana rehefa Zoma, ary manatrika seminera rehefa Sabotsy. Mandritra ny herinandro dia mifoha alohan'ny amin'ny 5 ora maraina izy hamaky ireo boky any am-pianarana ary avy eo dia mandeha an-tongotra mankany am-pianarana ary miverina mody aorian'ny amin'ny 6 ora hariva. Tsy nianatra tany an-tsekoly izy nandritra ny taom-pianarana iray noho ny olana ara-bola saingy manana fijery tsara izy rehefa matrika ireo fanamby atrehany: “Tena nanampy ahy ny filazantsara hijanona maharitra sy mifototra tsara.”

I Sandra no hany mpikamban'ny Fiangonana ao an-tranony, saingy manohana ny fanompoana ataony ao am-piangonana ireo ray aman-dreniny, toy ny fanampiana tamin'ny

Sandra







**Etsy ambony: Miaramanatrika takariva amorom-patana karakarain'ny tsatòka ireo zatovo.**

**Etsy ambony: Nahita fiadanana tao amin'ny filazantsara i Susan (eo afovoany), mpitsoa-ponenana iray any Ouganda ary nitondra ireo zandriny sy ankizy hafa tany am-piangonana.**

**Eo afovoany: Mankafy manao asa ao amin'ny Mon Progrès Personnel ireo zatovovavy ao amin'ity paroasy ity.**

**Etsy ankavanana: Nola-vin'i Dennis ny fahafahany hiditra ho ao amin'ny ekipa matihanina iray mpilalao baolina kitra mba hahafahana mitory filazantsara. Nanao fahafoizana sy nandresy fanamby maro izy sy ireo zatovolaha hafa tao amin'ny kôlejin'ny mpisorona mba hanao asa fitoriana.**

nanadiovan'ny paroasy ny tokotanin'ny akanin-jaza kamboty iray teo an-toerana. Hitan'ny fianakaviana ny fomba nanampian'ny filazantsara azy ho tonga mahery, na dia teo anim-piatrehana olana tsy voavaha aza. Raha nandinika ny loharanon'izany hery izany i Sandra dia nilaza hoe: "Rehefa mandeha any am-piangonana aho dia mahatsiaro ho toy ny mitafy ireo fiadian'Andriamanitra (jereo ny Efesiana 6:11-17).

Tia ny Fiangonana i Susan, izay olona niova fo vao haingana koka. Avy tany Soudan Atsimo ny fianakaviany tany am-piandohana

ka nandositra ireo hasarotana tany ary voatahy izy ireo noho ny fihaoan'izy ireo tamin'ireo misiõnera tany Ouganda. Nahita fiadanana sy fiarovana izy tao amin'ny filazantsara amin'ny maha mpitsoa-ponenana azy. Rehefa Alahady dia entiny mankany am-piangonana ireo zandriny iray tampo aminy, miaraka amin'ny ankizy hafa miisa hatramin'ny folo izay tsy mpikamban'ny Fiangonana. Taorian'ny fahafatesana tsy nampoi-zina izay nahazo ny olona iray tao amin'ny fianakaviana dia niverina tany Soudan Atsimo izy, ary any no hiandrasany ny hiorenan'ny Fiangonana eo amin'ny faritra misy azy. Samy miatrika fanamby na i Susan na i Sandra, saingy miantehitra amin'Andriamanitra izy ireo ary mankafy ny vokatra ny fiainana ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy (jereo ny Almà 32:6-8, 43).

### **Manao Fahafazana mba Hanao Asa Fitoriana**

Mbola zazalahy kely ireo zatovolaha any Ouganda no manomboka milalao baolina kitra, mampiasa sampa-kazo







voafehy mafy tsara atao baolina. Efa hatramin'ny fahakeliny i Dennis no nanan-talenta tamin'io fanatanjahan-tena io, ary nomen'ny sekoly ambaratonga farany vatsim-pianarana izy mba hahafahany hilalao tao amin'ny ekipany. Rehefa nahavita ny kilasy famaranana izy dia misy ekipa matihanina iray nanambitamby azy vola sy trano fonenana. Ho fahatanterahan'ny nofinofy tsara indrindra izany, saingy tsinjon'i Dennis fa tsy maintsy hanembantsembana ny drafiny hoe handeha hanao asa fitoriana izany ao aoriana kely amin'ny taona iny.



Nahery kokoa ny fanirian'i Dennis hanao izay tian'ny Rainy any Andanitra hataony hany ka tsy tiany akory ny ho azon'ny fakam-panahy hijanona ao amin'ilay ekipa rehefa ho tonga ny fotoana izay handehanana hanao asa fitoriana. Maro no nametra-panontaniana mikasika ny safidiny, saingy nahazo antoka i Dennis fa nandray ny fanapahan-kevitra tsara izy—ho an'ny tenany sy ho an'ireo hafa. “Vao avy vita batisa ireo zandriko lahy sy ny zandriko vavy,” hoy izy. Tsy nieritreritra mihitsy aho hoe handray ny filazantsara ny anabaviko. Rehefa mahita an'Andriamanitra manao fahagagana eo amin'ny fianakaviako aho dia mitondra fanantenana mamirapiratra ho ahy mikasika ny hoaviko izany.

Ao amin'ny paroasy misy an'i Dennis dia mandalina ny *Torio ny Filazantsarako* isan-kerinandro ireo zatovolaha. Lasa toy ny ekipa iray izy ireo, miara-miasa akaiky amin'ireo misiõnera amin'ny fotoana feno ary mitondra namana any amin'ireo fivoriana

isan'Alahady sy ireo fiaraha-mientana hafa, anisan'izany ny lalao basikety sy baolina kitra mandritra ny andavanandro. Nanao batisa ireo namana sy ireo olona hafa izay niarahany nampianatra tamin'ireo misiõnera ireo mpisorona. Nandritra ny taona maromaro no nanamafisan'io ekipan-jatovolaha iray io ny paroasy manontolo, ary ny efatra amin'izy ireo, anisan'izany i Dennis, dia nahazo antso hitory any amin'ny Misionan'i Nairobi, Kenya.

Narahin'izy ireo ilay torohevitra ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia ny “ho tonga misiõnera fotoana ela alohan'ny handrotsahana ny antontan-taratasy ho an'ny misiona.”<sup>3</sup> Nanao izany izy ireo tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa tamin'ny naha kôlejy azy, ekipa iray tsara lavitra noho izay ekipa hafa nisy.

Ireo misiõnera efatra ireo dia samy nandresy fanamby maro mba hahafahana manompo. Manazava i Wilberforce hoe “Efa saika very fanantenana aho mikasika ny handehanana hanao asa fitoriana [noho ny halafon'ny sarany], saingy namaky ny tao amin'ny Matio 6:19–20 aho izay manao hoe: ‘Aza mihary harena ho anareo eto antany . . . fa miharia harena ho anareo any an-danitra.’ Ka rehefa nampiasa fahazotoana sy fanoloran-tena aho dia nahavita nahatratra ny tanjoko dia ny hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno. Tiako ny manao asa fitoriana. Tsy misy zavatra tsara kokoa noho ny mikatsaka ny fanjakan'ny lanitra aloha.”

### Fanantenana ho an'ny Hoavy

Manampy amin'ny fananganana ny fanjakan'Andriamanitra eto an-toerana ireo zatovo eto Ouganda, omban'ny fanantenana lehibe mikasika ny hoavy. Na dia tsy misy tempoly aza any Afrika Atsinanana, dia miandrandra ny fotoana izay hanambadian'izy ireo any amin'ny tempoly lavitra iray ireo zatovo. Nisy fiaraha-mientana iray an'ny tsatòka izay nifantoka tamin'ny fiomanana hiditra ny tempoly, ary tany amin'ny famaranana dia nizara ny fijoroany ho vavolombelona ny mpikambana iray tao amin'ny

fiadidian'ny tsatòka hoe: “Tia anareo Andriamanitra. Ianareo no hoavin'ny Fianganana eto Ouganda.” Efa manana fitaomana lehibe sahady ireto zatovo marina ireto.

Mahafoy ireo zavatr'izao tontolo izao ireo zatovo lahy sy vavy ao Ouganda mba hahazoana fitahiana izay haharitra mandrakizay. Efa namafy ny masombolin'ny finoana izy ireo ary mikolokolo izany amim-pitandremana (jereo ny Almà 32:33–37). Toy ny hazo iray feno voa (jereo ny Almà 32:42) ireo zatovo, mizara ny fifalian'ny filazantsara any amin'ity tany lonaka ity. ■


*Nonina tany Ouganda i Cindy Smith nandritra ny fotoana niasan'ny vadiny tany, ary ankehitriny dia monina any Utah, Etazonia izy ireo.*

### FANAMARIHANA

1. Elaine S. Dalton, “Fiverenana ho any amin'ny Fahadiovana,” *Liahona*, Nôv. 2008, 80.
2. Elaine S. Dalton, *Liahona*, Nôv. 2008, 80.
3. David A. Bednar, “Becoming a Missionary,” *Liahona*, Nôv. 2005, 45.







# Inona no atao hoe **TENA NAMANA?**

Nataon' i Elaine S. Dalton

Filohan' ny Zatovovavy Maneran-tany

Niova ny famaritana ny hoe namana eto amin'izao tontolo izao ankehitriny izay mifandray be amin'ny alalan'ny teknôlôjia. Amin'izao fotoana izao dia mety hihevitra isika hoe manana “namana” maro. Marina izany: ankafizintsika ny fahafahana mahazo vaovao sy maharaka tsara izay zava-mitranga eo amin'ny fiainan'ny maro amin'ireo olona mifandray amintsika sy eo ihany koa ireo namana ankehitriny sy taloha sy ireo olona izay tsy mbola nihaona tamintsika akory aza izay antsointsika hoe namana.

Ao anatin'izao tontolon'ny serasera izao dia matetika ny teny hoe “namana” no ampiasaina mba hilazana

olona *afaka mifandray amintsika* fa tsy olona *izay mifandray amintsika*. Afaka mandefa hafatra ho an'ireo “namanao” ianao, saingy izany dia tsy mitovy amin'ny hoe manana fifandraisana mivantana amin'ny olona iray.

Indraindray dia ny *hananana* namana no maha sahiran-tsaina antsika. Angamba isika tokony hifantoka amin'ny *fahatongavana* ho namana.

Misy famaritana maro ny amin'ny dikan'izany hoe lasa namana izany. Tsy ho adinoiko na oviana na oviana ny nahenoako ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izay niresaka mikasika ny dikan'izany hoe ho namana izany

sy ny hery mitaona mahery vaika entin'ireo namana eo amin'ny fiainantsika. Ny famaritana nomeny dia nisy fiantraikany maharitra teo amin'ny fiainako. Hoy izy hoe: “Ny namana dia olona manamora ny fiainanao ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.”<sup>1</sup> Amin'izay heviny izay, ny fikatsahana ny zavatra tsara indrindra any amin'ny olona iray hafa no tena mahatonga ny hoe tena finamanana marina. Izany dia midika hoe mametraka ny olon-kafa ho lohalaharana. Izany dia midika hoe ho marin-toetra tanteraka, sy marina ary madio ara-pitondrantena eo amin'ny zavatra atao rehetra. Angamba ilay teny hoe *fanoloran-tena* no manampy antsika hahatakatra ny tena dikan'ny hoe finamanana.

Fony 15 taona i Emi zanakay, dia nandray fanapahan-kevitra izy mikasika izay karazana namana tokony hotadiavina. Tsikaritro indray maraina fa nisokatra teo amin'ny Almà 48 ny Bokin'i Môrmônany. Nasiany marika ireo andininy izay mamari-paritra ny Kapiteny Môrônia: “Ary i Môrônia dia lehilahy matanjaka sy mahery; lehilahin'ny fahatakarantsaina fanaperana izy. . . . Eny, ary izy dia lehilahy izay niorina mafy tao amin'ny finoana an'i Kristy” (andininy faha 11, 13). Tery antsisiny dia nasiana soratra hoe: “Te hiaraka amin'ny lehilahy sy hanambady lehilahy toa an'i Môrônia aho.” Rehefa nandinika an'i Emi aho, sy ny karazana zatovolahy izay nifandray taminy ary taty aoriana niaraka taminy rehefa feno 16 taona izy,







# Ny **NANASANA** Ahy Handray **FAMONJENA**

Nataon'i Emerson José da Silva

**F**ony mbola zatovo aho dia nanatrika fiangonana maro samihafa ary sahiran-tsaina satria samy nampianatra hevitra samy hafa izy ireo hanazavana ireo soratra masina. Tsy nampahazo aina ahy ny tsy fanehoam-panajana hitako tany amin'ny sasany tamin'izy ireny, hany ka dia nilavo lefona aho ka tsy niezaka ny hitady fiangonana atrehana intsony.

Taona maromaro taty aoriana dia nisy namako iray, i Cleiton Lima, natao batisa tao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsy nolazainy tamiko izany na dia mpinamana be aza izahay, saingy rehefa nandeha ny fotoana dia nanomboka nahita fiovana teny aminy aho. Rehefa Alahady dia nahazatra ahy ny nandeha tany an-tranony ny maraina mba hahafahanay milalao baolina, saingy tsy nahatratra azy tao an-trano mihitsy aho. Alahady indroa sa intelo nifanesy no nitrangan'izany. Nony farany dia nolazain'i Cleiton tamiko





fa tsy afaka hilalao baolina intsony izy rehefa Alahady satria manaja ny andron'ny Tompo. Hoy aho tamin'ny hoe "Mahalasa adala anao io Fiangonana io."

Ary dia nanasa ahy i Cleiton ho any am-piangonana. Namorona fialan-tsiny tamin'ny aho satria mbola tsy nahafaly ahy ny fivavahana tamin'izany. Nandritra ny 10 volana dia nitondra misiônera i Cleiton mba hampianatra ahy, saingy namorona fialan-tsiny hatrany aho na nilaza tamin'izy ireo hoe mbola sahirana loatra. Saingy tsy nilavo lefona mihitsy izy.

Indray andro, tamin'ny volana Jona, dia nanasa ahy izy hanatrika fandihizana karakarain'ny Fiangonana. Nananihany azy aho nanao hoe "Hisy sakafo maimaimpoana sy vehivavy be dia be ve any?" Sady nihomehy izy no namaly hoe eny!

Mila miaiky aho hoe ny hatendako na nampilavo lefona ahy. Nandeha tany am-piangonana aho ary tiako be ny tany. Nandray ahy tsara ny rehetra, nihinan-kanina betsaka aho, ary lasa liana te hanatrika fivoriana.

Rehefa tonga tany am-piangonana aho ny Alahady dia tafahaona tamin'olona marobe

ary naheno ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona. Mbola tsy nahazatra ahy ny Bokin'i Môrmôna, saingy nahatsapa ny Fanahin'ny Tompo aho rehefa nijoro ho vavolombelona ny mpikambana samihafa hoe "Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna, fa ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy, ary mpaminany nantsoin'Andriamanitra marina i Joseph Smith." Tsy mbola nahatsiaro ho nahazo aina toy izany mihitsy aho. Tsy mbola te hihaona tamin'ireo misiônera aho, saingy nanohina ny foko sy ny fanahiko io fivoriana fijoroana ho vavolombelona io.

Ny herinandro manaraka an'iny dia mbola nanasa ahy ihany i Cleiton ho any am-piangonana. Tsy afaka aho satria nisy adidy hafa tsy maintsy nataoko io Alahady io. Hitako ny alahelo teny amin'ny tavany raha nilaza tamin'ny aho hoe tsy fantatro aho raha ho afaka.

Kanefa raha nifoha aho ny Alahady maraina dia nanam-paniriana ny ho any am-piangonana. Nifoha tamin'ny fito latsaka folo aho, izay zavatra sarotra tamiko izany, dia niomana ary niandry ny fahatongavan'i Cleiton. Taitra izy raha nahita ahy efa tafakanjo sy efa niandry. Tamin'io Alahady io dia nampianatra momba ny fisoronana ilay eveka. Nahatsapa mafy ny Fanahy aho ary nanana fahatsapana hoe tokony handray ireo lesona ampianarin'ireo misiônera. Tany amin'ny fiafaran'ny fivorian'ny Zatovolahy dia nahafantatra sahaday aho fa ho atao batisa.

Rehefa tapitra ny fiangonana dia nolazaiko i Cleiton hoe "Te hatao batisa aho!"

Noheveriny fa nananihany aho. Saingy niteny izy avy teo hoe "Raha miantso ireo misiônera aho dia hanaiiky hihaona amin'izy ireo ve ialahy?" Novaliako hoe eny.

Elder mahatalanjona no nampianatra ahy. Rehefa naheno ny hafatry ny Famerenana amin'ny Laoniny aho dia vao mainka nahazo fanamafisana mahery kokoa hoe tokony hatao batisa aho. Saingy tiako hahafantatra manokana mikasika ny fahamari-nan'ny Bokin'i Môrmôna ny tenako. Nasian'ireo Elder marika ny Môrôna 10:3-5 tao amin'ny Bokin'i Môrmônako ary nasain'izy ireo aho hivavaka sy hanontany amin'Andriamanitra raha marina io boky io.

Ny ampitso hariva dia tsaroako fa mbola tsy namaky ny Bokin'i Môrmôna aho. Rehefa nanomboka namaky aho, dia nahatsapa mafy ny Fanahy. Nivavaka aho, ary talohan'ny namaranako izany dia efa fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Feno fankasitrahana an'Andriamanitra aho noho ny namaliany ny vavaka nataoko. Natao batisa tamin'ny volana Jolay 2006 aho.

Taty aoriana aho dia misiônera tao amin'ny Misionan'i Cuiabá, Brésil, ary i Cleiton namako dia nanompo tany amin'ny Misionan'i Santa Maria, Brésil. Ny zavatra nataon'i Cleiton tamiko no nataonay: manasa olona hanatona an'i Kristy ary manampy azy ireo handray ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny amin'ny alalan'ny fampiharana ny finoana an'i Jesoa Kristy, ny fibebahana, ny fanaovana batisa ary ny fandraisana ny fanomezana ny Fanahy Masina. Izany no tena lalana mankany amin'ny famonjena.

Aoka isika hanasa foana ireo namantsika sy havantsika hianatra momba ity filazantsara ity, satria nanasa ny rehetra ny Mpamonjy raha nilaza hoe "Mankanasa aty amiko" (Matio 11:28). Fantatro fa ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy ary izao no fotoana hanasana ny rehetra hanatona Azy. ■





# FOMBA FOLO AHAFANTARANA HOE NIOVA FO IANAO

Nosoratan'i Tyler Orton

**N**ianarako tao amin'ny fivorian'ny fisoronana fa iray amin'ireo tanjon'ny Fisoronana Aharôna ny manampy antsika “hiova fo ho amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy hiaina araka ny fampianarana hita ao.”<sup>1</sup> Tsy fantatro loatra ny hevitra ny hoe “hiova fo ho amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.” Nanontaniako ireo ray amandreniko sy ireo zokiko iray tampo amiko ny hevitr'izy ireo mikasika izany ary niara-nandinika fomba maro izahay ahitana hoe efa miova fo ve ianao.

Mety misy fomba hafa, saingy ireto misy fomba 10 izay hitanay. Koa satria fivoarana maharitra mandritry ny androm-piainana manontolo izany hoe fiovam-po izany, dia tsy voatery isika hoe ho tonga lafatra amin'ireto lafiny tsirairay ireto ankehitriny, saingy afaka manampy antsika izy ireo hahafantatra hoe mivoatra ve isika sa tsia.

**1.** Rehefa hoe niova fo ianao dia tsy vitan'ny hoe *ma-hafantatra* izay tokony hataonao fa *maniry* ihany koa ny hanao izay tsara. Tsy ampy ny hoe miala amin'ny fanaovana ny ratsy satria hoe matahotra ny ho tratra na ny ho voasazy. Rehefa tena niova fo marina ianao, dia tena maniry ny hisafidy ny tsara.

**2.** Famantarana iray ahafantarana hoe efa miova fo ny hoe tsy manam-paniriana hanao ny ratsy intsony ianao. Ohatra lehibe amin'izany ireo Antia-Nefia-Lehia. Rehefa niova fo ho amin'ny filazantsaran'i Kristy izy ireo dia “nanao fanekempihavanana tamin'Andriamanitra fa hanompo Azy sy hitandrina ny didiny (Môsîà 21:31). Toa an'ireo Nefita izay nampianarin'i Benjamina Mpanjaka dia “tsy nanana fironana hanao ratsy intsony” izy ireo (Môsîà 5:2). Lasa tena niova fo ho amin'ny filazantsaran'i

Kristy izy ireo ary tsy nahataona azy ireo ny fakam-panahin'i Satana.

**3.** Rehefa niova fo ianao dia sahiran-tsaina kokoa mika-sika izay fijerin'Andriamanitra anao toy izay ny fijerin'ny hafa. Any am-pianaranay any Indonezia dia mirona amin'ny fisotroana toaka be ireo mpianatra. Indraindray dia mety haka fanahy tokoa izany hoe mandeha mivoaka mifety izany rehefa manao izany ny olon-drehetra ary mandrabiraby anao, noho ianao tsy mandeha. Efa maro ireo fotoana nanasan'ny olona ny rahalahiko handeha hisotro sy hifety, saingy tsy nandeha mihitsy izy—nijoro tamin'izay ninoany izy. Sarotra izany, ary alina maro no nijanonany irery tao

an-trano. Rehefa nifanao veloma ireo mpianatra tamin'izy afaka bacc, dia maro no nizara taminy fa nampiaiky azy ireo ny nahafahany nanohitra ny fitaoman'ny namana mpiara-mianatra ary hahatoky amin'ny fenitra arahiny. Nilaza izy ireo fa tena nidera azy noho izany. Tamin'ny alalan'ny fanoherany ny fitaoman'ny namana mpiara-mianatra no fomba nanehoany hoe niova fo izy.

**4.** Rehefa miova fo ianao dia miezaka araka izay tratranao hiaina ny filazantsara mandrakariva—tsy isaky ny Alahady ihany na hoe rehefa mety, fa mandrakariva. Tsy miova arakaraka izay miaraka aminao na izay mety mijery anao ny fihetsika ataonao. Rehefa mitantara hatsikana

mirefarefa amin'ny tany ireo namanao na te hijery horonan-tsary mamoa fady dia tsy mandeha ianao satria tsy misy mahita; fa mijoro kosa amin'izay zavatra inoanao.

**5.** Rehefa niova fo ianao dia tsara fanahy sy mangoraka kokoa eo amin'ny fifandraisanao amin'ny hafa. Tsy mitsaratsara ianao na mitsikera na mifosafosa. Mahatakatra kokoa ny fahatsapan'ny hafa ianao ary zary lasa mandeha ho azy aminao ny mitady fomba hanompoana sy hanampiana. Rehefa mandeha eny an-dalantsara any an-tsekoly ianao ka latsaka ny bokin'ny olona iray dia tsy manontany tena akory ianao hoe inona no tokony hatao. Fa tonga dia mijanona ho azy ianao mba hanampy.



5.




**LALANA AZO ANTOKA MANKANY AMIN'NY FAHASAMBARANA**

“Tian'ny Tompo hiova fo tante-raka ho amin'ny filazantsarany ireo mpikamban'ny Fiangonany. Izany no hany lalana azo antoka

izay ahazoantsika fiarovana ara-panahy ankehitriny ary fiadanana mandrakizay.”

Loholona Donald L. Hallstrom ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, “Niova Fo ho amin'ny Filazantsarany amin'ny alalan'ny Fiangonany,” *Liahona*, Mey 2012, 15.



6.



2.

*Nandevina ny fiadiany ireo Lamanita niova fo mba hanehoana hoe ho mahatoky amin'ny fanekempihavanana nataony izy ireo dia ny hiaina ny filazantsara (jereo ny Almà 24).*



7.



**6.** Rehefa niova fo ianao dia mitombo ny fanirianao hivavaka ary mahatsapa ianao fa tena mifandray amin'Andriamanitra rehefa miavavaka. Mahavita manokana fotoana hivavahana foana ianao na inona na inona zavatra tsapanao na inona na inona mitranga amin'ny fiainanao. Nilaza tamintsika ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) hoe “Rehefa tsy te hivavaka isika dia tokony hivavaka mandra-pahatonga antsika ho te-hivavaka.”<sup>2</sup>

**7.** Rehefa niova fo ianao dia mian-drandra ny andro Alahady satria Sabata izany. Raha tokony hieritritra ianao rehefa tonga ny Alahady hoe: “Andray, andro tsy hahafahako mandehandeha miaraka amin'ny namako indray ity na mandeha mijery sarimihetsika,” dia lasa mieritritra hoe: “Mahafinaritra! Andro iray

10.



ity ahafahako manatrika any am-piangonana sy mifantoka amin'ny zavatra ny fanahy ary manokana fotoana miaraka amin'ny fianakaviako!”

**8.** Rehefa niova fo ianao dia mitandrina ny didy ary tsy mitady fialan-tsiny na manamarin-tena amin'ny tsy mety atao, na miezaka mitady antony hahafahana mandika ireo didy. Tsy miezaka manakisaka ireo fetra ianao fa mitandrina fotsiny ireo didy satria fantatrao fa izany no tsara indrindra.

**9.** Rehefa niova fo ianao dia mian-drandra ny fotoana handoavanao ny fahafolonkarenanao. Raisinao ho toy ny tombontsoa manokana izany ary mahatsapa ianao fa tsy tena betsaka izany hoe 10 isan-jato izany, indrindra rehefa ampitahaina amin'ireo fitahiana sy fahafahampo

izay azonao. Mahaleo lavitra noho ilay vola naloanao ireo fitahiana azo.

**10.** Rehefa lasa miova fo ianao dia manana faniriana mahery vaika hanampy ny hafa hahafantatra ny fahamarinana sy ny fahasambarana izay efa hitanao. Ohatra tsara avy amin'ny soratra masina ny nofin'i Lehia, izay nananany faniriana mahery vaika tokoa hizara tamin'ny ankohonany ilay voankazo fy avy amin'ilay hazon'aina. Rehefa nandray tamin'ilay voa izy dia tsy ny haka bebe kokoa ho an'ny tenany no tonga voalohany tao an-tsainy fa ny hitady ny ankohonany mba hahafahan'izy ireo ihany koa mandray amin'ilay voa sy hahatsapa fifaliana mitovy amin'izay tsapanany (jereo ny 1 Nefia 8:12).

Raha fintinina dia fantatrao hoe lasa niova fo ianao rehefa manomboka miaina ilay lalàna ambonimbony kokoa, dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Miaina ny fanahin'ny lalàna ianao sady miaina ihany koa ny tenin'ny lalàna. Miaina ny filazantsara ianao eo amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainanao. Miaina ny filazantsara amin'ny fahafenoany ianao, tsy hoe satria tsy maintsy manao izany fa satria tehanao izany kosa. Olona faly kokoa ianao ary tsara fanahy kokoa, ary te ho tonga ilay olona izay tian'ny Ray any An-danitra hahatongavanao. Te ho tonga tahaka an'i Jesoa Kristy ianao ary hanaraka ny ohatra nasehony. Rehefa lasa ho izany olona izany ianao dia tena efa niova fo tokoa. ■

*Monina any Java, Indonezia i Tyler Orton.*

#### FANAMARIHANA

1. Manuel 2: *Administration de l'Église* (2010), 8.1.3.
2. Ezra Taft Benson, “Pray Always,” *Liahona*, Jona 1990, 4.



# TENA TSY HANENENANA NY MIASA MAFY

Ho variana ianao amin'ny zavatra azonao tanterahana  
raha toa ka miezaka hatrany ianao.

(Jereo ny *Jeunes Soyez Forts* [bokikely, 2011], 40–41.)





# Ilay

# Misiônera

## Kelin'i Bebe Deny

Nosoratan'i Emilia Maria  
Guimarães Correa

*"Fa rehefa miteny amin' ny herin' ny Fanahy Masina ny olona iray, ny herin' ny Fanahy Masina dia mitondra izany hankany am-pon' ny zanak' olombelona" (2 Nefia 33:1).*

**N**iara-nipetraka tamin'ny reniny sy ny anabaviny i Vítor, tany amin'ny tranon'i Deny reniben'ny. Narary ny reniben'i Vítor ary tsy afa-niala teo am-pandriana nandritra ny herinandro maromaro. Nanirery izy raha tavela irery tao amin'ny efitra fandriany.

Nanapa-kevitra i Vítor fa azony atao ny miaraka amin'i Bebe Deny hanala fahanginana azy. Isan'andro rehefa mody avy any an-tsekoly izy dia mitondra boky *Liahona* iray mankao amin'ny efitranon'i Bebe Deny ary mamaky tantara ho azy ao amin'ireo pejy natokana ho an'ny ankizy.

Rehefa voavakiny avokoa ireo *Liahona* rehetra ananan'ny fianakaviany dia manomboka mamaky ny Bokin'i Môrmôna sy ny Baiboly ho azy izy. Tsy mpikamban'ny Fiangonana i Bebe Deny, saingy tiany ny mihaino an'i Vítor mamaky teny ho azy. Faly izy mianatra mikasika ny filazantsara.

Nametraka fanontaniana maro i Bebe. Raha tsy fantatr'i Vítor ny

valiny dia anontaniany ny mpampianatra azy ao amin'ny Kilonga izany, na jereny ao amin'ny soratra masina. Nantsoin'i Bebe hoe ilay misiônera kelin'ny i Vítor.

Nolazain'i Bebe tamin'i Vítor fa nianatra zavatra betsaka taminy izy. Nampanantena izy fa handeha hiangona hiaraka aminy rehefa sitrana. Nahatonga azy ho te ho sitrana sy handalina misimisy kokoa mikasika ny filazantsara ny zavatra izay nianarany.

Nony nihasalama i Bebe dia nitazona ny teniny izy. Nankany am-piangonana niaraka tamin'i Vítor izy mba hianatra misimisy kokoa mikasika ny zavatra izay nampianarin'i Vítor azy. Tsy ela akory dia natao batisa sy no-raisina ho mpikambana i Bebe. Nanampy azy i Vítor hahafantatra fa marina ny filazantsara.

Nony nihalehibe i Vítor dia lasa misiônera tamin'ny fotoana feno tany amin'ny Misionan'i Boston Massachusetts. Talohan'ny nandehany dia nankany amin'ny tempoly izy—niaraka tamin'i Bebe Deny. ■

*I Emilia Maria Guimarães Correa dia monina any amin'ny Distrikan'i Federal, Brésil.*





Nosoratan' ny Loholona  
M. Russell Ballard

Ao amin'ny Kôlejin'ny  
Apôstôly Roambinifolo

*Vavolombelona manokan'i  
Jesoa Kristy ireo mpikambana  
ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly  
Roambinifolo.*

# Nahoana no manana anarana lava be toy izany ny Fiangonana?

**I**Jesoa Kirsty mihitsy no nanome anarana ny Fiangonana (jereo ny Fotopampianarana sy Fane-kempihavanana 115:4).

Ny teny hoe Fiangonan'i 'i *Jesoa Kristy* dia manambara fa ity no Fiangonany.

Ny hoe *Ny Andro Farany* dia

manazava fa ity ihany ilay Fiangonana naorin' i Jesoa Kristy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany saingy naverina tamin' ny laoniny amin' izao andro farany izao.

Ny hoe *Olomasina* dia midika fa manaraka Azy isika ary miezaka ny hanao ny Sitrapony.

Ny mpikambana ato amintsika dia nantsoina hoe *Môrmôna* satria isika mino ny Bokin'i Môrmôna, saingy tokony hampiasa ny anarana fennon'ny Fiangonana isika na aiza na aiza maha-mety izany. ■

*Nalaina avy tamin'ny "Ny Maha-Zava-dehibe ny Anarana," Liahona, Nôv. 2011, 79-82.*





Nosoratan'i Darcie Jensen

**N**ony vita ny Tempolin'i Salt Lake tamin'ny taona 1893 dia nifaly ireo Olomasin'ny Andro Farany. Naharitra 40 taona vao tontosa ny fananganana io tempoly io. Koa satria nanolotra vola ireo ankizy hanampiana tamin'ny fananganana ny tempoly dia nanapakevitra ny Filoha Wilford Woodruff hanao fivoriana fanokanana manokana niisa dimy mba hahafahan'ireo ankizy manatrika.

Ankehitriny dia misy tempoly maro maneran-tany, ary mbola manampy amin'ny fankalazana ny fahavitany'ireo tempoly ireo ankizy. Jereo ny fomba nandraisan'ireo ankizy anjara tany aloha sy ankehitriny. ■

*I Darcie Jensen dia monina any Californie, Etazonia.*

**Ankizy mihoatra ny 12.000 no tonga tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake tamin'ny fanokanana. Ireto ankizy ireto izay avy any amin'ny Paroasin'i Sugar House dia nandeha fiaran-dalamby.**



**Ity tapakila ity dia nahafahan'ny ankizy hatramin'ny 16 taona hanatrika fanompoam-pivavahana fanokanana manokana ho an'ny Tempolin'i Salt Lake. Apôstôly sy mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany no niresaka tamin'ireo ankizy tao anatin'ny tempoly.**



**Indraindray dia averina tokanana ireo tempoly rehefa avy nasiana fanamboarana. Nihira sy nilanja fanilo ireo ankizy tao amin'ny Kilonga nandritra ny fampisehoana izay nankalazana ny famerenana ny fanokanana ny Tempolin'i Anchorage, Alaska.**



**Isan-kerinandro, raha eo an-dalam-piorenana ny Tempolin'i Gilbert, Arizona, dia nametraka tanjona ireo ankizy ao amin'ny Kilonga avy ao amin'ny Tsatòkan'i Highland Gilbert Arizona ny hanompo olona iray ao amin'ny paroasin'izy ireo.**

**Raha teo an-dalam-piorenana ny Tempolin'i San Diego, Californie dia nanamboatra karipetra iray miloko marevaka ireo ankizy tao amin'ny Kilonga avy any Mexique ho an'ny Tempoly. Nijoro teo ambonin'io karipetra io ireo Manampahefana Ambony nandritra ny lanonana fame-tahana ny tsangambato tamin'ny fotoam-panokanana.**



# Mankalaza ireo Tempoly!



Nanao dia nandritra ny adiny telo nankany amin'ny **Tempolin'i Regina Saskatchewan** ireo ankizy avy ao amin'ny Kilonga tany Manitoba, Kanadà mba hikasika ny rindrin'ny tempoly ary hanolotena ny hiditra ao anatiny indray andro any.

Niarahaba ireo mpitsidika ireo ankizy avy ao amin'ny Kilonga nandritra ny varavarana misokatra ho an'ny **Tempolin'i Kiev, Ukraine** tamin'ny alalan'ny fihirana ny hoe: "Oh, j'aime voir le temple."



Ankizy tao amin'ny Kilonga maherin'ny 800 avy any Afrika Andrefana no nihira ny "Zanaky ny Ray aho" tamin'ny fankalazana arakolotsaina talohan'ny nanokanana ny **Tempolin'i Accra Ghana**.



Nihira ho an'ny Filoha **Gordon B. Hinckley** ireo ankizy tao amin'ny Kilonga tamin'izy tonga hanokana ny **Tempolin'i Aba, Nigeria**.



Misy vatofehizoro ahitana ny taona izay nanokanana azy ny tempoly tsirairay. Mandritra ny fanokanana dia fehezin'ireo **Manampahefana Ambony** amin'ny rihitra io vatofehizoro io. Nanampy tamin'ny fametahana rihitra teo amin'ny vato fehizoro teo amin'ny **Tempolin'i Kansas City, Missouri** i **Isaac B., 9 taona**.



# Fanontaniana sy Valiny mikasika ny Tempoly

## Fa nahoana isika no manana tempoly?

Ireo tempolin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia toerana masina izay hianarantsika fahamarinana mandrakizay ary handraisantsika anjara amin'ireo ôrdônansy masina.

## Tahaka ny ahoana ny ao anatin'ny tempoly?

Toerana feno fiadanana sy fanajana ary kanto ny tempoly. Madio sy milamina avokoa ny zavatra rehetra ao anatin'ny Tempoly. Mitafy ankanjo fotsy daholo ny rehetra ary miteny mora rehefa miresaka.

## Inona no zava-mitranga ao amin'ireo tempoly?

Azo fehezina ireo mpivady ary azo fehezina amin'ireo ray amandreniny ireo ankizy. Ny famehezana no ahafahan'ireo fianakaviana ho tafaraka mandrakizay. Ao amin'ny


tempoly ireo lehilahy sy ireo vehivavy dia mandray ihany koa fanomezana fitahiana ara-panahy izay antsoina hoe fanafiana masina. Afaka mandray ny fanafiana masina koa izy ireo ary azo fehezina eo amin'ny toeran'ireo efa nodimandry izay tsy afaka nanao ireo fanekempihavanan'ny tempoly.

## Inona koa no zavatra hafa mitranga ao amin'ireo tempoly?

Ankoatra ny famehezana sy ny fanafiana masina dia anatanterahana ôrdônansy hafa koa ao amin'ireo tempoly. Azo atao batisa sy raisina ho mpikambana koa ny olona eo amin'ny toeran'ireo izay tsy afaka niditra tao amin'ny Fiangonana nandritra ny fahavelomany. Rehefa feno 12 taona ianao ka mendrika ny hiditra ny tempoly dia manana fahafahana hatao batisa sy raisina ho mpikambana ho an'ireo izay nodimandry tsy nahalala ny filazantsara.

## Ahoana raha toa ka tsy mbola tany amin'ny tempoly ny fianakaviako?

Mahafantatra ary tia anao sy ny fianakavianao ny Ray any Andanitra. Tiany hahazo ireo fitahiana entin'ny ôrdônansin'ny tempoly ny rehetra. Manàna fiainana mendrika mba hidirana ny tempoly. Mame-traha tanjona amin'izao fotoana izao fa indray andro any ianao dia handray ny fanafiana masina sy hanambady any amin'ny tempoly. Hitahy anao sy ny fianakavianao ny Ray any Andanitra. ■



“Ry namako kely isany . . . , ataovy ao anatin'ny drafitrareo foana ny tempoly. Aza manao zavatra izay hana-kana anao tsy hiditra ny varavarany sy tsy handray ireo fitahiana masina sy mandrakizay ao.

Filoha Thomas S. Monson, “Ny Tempoly Masina—Fanilo ho an' Izao Tontolo Izao,” *Liahona*, Mey 2011, 93.

# Afaka Hiaraka Mandrakizay ny Fianakaviana

(Notsorina)

Tonony: Ruth Muir Gardner  
Feony: Vanja Y. Watkins

*Amin-kafanam-po* ♩ = 80-96

1. Ma - na - na fia - na - ka - viana aho. Mi - fan - ka - tia 'za - hay.  
2. Dieny i - zao mbo - la kely i - zao, Dia mba te - hio - mana aho,

Tia - ko ny hia - rak' a - min' i - zy 'reo man - dra - ki - zay.  
Mba ha - nam - ba - dy man - dra - ki - zay any a - min' ny tem - poly.

*Fiveranan-kira*

Fia - na - ka - via - na man - dra - ki - zay No dra - fi - try ny Ray. Fa

mba i - riako ha - trany nyha - ha - ton - tosa i - zany, Ka ny Tom - po no na - no - ro ahy Ny

fomba ha - ha - vi - tako i - zany.

Tonony sy Feony © 1980 IRI. Fandrindrana © 2012 IRI. Zo Rehetra Voatokana.  
Ity hira ity dia azo adika raha ilaina any am-piangonana na any an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola.



# Naverin' i Jesoa Kristy tamin' ny Laoniny tamin' ny Andro Farany ny Fiangonany



Azoniao ampiasaina ity lesona sy asa atao ity hianarana bebe kokoa mikasika ny tarigetran' ny Kilonga amin' ity volana ity.

**A** laivo sary an-tsaina hoe mandeha mikaroka harena miafina iray ianao. Aiza ianao no hitady ilay harena miafina? Ahoana no fomba hahitanao izany? Mety hisy vata misy harena miafina ve? Inona no mety ho ao anatin'ny?

Ny vata misy harena miafina sasan-tasany dia ahitana firavaka tsara tarehy sy vola vy sarobidy. Fa amin'ny maha mpikamban' Ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany antsika dia manana harena miafina izay mbola manan-danja bebe kokoa noho izany isika: ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

Tsy mahafantatra an'io harena miafina io ny ankamaroan'ny olona, ka dia anisan'ny iray amin'ireo adidintsika ny mizara izany amin'ny olona maro araka izay tratrantsika.

Taorian'ny nahafatesan' i Jesoa Kristy sy ireo Apôstôliny dia very na novaina ireo fampianarana manan-danja sy ôrdônansy sasantsasany tao amin'ny

filazantsara, anisan'izany ny batisa, ny fahefan'ny fisoronana, ny tempoly, ny mpaminany velona ary ny fanasan'ny Tompo.

Ireo harena miafin'ny filazantsara ireo dia naverina tamin'ny laoniny daholo tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith. Niseho tamin' i Joseph Smith tao amin'ny ala kely iray ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy raha nivavaka iny izy mba hahalalana ny fahamarinana.

Taty aoriana i Joseph dia nandray ireo takela-bolamena sy nandika izany hanjary Bokin' i Môrmôna. Ny Bokin' i Môrmôna dia ahitana fampianarana izay sarobidy amintsika satria manazava fahamarinana maro izay very tany aloha tany. Mahazo fitahiana maro isika noho ny fananantsika ireo fahamarinan'ny filazantsara ireo.

Akory ny hasarobidin'ireo harena miafina ireo! ■

## SORATRA MASINA SY HIRA

- Fotopampianarana sy Fanekehempihanana 35:17
- "Par un beau printemps doré," *Chants pour les enfants*, 57 (na hira iray hafa mikasika ny Famerenana amin'ny Laoniny)

## NDAO HIFAMPIRESAKA


Zarao ny fomba nahazoan'ny fianakavianao fitahiana avy amin'ireo harena miafin'ny filazantsaran' i Jesoa Kristy.

# MANAOVA VATA MISY NY HARENA MIAFIN'NY FILAZANTSARA

Hetezo sy aforeto araka ny kisary etsy ambany ity vata misy harena miafina ity. Hetezo ireo sarin'ny vola madinika izay mitanisa ny sasany amin'ireo harena miafina izay nomen'ny filazantsara anao ary ataovy ao anatin'ilay vata izany. Jereo matetika ny ao anatin'ilay vata mba hahatsiarovanao ireo fitahiana entin'ny filazantsara.



**IREO HARENA  
MIAFINA**





# Ny Toerana izay Nanorenana Ny Fiangonana



## Nosoratan'i Jan Pinborough

Gazetibokin'ny Fiangonana

*Andao hiaraka aminay  
hizaha toerana iray  
manan-danja eo amin'ny  
tantaran'ny Fiangonana!*

**R**aha te-hijery ny toerana nanorenana voalohany ny Fiangonana i Maggie sy Lily E. dia tsy mila mijery lavitra loatra. Tena mifanila amin'ny trano Fiangonana ao Fayette, New York izany, izay toerana hiangonan'izy ireo isaky ny Alahady!

Tsy tao anaty trano fiangonana no nananganana ny Fiangonana, fa tao anatin'ny trano iray vita amin'ny

vatan-kazo. Tonga nipetraka tao i Joseph Smith, niaraka tamin'ny fianakaviana Whitmer, tamin'ny taona 1829. Tsy eo intsony ilay trano tany am-piandohana saingy eo amin'ilay toerana nisy azy mihitsy ity trano vita amin'ny vatan-kazo ity.

Ny trano fiangonana izay hiangonan-dry Maggie sy Lily dia ahitana ivontoerana ho an'ny mpitsidika izay misy fampirantiana mikasika ny tranon-dry Whitmer sy ireo zavatra miavaka izay nitranga tao. ■




1. Tato no namita ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna i Joseph Smith.





**2. Tety ivelany, tsy lavitry ny trano, no nahitan'ny lehilahy telo ny anjely Môrônia sy ireo takelabolamena. Antsoina hoe ireo Vavolombelona Telo izy ireo satria nahita maso ireo takelaka. Azonao jerena ao amin'ny fiandohan'ny Bokin'i Môrmôna ny tenivavolombelon'izy ireo.**



**3. Tamin'ny 6 Aprily 1830 dia teo amin'ny olona 60 teo no tonga nanatrika fivoriana manokana iray. Nanangana ny Fiangonana tamin'ny fomba ôfisialy i Joseph Smith ary dia namasinina sy nozaraina ny fanasan'ny Tompo. Io no fivorian'ny fanasan'ny Tompo voalohany!**

## NY BATISA TAMIN'IZANY FOTOANA IZANY SY ANKEHITRINY

Tao anatin'ny fanaovana batisa iray teo akaikin'ny toerana nanaovana batisa ireo mpikambana voalohany tato amin'ny Fiangonana no nanaovana batisa an'i Maggie, 11 taona sy i Lily, 9 taona.

Samy nientanentana ery izy roa vavy fa hatao batisa. Rehefa anjaran'i Lily no hatao batisa dia nanao tafa sy dinika tamin'ny evekany izy. "Nanontaniany aho raha manana fijoroana ho vavolombelona momba ny mpaminany ary raha mandoa fahafolonkarena," hoy i Lily.

Samy manana fahatsiarovana tsara mikasika ny andro nanaovana batisa azy izy roa vavy. "Rehefa nivoaka avy tao anaty rano aho dia nanana fahatsapana hoe afaka mahavita ny zava-drehetra," hoy i Maggie.

Samy nahazo diary izy roa vavy mba hahafahany mirakitra ny zavatra tsapan'izy ireo mikasika ireo andro miavaka teo amin'ny fiainany.




**4. Vantany vao vita ilay fivoriana dia natao batisa tety ivelany ireo ray aman-drenin'i Joseph Smith sy olon-kafa maromaro.**



# Nanavotra ny Andro i Max sy i Mia

Nosoratan'i Chris Deaver, Texas, Etazonia

Niomana mba hilalao ilay mahery fo mahagaga i Max. Nanaovany ny t-shirt menany. Nanaovany koa ny akanjo lava fanaon'ny mahery fo mahagaga. Avy eo izy dia nankany amin'ny efitranon'ny zandriny vavy.



“Ndao ry Mia,” hoy i Max. “Ndao handeha hanavotra ny andro!”





Nankao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny i Max sy i Mia. Nahita sobika feno akanjo izy ireo.

“Afaka manampy ahy ve ianareo?” hoy i Neny nanontany.

“Eny,” hoy i Max. “Avy eo izahay afaka mandeha manavotra ny andro.”



Nanampy an'i Neny i Max sy i Mia namalona ireo akanjo sy nampirina izany.

Avy eo dia nahita fako teo amin'ny tany i Max. “Andao hitsimpona ny fako rehetra,” hoy i Max. “Avy eo isika afaka mandeha manavotra ny andro.”





Nihazakazaka nanerana ny trano i Max sy i Mia. Narian'izy ireo daholo izay fako hitan'izy ireo.

Nahita an'i Neny namafa trano tao an-dakozia izy ireo. "Afaka manampy anao izahay," hoy i Max.

I Mia no nitazona ny fandraofam-pako raha i Max kosa no namafa ny gorodona.



"Andao amin'izay izao handeha hanavotra ny andro," hoy i Max.

Nijery an'ilay trano madio tsara i Neny. Avy eo dia nofihininy i Max sy i Mia. "Raha ny hevitra dia efa vitanareo izany!" ■



### I JESOA NANDEHA TENY AMBONIN'NY RANO

“Ary nony nahita Azy nitsangantsangana tambonin’ny ranomasina ny mpianatra, dia raiki-tahotra ka nanao hoe: Matoatoa io; dia niantso izy noho ny tahotra.

“Ary Jesoa niteny taminy niaraka tamin’izay hoe: Matokia, fa Izaho ihany, aza matahotra” (Matio 14:26–27).



## Fanofanana ny Mpitarika Maneran-tany—Fomba Fiasa Vaovao



**Mitarika fifanakalozan-kevitra mikasika ny maha zava-dehibe ny fampiasana ireo fanalahidin'ny fisoronana ny Loholona L. Tom Perry sy ny Loholona Donald L. Hallstrom ary ny Eveka Dean M. Davies.**

**N**y mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao afaka volana vitsivitsy dia handray anjara amin'ilay fomba fiasa vaovao mitondra faharisihana ao anatin'ny Fanofanana ny Mpitarika Maneran-tany.

Ny Fanofanana ny Mpitarika Maneran-tany amin'ity taona ity dia tsy halefa hojerena ao anatin'ny fotoana anankiray fotsiny ho an'ireo mpitarika any amin'ny paroasy sy tsatoka toy ireo fivoriana fanofanana teo aloha. Ity anankiray ity kosa dia misy fizarana fohy miisa sivy—hita ao anatin'ny DVD sy ao amin'ny [LDS.org](http://LDS.org)—izay hamporisika ny hisian'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny mpitarika rehetra, ny mpikambana ary ny fianakaviana mandritra ity taona ity sy any aoriana.

Ny zava-kinendrin'ny fanofanana dia hoe “Manamafy orina ny Fianakaviana sy ny Fiangonana amin'ny alalan'ny Fisoronana.” Ny Mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo miaraka amin'ireo Manam-pahafana Ambony hafa sy mpiandraikitra hafa maneran-tany, ao anatin'ilay fanofanana, dia manome torolalana tena tsara mikasika:

- Ny fomba ahafahan'ny fianakaviana mahazo tanjaka sy fiadanana amin'ny alalan'ny herin'ny fisoronana.
- Ny fomba hanampiana ny fianakaviana tsirairay hiaina ireo fitahian'ny fisoronana.
- Ny fomba hanamafisan'ireo izay mpihazona ny fanalahidin'ny fisoronana ny tokantrano sy ny fianakaviana.

- Ny fomba hanompoana araka ny fomban'i Kristy.
- Ny fomba hitaizana ny zanaka ao anatin'ny hazavana sy ny fahamarinana.

Hahazo ny tahadikan'io DVD io ireo vondron'ny Fiangonana rehetra ary ny filankevitry ny paroasy sy ny tsatoka dia angatahana mba hijery izany iray manontolo. Tokony hiaraka hikaon-doha izy ireo aorian'izany mikasika ny fomba hanampiana ireo mpikambana ao amin'ny paroasy sy ny tsatoka mba hahazo tombontsoa avy amin'ilay torolalana.

Afaka mijery ireo fizarana tsirairay ao anatin'ilay DVD sy mifanakalo hevitra momba an'izany ny mpikambana mandritra ny fivoriana sy ny fotoam-pianarana. Afaka mijery ireo fizarana ireo ny fianakaviana sy ny olona tsirairay, miaraka amin'ireo loharano fanampiny mba hampivelarana ny fandalinany izay hita ao amin'ny [www.lds.org](http://www.lds.org).

Ao anatin'ny toe-javatra tsirairay ampiasana azy, ny ampahany manan-danja indrindra ao amin'ny fanofanana dia hiseho rehefa tapitra ilay fizarana ary manomboka ny fifanakalozan-kevitra. Rehefa misaintsaina sy mizara ny zavatra henony sy tsapan'ny ary mijoro ho vavolombelona mikasika izany ny mpitarika sy ny mpikambana ary ny fianakaviana, dia hanentana ny fanahin'izy ireo ny Fanahy Masina ary hampianatra azy ireo ny fomba hampiharana ny torolalana ao anatin'ireo toe-javatra iainany manokana. Ity Fanofanana ny Mpitarika Maneran-tany ity dia hanampy amin'ny fanamafisana orina ny fianakaviana sy ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao amin'ny alalan'ireo zavatra iainana ireo. ■

**Mifanakalo hevitra mikasika ireo fitahiana avy amin'ny fananana ny fisoronana any amin'ny tokantrano tsirairay ny Loholona M. Russell Ballard, Linda K. Burton, ny Loholona Ronald A. Rasband, Elaine S. Dalton, Rosemary M. Wixom, ary Eveka Gary E. Stevenson izay mijoro eo ivelan'ny tranon'i Mary Fielding Smith ao amin'ilay toerana This Is the Place Heritage Park.**



## MAMALY NY ANTISO MBA HISIAN'NY MISIÛNERA BEBE KOKOA:

# Mamolavola Toetran'olona ho Misiônera ao An-tokantrano sy ao Am-piangonana

Nataon'i Heather Whittle Wrigley

Vaovaom-piangonana sy Zava-niseho

Mipetraka eo anoloan'ny faritra misy ny peta-drindrina izay feno sarin'ny zatovolahy sy zatovovavy miisa 37 ao amin'ny paroasiny ny Eveka Victor Nogales ao amin'ny Paroasy Parque Chacabuco, Buenos Aires Tsatôkan'i Argentina Congreso. Rehefa lasa mandeha manao asa fitoriana ny iray amin'izy ireo dia asi any soratra kely eo akaikin'ilay sary.

“Mientanentana tokoa ireo zatovoko rehefa miditra ato amin'ny biraoko ka mahita ireo sary sy soratra kely,” hoy izy. “Mamporisika azy ireo hanomana ny fanaovany asa fitoriana izany.”

Io paroasy any Buenos Aires io dia maneho tsara ny foto-pisainana mitodika amin'ny asa fitoriana. Tao anatin'ny enim-bolana voalohan'ny taona 2012, dia tanora miisa 19—olona niova fo ny 14 amin'izy ireo—no nandao ny tokantranony mba hanao asa fitoriana mandritra ny fotoana feno any amin'ny firenena valo. Mihoatra ny 80 isan-jato amin'ireo zatovo izay manana ny maha izy azy no nanolotena hanao asa fitoriana.

Nanao fangatahana maro ireo mpitarika ny Fiangonana taona vitsy lasa izay mba hisian'ny zatovo maro kokoa hanao asa fitoriana.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana ny Aprily 2005 izay fotoana fohy taorian'ny namoahan'ny Fiangonana ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera*, dia nanoro hevitra ireo fianakaviana sy mpitarika ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôtsôly Roambinifolo mba hanorina foto-pisainana mitodika amin'ny asa fitoriana ary

hanomana zatovolahy sy zatovovavy maro kokoa hanompo amim-pahamendrehana amin'ny alalan'ny fanampiana azy ireo hahatakatra hoe iza izy ireo ary amin'ny alalan'ny fampiaranana azy ireo ny fotopampianarana (jereo ny “One More,” *Liahona*, Mey 2005, 69).

Ny fanambaran'ny Filoha Thomas S. Monson nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny Ôktôbra 2012 hoe nampidinina ny sokajin-taona ahafahana mirotsaka ho misiônera dia fampahatsiahivana iray hafa fa hafainganin'ny Tompo ny asany.

Maro ireo fianakaviana sy mpitarika ao amin'ny Fiangonana ankehitriny no mandray ireo hafatra ireo am-po ary mametraka fombafomba tena tsara mikasika ny fanaovana asa fitoriana any amin'ny faritra misy azy ireo.

## Manampy ny Zatovo Hahatakatra hoe Iza Izy Ireo

Ho valin'ilay fanontaniana hoe: “Ahoana no nahafahanao nanomana ny maro tamin'ny zatovonao mba ho vonona hanompo?” dia namaly ny Eveka Nogales hoe: “Tamin'izaho voantso ho eveka, dia ny zatovon'ny paroasiko no nibahana tato an-tsaiko voalohany ary nataoko mazava tamin'ireo mpitarika hafa tao amin'ny paroasy fa mila mandray anjara eo amin'ny fiainan'izy ireo izahay.”

Ohatra, ireo misiônera rehetra avy ao Chacabuco dia nanana antso daholo tao amin'ny paroasy talohan'ny nandehanan'izy ireo. Matetika ireo olona vita batista vao haingana sy mpikambana malaina no nasaina mba

ho mpampianatra, ary dia nanampy azy ireo hiomana hampianatra ny filazantsara izany.

Nanao izay nanomanana arapanahy ny zatovo koa ny Eveka Nogales hiatrehany ny asa fitoriana tamin'ny alalan'ny fiarahana miasa amin'ireo misiônera amin'ny fotoana feno teo an-toerana.

Rehefa nanolo-tena ny hisahana ny zatovon'ny paroasy ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ireo mpikambana dia nahazo valisoa izy ireo tamin'ny fahitana ny halehiben'ny fivoaran'ilay foto-pisainana mitodika amin'ny asa fitoriana.

## Fianakaviana Mifantoka amin'ny Asa Fitoriana

Fantatr'i Garth sy i Eloise Andrus avy ao Draper, Utah, États-Unis ny dikan'izany hoe manana fianakaviana mifantoka amin'ny asa fitoriana izany. Manana zafikelilahy 17 izy ireo izay nanao asa fitoriana ary efa nanao asa fanompoana sy fitoriana miisa enina ny tenan'izy ireo.

Nilaza ny Rahalahy Andrus fa ny famolavolana foto-pisainana mitodika amin'ny asa fitoriana eo amin'ny fianakavianao dia zavatra atomboka raha vao mbola kely ny zanakao.

Nanaiky izany Rahavavy Andrus. “Tsy tokony hokobonina mangina ao am-po ny fiandrandrana hanao asa fitoriana fa tokony horesahanao amin'ny zanakao sy ny zafikelinao izany toy ireny hoe manantena ny hanaovan'izy ireo asa fitoriana ireny ianao—*rehefa* mandeha manao asa fitoriana ianao fa tsy hoe, *raha*,” hoy izy.

Ny fampianarana ny zatovo hoe iza izy ireo amin'ny alalan'ny fanehoana ohatra eo amin'ny fanaovana asa fitoriana dia zava-dehibe ihany koa. Tamin'ny 1980 ny Rahalahy sy ny Rahavavy Andrus no nanaiky ny antson'izy ireo voalohany ary handeha hanao asa fitoriana koa ny zanak'izy ireo faralahy tamin'izay.

Nanoratra ho azy ireo ny iray tamin'ireo zafikeliny lahy rehefa naharay fanomezana avy amin'izy ireo mba





**Mijoro eo amin'ny fitoeran'ny peta-drindrina izay mampiseho ireo zatovo rehetra ao amin'ny paroasiny ny Eveka Victor Nogales ary tafiditra ao anatin'izany ireo izay manao asa fanompoana amin'izao fotoana izao.**

hanampiana azy hiomana amin'ny asa fitoriana. Hoy Rahavavy Andrus hoe: “Nisaotra anay izy [noho ilay fanomezana], saingy nilaza izy hoe: ‘Fa ny tena zava-dehibe dia ny misaotra anareo noho ny ohatra nasehonareo.’”

### **Mampianatra ny Fotopampianarana**

“Ny zatovontsika dia manana zo hiandrandra fa ny ray aman-dreniny sy ny mpitarika ary ny mpampianatra azy ireo ao amin'ny Fiangonana dia hanao izay vitany mba hahafantarany sy hahatakarany ny filazantsaran'i Jesoa Kristy,” hoy ny Loholona Ballard. “Hanamafy ny fahamarinana ao ampon'izy ireo ny Fanahy Masina ary handrehitra ny Fahazavan'i Kristy ao anatin'ny fanahiny. Ary dia hanana misiônera *iray hafa* voamana tsara indray ianao” (M. Russell Ballard, “One More,” 71).

Eo amin'ny 9600 km avy eo Buenos Aires indray no misy ny Sampana Horseshoe Bend any amin'ny faritra ambanivohitra eo akaikin'i Boise, Idaho, États-unis izay nahita fivoarana tena lehibe koa eo amin'ny asa fitoriana rehefa nanamafy ny ezaka hampianatra ny filazantsara tamin'ireo zatovony ireo fianakaviana sy mpitarika.

Misy tanora sivy no manao asa fitoriana ao anatin'ilay sampana kely misy mpikambana 75.

Nanamafy ny antony hanompoana sy ny tombontsoa avy amin'izany ny Loholona Russell M. Nelson avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. “Ny misiônera rehetra . . . dia manompo miaraka amin'ilay faniriana tokana hanao izay hahatsara kokoa ny fiainan'ny hafa,” hoy izy. “Ny fanapahan-kevitra hanao asa fitoriana dia hanefy ny hoavy arapanahin'ilay misiônera sy ny an'ny

vadiny ary ny an'ny taranany ho avy. Ny faniriana hanompo dia vokatra tsotra fotsiny nateraky ny fiovampon'ny olona iray sy ny fahamendrehan'ny ary ny fiomanany” (“Anontanio ny Misiônera! Afaka Manampy Anao Izy Ireo!” *Liahona*, Nôv. 2012, 18).

Nanaiky izany i Martin Walker, filohan'ny Tsatòkan'i Emmett Idaho. “Ny fanaovana asa fitoriana dia mametraka zatovo iray eo amin'ny lalana iray izay hisy fiantraikany eo amin'ny taranaka maro ho avy,” hoy izy. “Manao izay vitany iza-hay eto amin'ny tsatòka eo amin'ny fanomanana ny zatovo amin'ny asa fitoriana.”

Ao anatin'izany fanomanana izany ny fampianarana ny zatovo ny fotopampianarana. Ny zatovo ao amin'ny Sampan'i Horseshoe Bend dia afaka manatrika isan-kerinandro ny kilasy fiomanana amin'ny asa fitoriana izay ampianaran'ny filohan'ny misiôna teo aloha iray—fanofanana izay mameno ny fanofanana amin'ny asa fitoriana omen'ny fivoriana fanomanana ny zatovo amin'ny asa fitoriana isam-bolana ataon'ny tsatòka ary ny Lasin'ny Fisoronana Aharôna.

I LaRene Adam—iray amin'ireo zanaka enin'ny Rahalahy sy Rahavavy Andrus—dia niaraka nanompo tamin'i Jim vadiny tany amin'ny Misiônan'i Copenhagen Danemark nanomboka tamin'ny 2007 ka hatramin'ny 2009. Nijoro ho vavolombelona mikasika ny maha zava-dehibe ny fampianarana ny zanaka ny filazantsara any an-tokantrano izy.

“Ny iray amin'ireo zavatra tsara indrindra azonao atao mba hanampiana ny zanakao hanana fijoroana ho vavolombelona mikasika ny asa fitoriana dia ny fanaovanao takarivan'ny mpianakavy sy ny fandalinan'ny mpianakavy ny soratra masina,” hoy izy. “Raha omenareo izany fototra mafy orin'ny fandalinana ny filazantsara sy ny fahalalana ny filazantsara izany izy ireo dia tena tsara omana kokoa ary tena mahafantatra bebe kokoa mikasika ny filazantsara.” ■

# Mahita Fifaliana ao anatin'ny Asa Fanompoana ireo Zatovo Misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana

Nosoratan'i Carolyn Carter

Vaovaom-piangonana sy Zava-niseho

Nanao ilay mari-pamantarana eo amin'ny tratra miloko mainty izay an'ny misiônera i Elder Ernesto Sarabia isan'andro nandritra ny asa fitoriana. Saingy niavaka tamin'ny an'ireo maro hafa ny asa fitoriana nataony—I Elder Sarabia dia zatovo misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana tao amin'ny biraon'ny Misiônan'i Mexico Hermosillo.

“Tsapanay fa tsy dia mety loatra ny hiatrehan'ireo zatovolainay sy zatovovavinay ny hamafin'ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno sy ireo fanambiny,” hoy ny Loholona M. Russell Ballard avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Saingy tsy midika izany hoy izy fa tsy afaka mahazo anjara amin'ireo fitahiana

avy amin'ny asa fitoriana sy fanompoana izy ireo (“One More,” *Liahona*, Mey 2005, 69).

Nilaza ny

Loholona Russell M. Nelson avy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: “Ny asa fitoriana dia asa fanompoana atao an-tsitrano amin'Andriamanitra sy ny olombelona” (“Anontanio ny Misiônera! Afaka Manampy Anao Izy Ireo!”

*Liahona*, Nôv. 2012, 18), ary maro ireo fomba azo anaovana izany asa fanompoana izany.

Ho an'ireo izay afa-tsiny tamim-boninahitra noho ny tsy fahafahana manao asa fitoriana amin'ny fotoana feno, na ho an'ireo izay tsy maintsy mody aloha, dia afaka manome traikefa tena tsara eo amin'ny fanaovana asa fanompoana ny fandaharan'asa ho an'ny Zatovo Misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana.

## Ireo Zavatra takiana Mba Hahafahana Manompo

Ny Zatovo Misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana dia tsy maintsy matanjaka ara-batana, ara-tsaina, ara-panahy ary ara-pihetsehampo mba hahafahany manatanteraka ireo andraikitra ao amin'ny antsony izay atao mifanentana tsara amin'izy ireo.

Ny asa ataon'ny Zatovo Misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana dia mety maharitra eo amin'ny 6 ka hatramin'ny 24 volana eo ary mety hoe manao asa fanompoana in-droa isan-kerinandro na mandritra ny fotoana feno. Misy ireo fahafahana manompo eo anivon'ny fiaraha-monina toy ny any an-trano koa. Ireo asa ataon'ny Zatovo Misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana, izay afa-miasa tsara, dia ahitana ny fanaovana fikarohana momba ny tantaram-pianakaviana, teknôlôjian'ny fampahalalam-baovao, mpanampy ao amin'ny biraon'ny misiôna, trano fitehirizan'ny eveka ary maro hafa koa.

## Fanohanana'ny Fianakaviana sy ny Fisoronana

Afaka manomana ireo Zatovo Misiônera Misahana Asa Fanompoana Manokana ao amin'ny Fiangonana

izay afa-miasa tsara ny ray aman-dreny sy ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana ary ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana mba hanao asa fitoriana.

Ny fianakavian-drahavavy Eliza Joy Young dia nitondra fanohanana mafy ho azy tokoa satria nanatitra sy naka azy tany amin'ny biraon'ny Fiangonana tany Sydney, Australie.

Hoy i Elder Michael Hillam izay miasa ao amin'ny Foibe Fanapariahana ao Hong Kong hoe: “Manampy ahy hiomana ireo mpampianatra seminera ahy vao marina sy ireo mpitarika ahy ao amin'ny Zatovolahy.”

## Mitondra Fitahiana ny Fahafahana

Nafoin-drahavavy Young ireo andro tsy hiasany ao anatin'ilay asa tsy maharitra ataony mba hanaovany asa fanompoana manokana ao amin'ny Fiangonana. Hoy izy hoe: “Mahatsapa ho akaiky kokoa ny Raiko any an-danitra aho noho ny fahafantarako fa manampy Azy Aho.”

Ankoatra ireo fitahiana ara-panahy dia manolotra tombontsoa lehibe ara-tsôsialy sy eo amin'ny lafin'ny asa ho an'ireo misiônera mbola zatovo ny fanaovana asa fanompoana manokana ao amin'ny Fiangonana. “Ilay asa fanompoana manokana nataoko dia nampiseho tamiko fa afaka manao asa tsy mila fanampiana manokana aho,” hoy Rahavavy Young. (Tsy nanao afa-tsy asa mila fanampiana manokana izy teo aloha.)

Na dia hoe mety tsy ho afaka hanompo daholo aza ny tanora manambady sy tsy manambady izay manam-paniriana ny hanao izany, dia misy ny ezaka lehibe atao mba hanomezana fahafaham-po ireo tanora manambady sy tsy manambady tsirairay izay mendrika. Ny zatovolahy sy ny zatovovavy izay te hanompo araka izany fomba izany dia afaka miresaka amin'ny evekany na ny filohan'ny sampany izay afaka mahita zavatra mifanaraka amin'ny tokony ho izy ho azy ireo.

Vakio misimisy ny momba izany ao amin'ny news.lds.org amin'ny alalan'ny fikarohana ny hoe “young church-service missionaries” (missionnaires des services de l'Église). ■





# Fitetezam-paritra nataon'ireo Mpitarika ny Zatovovavy sy ny Fikambanana Ifanampiana Maneran-tany tany amin'ny Faritr'i Asie

**Nosoratan'i Brenda Frandsen, tompon'andraikitra manokana misahana ny fampahalalam-baovao any amin'ny faritr'i Asie**

Niaraka tamin'ny fanampian'i David O. Heaps, i Paul Stevens ary i Linda Rae Pond Smith

**N**andritra ny sivy andro tao anatin'ny volana Nôvambra 2012 dia nampianatra sy nankahery ireo rahavavy tanora sy lehibe nanerana ny faritr'i Asie rehetra i Mary N. Cook, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany ary i Linda S. Reeves, mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany.

Izany dia izany dia nifanojo tamin'ilay fanambarana mikasika ny boky fampianarana nohavozina ho an'ny Zatovo, *Viens et Suis-moi*, izay hampiasain'ny kilasin'ny Zatovolahy sy Zatovovavy ary ny kilasin'ny Sekoly Alahadin'ny zatovo manomboka ny Janoary 2013. Ity boky fampianarana vaovao ity dia natao mba hanampiana ny mpampianatra hampianatra araka ny fomba nampianaran'ny Mpa-monjy ary hampisy fifandraisana mafy orina kokoa amin'ireo mpianatra.

Taorian'ny famangian-drahavavy Cook sy Rahavavy Reeves ny faritr'i Asie dia maro ireo zatovo sy ray aman-dreny avy any Asie no nieritritra fa vonona kokoa ny hanadio sy hanitsy ny fiainany izy ireo ary ho lasa ohatra eo amin'ny fiaraha-monina misy azy ireo.

**Nihaona tamin'ireo manampahafana tao amin'ny vondrom-paritra sy ireo mpitarika ao amin'ny fisonana ary ny mpikambana tany Taiwan i Mary N. Cook sy Linda S. Reeves.**

Nampanantena ny zatovo ny Rahavavy Reeves tany Hong Kong hoe: "Raha toa ianareo ka mitoetra ho madio eo amin'ny fiainanareo dia afaka mijoro amim-pahatokiana eo anatrehan'ny olona na iza izany na iza!"

Nanentana ny fanahin'i Tang Kak Kei 12 taona ny teniny ka izao no nolazainy taorian'ny fivoriana: "Fantatro fa mila mamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro aho. Ny mianatra mibebaka sy miaina amim-pahamarinana no nampianaran'ny *Jeunes Soyez Forts* ahy fa tokony hataoko mba hamenoan'ny Fahazavan'i Kristy sy ny fifaliana marina ny tenako."

Nihaona tamin'ireo mpikambana tao amin'ny trano fiangonana vaovao tao amin'ny Distrikan'i Chennai Inde ny Rahavavy Cook tany Inde ary nihaona tamin'ireo mpikambana tao amin'ny Tsatôka vaovaon'i Hyderabad Inde ary nangataka ny tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony mba hiomana amin'ny hoavy. "Aoka ianareo mba hianatra," hoy izy namporisika, "hanana fahaiza-manao izay hanampy anareo hanorina ny fanjakana. Mifantoha amin'ny fianakavianareo sy ny zavatra azonareo atao mba hitahiana ireo olona ao amin'ny fianakavianareo ary mifantoha amin'ny fiomananareo ara-panahy mba hahamendrika anareo hahazo ireo bitsika ara-panahy ireo ary mba hahafahanareo mahafantatra ny lalana tokony haleha sy ny zavatra tokony hatao."

Ny Rahavavy Reeves dia nandray anjara tao anatin'ny fihaonambe voalohan'ny Tsatôka vaovaon'i Surakarta Indonésie. "Tsapanay ilay toe-panahin'izy ireo feno fanetren-tena sy fitiavana. Tena mpikambana mahatoky izy ireo!" hoy izy.

Dia nitsidika an'i Malaisie avy eo Ny Rahavavy Reeves ka niaraka niresaka tamin'ny andian-drahavavy tao amin'ny Fikambanana Ifanampiana mikasika ireo olana tena maika tokony hatrehana ao anatin'ny Fikambanana Ifanampiana amin'ny maha-fikambanana azy ao Malaisie ary ny fomba ahafahan'ny Fiangonana manome fitarihana sy fanohanana ara-panahy.

Naneho fanamarihana mikasika ny hery sy ny fanoloran-tena ananan'ireo mpikambana eo antoerana ny Rahavavy Reeves tany Taiwan. "Tena faly izahay mahafantatra mikasika ny fiainan'izy ireo izay feno fahatokiana ary ny fandehanan'izy ireo tsy tapaka any amin'ny tempoly. . . . Ohatra mahatehotia eo anatrehan'ny namany sy ny mpifanolobodirindrina aminy ireo mpikambana," hoy izy. ■



SARY MALAIYI YANG CHIEH-WEN



**Ampisehon'ny zatovo manerana an'izao tontolo izao ny fomba hitsanganany eo amin'ny toerana masina.**

**Mitady Sarin-jatovo**

Ny Tarigetra Ifampizarana amin'ity taona ity dia ny hoe "Mitsangana eo amin'ny toerana masina ianareo ary aoka tsy hoesorina" (F&F 87:8). Ry zatovolahy sy zatovovavy, mitady ny sarinareo mitsangana eo amin'ny toerana masina ny *Liahona*. Ireo sary ireo dia mety mampiseho anareo manokana fotoana iarahana amin'ny fianakaviana, manao asa fanompoana, manao asa fitoriana, mamorona zavakanto, mandalina ny filazantsara, mamantatra ny zava-boahary ary manao zavatra maro hafa koa! Toy izao no fomba handefasanareo ny sarinareo:

- Asaivo misy olona iray maka sary anao mitsangana eo amin'ny toerana masina.
- Alefaso email amin'ity adiresy ity ny sarinao à haute résolution: [liahona@ldschurch.org](mailto:liahona@ldschurch.org).
- Asio hafatra mikasika ny antony mahamasina ilay toerana izany.
- Ampidiro ao anatin'ny email alefanao azafady ny anaranao feno, ny daty nahaterahanao, ny anaran'ny paroasy sy tsatòka misy anao (na sampana sy distrika) ary ny adiresy email an'ny ray aman-dreninao.

Haseho ao anatin'ny laharana iray izay ho avy ireo sarin-jatovo manerana an'izao tontolo izao.

**Namangy an'i Maroc ny Apôstôly Iray**

Tamin'ny Desambra 2012, taorian'ny nanorenana ny tsatòkan'ny Fiangonana faha-3000 tany Sierra Leone any Afrika

Andrefana dia nandeha nitsidika manokana ny sampana kelin'ny Fiangonana sady lavitra iray tany Rabat any Maroc ny Loholona Jeffrey R. Holland avy ao amin'ny Kôlejiny ny Apôstôly Roambinifolo.

Nandritra ny fivoriana fampaherezampanahy iray natao ny Alahady hariva dia nizara ny fitiavan'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao ny Loholona Holland na dia vitsy aza izy ireo ary na dia lavitra aza ny misy azy ireo.

"Tsy hadino ianareo ary tafiditra ao anatin'ilay asa mahatalanjona noho ny famaritan'ny Tompo sy ny fanafainganany ny fanangonana an'i Isiraely ao anatin'izao fotoampitantanana farany izao," hoy izy.

**Notokanana ny Tempolin'i Tegucigalpa Honduras**

Taorian'ny fampisehoana ara-javakanto sy ny varavarana misokatra nandritra ny telo herinandro dia notokanana tao anatin'ny fotoam-pivoriana telo ny Tempolin'i Tegucigalpa Honduras ny Alahady 17 Martsa 2013 ary nampitaina mivantana tamin'ireo vondrona rehetra an'ny Fiangonana tao Honduras sy Nicaragua izany.

Faly ireo mpikambana avy any Honduras, izay nanao dia mandritra ny ora maro toy ny fomba hatrizay mankany amin'ny Tempolin'i Guatemala City Guatemala, rehefa nahita fa notokanana ny tempoly voalohany ao amin'ny firenena. Tao anatin'ny taratasy tamin'ny 09 Jiona 2006 no nanaovan'ny Fiadidiana Voalohany fanambarana voalohany mikasika izany tempoly izany ary nangadiana tamin'ny 12 Septambra ny fototr'io toerana amin'izao fotoana izao io.

**Namangy an'i Allemagne ny Filoha Monson**

Tamin'ny faramparan'ny taona 2012 teo dia nandeha tany Allemagne ny Filoha Thomas S. Monson mba hihaona amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana any Hamburg, Berlin, Munich, sy Frankfurt ary handrisika azy ireo mba hanaraka an'i Jesoa Kristy.

"Nampianatra ny famelan-keloka tamin'ny alalan'ny famelana ny hafa lzy," hoy izy tamin'ireo mpikambana tany Frankfurt. "Nampianatra ny fangorahana tamin'ny alalan'ny fanehoana fangorahana lzy." Nampianatra fanoloran-tena tamin'ny alalan'ny fanolorany ny Tenany lzy."

**Mampianatra Ahy ny Fanahy Masina**

Hatramin'izay nidiran'ny fianakaviako ho mpikamban'ny Fiangonana izay dia nahita ny hery azo avy amin'ny famakiana ny *Liahona aho*. Tamin'ny alalan'ireo teny lalina ireo no nahazoako faharisihana hanao asa fitoriana. Maro ireo lohahevitra voaboasana ao anatin'ilay gazetiboky saingy ny zava-dehibe ho ahy dia ny zavatra ampianaran'ny Fanahy Masina ahy isaky ny mamaky izany aho. Tena ho afaka tokoa isika—na dia ao amin'ny "faritry ny fahavalo" aza (jereo ny Boyd K. Packer, "How to Survive in Enemy Territory," *Liahona*, Oct. 2012, 24)—rehefa mandalina sy mamaky ary mampihatra ireo fitsipika nampianarina. Velona ny Mpamonjy, eto an-tany ny fisoronana ary any andanitra Andriamanitra.

**Newton T. Senyange, Ouganda**

**Fanitsiana**

Diso ny anaran'ireo olona nosorantana fa hoe naka ny sary tao amin'ny "Naorina ny Tsatòka Voalohany any Inde" ao amin'ny pejy 76–77 ao anatin'ny *Liahona* Ôktôbra 2012. Nalain-drahavavy Gladys Wigg ireo sary ireo. Ialanay tsiny ny fahadisoana.

Ny fianakaviana Vigil tao anatin'ny *Liahona*, Desambra 2012 izay resahana ao anatin'ny lahatsoratra "Des transformations sacrées" ao amin'ny pejy 36 dia natao batisa tamin'ny Jolay 2010 fa tsy tamin'ny Jona 2011. Ary i Andrea Vigil koa dia teraka tamin'ny Jolay fa tsy Aogôsitra 2012.

Diso ny fanazavana eo amin'ilay sary ao amin'ny pejy 2, ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Lorenzo Snow*. Sarin'i Oliver Goddard Snow, zanakalahin'ny Filoha Snow izany. Ao anatin'ny maribolana ao amin'ny pejy 28 koa dia tokony ham-pifamadihana ny anaran'i Brigham Young Jr. sy Francis M. Lyman.



# MISOTRO AVY AMIN'ILAY LOHARANO

Nosoratan'i Aaron L. West

Sampan-draharahan'ny Famoaham-boky  
ao amin'ny Fianganana

Rehefa miresaka mikasika ny hakanton'ireo tempoly isika dia mazana no manonona ireo tilikambo, ireo varavarankely ary ireo sary amin'ny rindrina. Miresaka amim-panajana isika mikasika ireo fitoeran-drano fanaovambatisa, ireo efitrano fanaovana fanafiana masina, ireo efitrano fanaovana famehezana ary ireo efitra selestialy.

Fa rehefa manokana ny tempoly ho an'ny Tompo ny mpaminany iray dia ny trano manontolo no tokanany fa tsy ireo ampahany izay tsara fotsiny izay tsikaritry ny rehetra. Tamin'ny vavaka nanokanana ny Tempolin'i Kansas City, Missouri dia niteny ny Filoha Thomas S. Monson hoe: “Hamasininay ny tany izay iorenan'ity tempoly ity. Hamasininay ny zavatra rehetra ao amin'ity trano tsara tarehy ity, manomboka any amin'ireo fototra tsy hitan'ny maso ka hatramin'ilay sarin'i Môrônia be voninahitra izay mandravaka ny tendrony ambony indrindra.”<sup>1</sup> Raha nanonona ny vavaka fanokanana ny Tempolin'i Ogden Utah ny Filoha Joseph Fielding Smith dia namasininy “ireo fototra, ireo rindrina, ireo gorodona, ireo tafo, ny tilikambo ary ireo zavatra rehetra ao amin'ilay trano,” ary nivavaka mba hiarovana “ireo milina, ireo tariby mitondra herinaratra sy ireo jiro, ny fitaovana fampanga-tsiahina ny rivotra sy ireo ascenseurs, ary ireo zavatra rehetra mahakasika ity trano ity.”<sup>2</sup>

Feno fankasitrahana aho fa manainga ny fanahin'ireo mpaminany ny Tompo hanamasina ireo zavatra rehetra ao amin'ny tempoly



*I Jesoa Kristy no loharanon'ny rano velona.*

tsirairay. Na dia hita mazava aza fa latsa-danja kokoa ny tanjon'ny savilim-baravarana na ny endriky ny jiro raha ampitahaina amin'ny alitara iray ao amin'ny efitrano famehezana, ny singa madinika kokoa toy ireny dia mandray anjara amin'ny tanjona faratampony sy masina izay an'ny tempoly.

Ny iray tamin'ireny singa madinika ireny dia nanampy ahy hianatra lesona iray maharitra. Indray andro aho tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake, niomana ny handao ny efitrano fisoloana akanjo rehefa avy nandray anjara tamin'ny ôrdônansy iray ho an'ny maty. Raha nahatsikaritra fisotroana rano aho dia nahatsapa fa nangetaheta ka dia niondrika aho hisotro rano kely. Nisy hafatra iray tonga tato an-tsaiko:

*Misotro amin'ity rano ato amin'ny tempoly ity ianao, kanefa moa ve tena misotro ilay rano velona izay hita ato?*


Tsy fanamelohana mahery vaika akory izany—fa fananarana malefaka fotsiny sy fanontaniana miantefa hatrany anatin'ny fanahy.

Tsia no valinteniko tamin'izany fanontaniana izany. Tsy tena nisotro tamin'ilay rano velona tao amin'ny tempoly aho. Tsy maintsy miaiky aho fa somary nandehandeha ihany ny saiko minitra vitsivitsy teo aloha raha teo am-pandraisana ôrdônansy ho an'ireo efa nodimandry. Na dia nahavita asa tsara ho an'ny olona izay nila ny fanampiako aza aho, dia tsy namela ny tenako handray ny fanampiana rehetra izay nilaiko.

Ankehitriny isaky ny mandeha mankany amin'ny tempoly iray aho dia mitady fisotroana rano ary mijanona kely hisotro rano eo. Manontany tena aho hoe hatraiza ny halalin'ny fisotroako rano avy amin'ilay loharano velona. Ny valinteniko dia hoe: Mbola tsy lalina tsara. Saingy mitombo ny hetahetako. ■

## FANAMARIHANA

1. Thomas S. Monson, ao amin'ny “Kansas City Missouri Temple: ‘Beacon of Divine Light’—an Offering of Hands and Hearts,” *Church News*, 12 Mey 2012, ldschurchnews.com.
2. Joseph Fielding Smith, ao amin'ny “Ogden Temple Dedicatory Prayer,” *Ensign*, Mar. 1972, 12.



SARY NATAONI | ROBERT T. BARRETT

## **WILFORD WOODRUFF**

Nanao asa fitoriana tany Grande Bretagne i **Wilford Woodruff** tany amin'ny taona 1840 tany ho any. Noho io asa fanompoana io dia olona maherin'ny 1.000 no **vita batisa**. Taty aoriana i Wilford Woodruff dia lasa filohan'ny **Tempolin'i St. George Utah**. Tamin'ny naha Filohan'ny Fiangonana azy dia nanao izay ahatongavan'i **Utah** ho lasa fanjakana izy. Izy koa no nandray ilay fanambarana ary namoaka ny **Filazana ôfisialy 1** izay nanome torolalana ireo Olomasina hampitsahatra ny fanambadiana maro.





**L**alaovin'ireo mpilalao sarimihetsika ireo zava-niseho teo amin'ny fiainan'i Jesoa Kristy ho an'ny horonantsary ao amin'ny tranonkala izay hita ao amin'ny [biblevideos.lds.org](http://biblevideos.lds.org); zava-niseho maro nandritra ny herinandro farany teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy no aseho ao anatin'ny lahatsoratra ao amin'ny pejy 26. Ampianarin'ny Loholona Russell M. Nelson ao amin'ilay hoe “Ny Asa Nanirahana an'i Jesoa Kristy sy ny Asa Fanompoana Nataony” (pejy 18) ireo lafin-javatra efatra teo amin'ny asa fanompoan'ny Mpamonjy izay azontsika alaina tahaka eo amin'ny fiainantsika.

NY FIANGONAN' I  
**JESOA KRISTY**  
HO AN' NY OLOMASIN' NY  
ANDRO FARANY